Etude ou Evaluation réalisée avec l'appui du F3E (ref.181Ev) pour :

F3E

Fonds pour
la promotion des
études préalables
études transversales
évaluations

inter aide

Lancement et suivi de programmes concrets de développement
44, rue de la Paroisse 78000 Versailles
☎ +33 1 39 02 38 59 🖹 +33 1 39 53 11 28
: interaide@interaide.org

# EVALUATION DU PROCESSUS DE TRANFERT DE COMPETENCES & DE RESPONSABILITES AUX ACTEURS LOCAUX

## PROGRAMME DE DEVELOPPEMENT ECONOMIQUE ET SOCIAL DANS LES QUARTIERS PAUVRES D'ANTANANARIVO- MADAGASCAR

## Résumé du rapport d'évaluation externe (Version Malagasy)

**Septembre 2004**

**Auteurs :**
Sahondra RANIVOARINIAINAS
Véronique QUIBLIER

**32, rue Le Peletier**
**75009 Paris**
**T. 33 (0)1 44 83 03 55**
**F. 33 (0)1 44 83 03 25**
**f3e@f3e.asso.fr**

Réseau d'appui aux actions et formations pour le développement
rafod

30 rue Sainte Hélène 69002 Lyon France
☎ **+33 4 72 77 87 55** 🖹 **+33 4 72 41 99 88**
: **rafod@rafod.org** **www.rafod.org**

# FIZAHAN-TAKELAKA

Pejy

Fanolorana ny tomban'ezaka 4

1. INTER-AIDE ETO MADAGASIKARA 4
2. IREO TOE-JAVA-MISY MANODIDINA NY TOMBAN'EZAKA 4
3. ZAVA-KENDREN'NY TOMBAN'EZAKA 5
4. FAMELABELARANA NY ZAVATRA NATAO SY NY FOMBA FITONDRANA NY ASA 6
   4.1 DINGANA FANOMANANA 7
   4.2 NY ASA AN-TSEHATRA 7

s

A. Tomban'ezaka natao amin'ny fikambanana C-E-FOR 10

1- FANOLORANA AMBANGOVANGONY NY FIKAMBANANA C-E-FOR (Crédit-Epargne-FORmation) 10
2- NY HERY ANANANA SY NY ZAVATRA EFA VOAFOLAKA EO AMIN'NY LAFINY FANDRAISANA ANDRAIKITRA NY FAHAIZA-MANAO 10
   2.1 HOENTI-MANANTANTERAKA ARA-OLANA (RESSOURCES HUMAINES) 10
   2.2 FANATANTERAHANA IREO ZAVA-KENDREN'NY FANDAHARAN'ASA 11
   2.3 NY FAMPIASANA IREO FAHAIZA-MANAO VAOVAO SY NY ANDRAIKITRA TAZONINA 12
   2.4 FOMBA FAMPITAN-JAVATRA TSIKARITRA 13

3- IREO HERY ANANAN'NY FIKAMBANANA C-E-FOR RAHA JERENA EO AMIN'NY FAMPAHARETANA NY ASA SY NY FAHAFAHA-MIZAKA TENA 14
   3.1 IREO FIKASANA HOENTI-MAMPAHARITRA NY ASA 14
   3.2 IREO FIFANDRAISANA FIARAHA-MIASA SY NY FANKATOAVAN'NY ANY IVELANY EFA VOAPOROFO 14
   3.3 FISIAN'NY KOMITY MPITANTANA 14

4- IREO LAFIN-JAVATRA MITAKY FANATSARANA SY IREO LAFIN-JAVATRA METY HAMPANDROSO KOKOA 14
   4.1 IREO FAHAIZA-MANAO TOKONY HOFENOINA 15
   4.2 IREO FOMBA FAMPITAN-JAVATRA MANDEHA ILA: FANAMARINANA NY SOSO-KEVITRA NAROSO NO NISY FA TSY FAMOKARAN-KEVITRA 16
   4.3 FANAOVANA DINIKA MATOTRA MIKASIKA NY FAMPAHARETANA IREO TETIK'ASA C-E-FOR 16
   4.4 FANANGANANA FILAN-KEVI-PANDAHARANA/FITANTANANA (CONSEIL DE GESTION) MAVITRIKA SY TENA IZY 16
   4.5 TOERANA MISY NY MPANOLOTSAINA TEKNIKA 17

B. Tomban'ezaka natao amin'ny fikambanana KOLOAINA 18

1- FANOLORANA AMBANGOVANGONY NY FIKAMBANANA KOLOAINA 18
2- NY HERY ANANANA SY NY ZAVATRA EFA VOAFOLAKA EO AMIN'NY LAFINY FANDRAISANA ANDRAIKITRA NY FAHAIZA-MANAO 19
   2.1 HOENTI-MANATANTERAKA ARA-OLONA (RESSORCES HUMAINES) 19
   2.2 FANDAHARAN'ASA FAMPANDROSOANA 19
   2.3 FISIAN4NY FAHAIZA-MANAO EFA KATSAHINA SY FANDRAISNA ANDRAIKITRA AMIN'NY AMPAHANY EFA ATOMBOKA 20
   2.4 FANOMEZAN-DANJA NY FAHAIZA-MANAO ANANAN'NY EO AN-TOERANA 21
   2.5 FOMBA FAMPITAN-JAVATRA TSIKARITRA 22

3- IREO LAFIN-JAVATRA TSARA TOHIZANA MBA HO FAMPAHARETANA NY ASA HISIAN'NY FAHAZAKATENAN'NY FIKAMBANANA 22
   3.1 NY FAHAVONONAN'NY ETO AN-TOERANA HIARO SY HANOHY NY KARAZAN'ASA SOSIALY TOY ITONY 22
   3.2 IREO LAFIN-JAVATRA IALINA AMIN'NY FAMPIZAKAN-TENAN'NY FIKAMBANANA 23

4- IREO FAHASAROTANA NOSEDRAINA SY SOSO-KEVITRA AMIN'NY FANAMBOARANA AZO ATAO 23
   4.1 FAHAIZA-MANAO TOKONY HAMAFISINA SY IREO ANDRAIKITRA TOKONY HOTANTERAHINA 23
   4.2 FISIAN'NY FISALASALANA NOHO NY FOMBA FAMPITAN-JAVATRA MANDEHA ILA 25
   4.3 IREO TOROLALANA HEVERINA FA MITONDRA MANKAMIN'NY FAMPAHARETANA NY ASA 25
   4.4 FIFANDRAISANA MISY DISADISA EO AMIN'NY KOLOAINA SY INTER-AIDE 25
   4.5 FANANGANANA FILAN-KEVI-PITANTANANA TENA IZY SY MAVITRIKA 26

C. Tomban'ezaka amin'ny fandaharan'asa fanabeazana 28

1. FANOLORANA NY SAMPANA FANABEAZANA, ANTSOINA KOA HOE : OSIS 28

2. IREO AKANY FIBEAZANA FOTOTRA AN-DALAM-PIROBOROBOANA 29
2.1 AMBANY NY TOLOTRA RAHA MITAHA AMIN'NY TINADY 29
2.2 IREO FAHAIZA-MANAO SY ANDRAIKITRA EFA ANANANA EO ANIVON'NY CSP IRENY 29
2.3 FANKATOAVANA NY FISIAN'NY AKANY FIBEAZANA FOTOTRA 31
2.4 FAMPAHARETANA NY CPS 31

3. FAMPIDIRANA NY TANTSOROKA AMIN'NY FIANARANA AN-TSEKOLY ANY AMIN'NY EPP 32
3.1 FAHOMBIAZANA ARA-BOKATRA 32
3.2 IREO FAHAIZA-MANAO EFA ANANANA 32
3.3 IREO VINAVINA HOENTI-MAMPAHARITRA NY ASA 33

4. EKIPA FANABEAZANA SY OSIS 34
4.1 FAHAIZA-MANAON'IREO EKIPA "CADRES" 34
4.2 ZOTRA-PIVOARAN'NY FAHAFAHA-MIZAKA TENA 34

5. FOMBA FIASA ISAN-KARAZANY AMIN'NY FAMPITAN-JAVATRA 35

FAMINTINANA 36
1. NY DINGANA EFA TRATRA AMIN'NY MAHA-MAHATIANINA SY FANDRAISAN'ANDRAIKITRA EO AMIN'IREO MPIKATROKA EO AN-TOERANA AMIN'ITY FANDAHARAN'ASA ITY 36
1.1 Ireo hery ananana 36
1.2 Ireo vokatra nentin'izany 36
1.3 fahaiza-manao sy andraikitra efa tazonina 36

2. FOMBA SY FEPETRA ILAINA AMIN'NYFAMPITAN-JAVATRA 37

3. FAHARETAN'NY ASA ATAO SY NY FAHAFAHA-MIZAKA TENAN'IREO MPIKATROKA AMIN'NY FANDAHARAN'ASA 37

D. "La Passerelle" 38

1. LOHARANO NIPOIRAN'ITY LAMINA NAPETRAKA ITY 38

2. IREO SAFIDY NATAO TANY AM-PIANDOHANA 38

3. NY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA EO AMIN'NY PASSERELLE 39
3.1 FOMBA FANOVOZAN-KEVITRA IANGAINA "SYSTEME DE REFERENCE" 39
3.2 FANJOHIANA IREO FANOROAN-DALANA 39
3.3 FIHAONANA EO AMIN'NY SAMPAN'ASA SAMY HAFA (INTER-SECTEURS) 39
3.4 FANOMEZAN-DANJA NY FITAOVANA FAMPAHALALAM-BAOVAO 40

4. FITSANGANAN'NY FAMPIVONDRONAN-KERY 40
4.1 FANOFANANA MANOME VAHANA NY "ECHANGES CROISES" 40
4.2 FIFANKAFAHANTARANA BEBE KOKOA SY FANOMEZAN-KASINA 40
4.3 FISIAN'NY FIFANOHANAN'NY SAMY SAMPAN'ASA 40

5. NY FOMBA FAHITANA ILAY LAMINA NAPETRAKA 40
5.1 FANDRAISANA ANDRAIKITRA TANTERAKA 40
5.2 LAMINA NAPETRAKA IZAY TSAPA FA MITOMBINA 41
5.3 IREO TOLO-KEVITRA NAROSO 41
5.4 FISIAN'NY FANGATAHANA AVY ATY IVELANY 41

6. IREO LAFIN-JAVATRA AFAKA MAMPANDROSO 42
6.1 TOERANA IPETRAHANA SY FANDAMINAN'ASA AO AMIN'NY PASSERELLE 42
6.2 FAMPITOMBOANA IREO « ECHANGES CROISES » 42
6.3 FAMPAHAFANTARANA (AN-GAZETY, HAINO AMAN-JERY) IO FOMBA HITONDRANA NY ASA IO 42

E. Ireo lafin-javatra anehoana ny voka-pandinihina mahakasika ny za-drehetra nanaovana tomba'ezka 44

1. FANDAHARAN'ASA AHITAM-PAHOMBIAZANA SY MAMPIVOATRA 44
2. IREO FOMBAFOMBA FAMPITAN-JAVATRA IFAMPIZARANA 45
3. FAKANA TOERANA VAOVAO MITODIKA BEBE KOKOA AMIN'NY HO AVY 45
3.1 FANAVAHANA NY FANOHANANA ARA-TEKNIKA SY NY LAMINA APETRAKA MOMBA NY ARA-BOLA 46
3.2 IREO LMINA APETRAKA IZAY MIJERY NY FAHASAMIHAFANA SY NY FAHITANA AVY ETY IVELANY 46

Famaranana 48

# FAMPIDIRANA
# FANOLORANA NY TOMBAN'EZAKA

## 1-INTER-AIDE ETO MADAGASIKARA

Efa folo taona izao no nanombohan'ny INTER-AIDE ny tetik'asa fampandrosoana amin'ny lafiny sosialy an-tanàn-dehibe any amin'ireo Fokontany manodidina ny renivohitry Madagasikara. Ireo asa fanampiana amin'ny fampandrosoana entiny dia mizarazara ho sampana telo: fanabeazana, tantsoroka fianakaviana ary fampidirana amin'ny tontolon'ny asa. Maharakotra Fokontany 61 eny amin'ny faritra iva eto an-drenivohitra, ahitana olona 450.000 eo ho eo.
Ny zava-kendrena iombonan'ireo fandaharan'asa ireo fanatsarana ny fari-piainan'ny fianakaviana tena sahirana eny amin'ny faritra iva, amin'ny alalan'ny fanamorana ny famerenana azy ao anatin'ny tontolom-piaraha-monina sy toe-karena.

Misy noho izany ny fampiasana famatsiam-bola avy any amin'ny ila-bola-tany avaratra, izay mahatratra 78% avy amin'ny "fonds publics", (Firaisambe Eropeana sy ny Ministeran'ny raharaham-bahiny), ary ireo famatsiam-bola avy amin'ny sehatra tsy miankina sy misy eto an-toerana (3% UNICEF, fonds d'Ambassade).

Teo anelanelan'ny taona 1998 sy 2001, ny santsasany amin'ireo "cadres" tao amin'ny fandaharan'asan'ny INTER-AIDE , izay nandray anjara tamin'ireny asa (tantsoroka fianakaviana sy sampana fampidirana amin'ny tontolon'ny asa) ireny, dia nanangana fikambanana manana zo Malagasy mba ho afa-mandray ny fitantanana ny asa.
Amin'izao fotoana izao, ireo fandaharan'asa ireo dia efa sahanin'ny ekipa eto an-toerana, izay mivondrona ao anatina endrika fikambanana nahazo fanohanana ara-bola sy ara-teknika avy amin'ny INTER-AIDE (fametrahana mpanolotsaina teknika izay vahiny/tompon'andraikitra amin'ny fandaharan'asa).

Misy telo ireo mpiara-miombon'antoka eto an-toerana miditra an-tsehatra amin'ny fanatontosana ny fandaharan'asa fampandrosoana ny toe-karena sy sosialy tohanan'ny INTER-AIDE:

- Ny Fikambanana **KOLOAINA**, niatomboka tamin'ny taona 2001, dia misahana ireo asa mifandray amin'ny tantsoroka fianakaviana any amin'ireo Fokontany 28, izay ankinina amin'ny olona 27 avy ao amin'ny ekipa KOLOAINA. Ny teti-bola ampiasainy anatin'ny taona 1 dia mahatratra 101.36 euros [1]. Ny tantsoroka avy amin'ny INTER-AIDE amin'io fandaharan'asa io dia iantohan'ny mpanolo-tsaina teknika izay napetrany eto.
- Ny fikambanana **C-E-FOR** 5Cr2dit-Epargne-FORmation) dia mikendry ny hampivelatra ireo sampana fampisamboram-bola madinika sy fanofana arak'asa any amin'ny Fokontany 61, nanomboka ny faran'ny taona 2001, C-E-FOR dia manana ekipa teknika ahitana olona 45, miasa eto Antananarivo. Ny teti-bolany dia eo ho eo amin'ny 171.368 euros, ka ny 81% amin'izany dia iantohan'ny INTER-AIDE. Misy mpanolotsaina teknika iray ao anatin'ny rafitra io, izay miandraikitra ny fanjohiana ny asa atao.
- Ny sampana **Fanabeazaba/OSIS** dia sahanin'ny ekipa any eto an-toerana, misy mpikarama 25 iantohan'ny INTER-AIDE. Raha toa ka mpitondra Malagasy no mandrindra ireo fandaharan'asa roa voalohany teo, ity sampana farany ity kosa dia eo ambany fitarihan'ny vahiny iray izay tompon'andraikitry ny fandaharan'asa INTER-AIDE. Ny tsy fahombiazan'ny fitondrana Malagasy, tamin'ny taona 2001, dia nitarika ny INTER-AIDE handray an-tanana ny fanatatanterahana ireo asa atao momban'ny fibeazana fototra sy ny fanohanana amin'ny fianarana an-tsekoly any amin'ireo Fokontany 35. Ny teti-bolany kosa dia mahatratra 105.485euros.

Ho fitsinjovana ny fampaharetana ny asa sy ireo faritra eto an-toerana nanankinana ny fandaharan'asa, dia efa an-dalam-panatanterahana ny zotram-pivoaran'ny fampitan'andraikitra sy fahaiza-manao amin'ireo mpiara-miombon'antoka samihafa (fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana "non gouvernemental" sy ireo mpikatroka eny anivom-piaraha-monina), anton'ezaka ity.

## 2. IREO TOE-JAVA-MISY MANODIDIDNA NY TOMBAN'EZAKA

Ity tomban'ezaka ity dia tafiditra ao anatin'ny vanim-potoana misy ny famatsiam-bola 2001/2005, iantohan'ny Firaisambe Eropeana (confinancement B7-6000).
Ny lohahevitra iompanan'ity fandalinana ity, tany am-boalohany dia nofaritan'ireo mpanolotsaina teknika sy ireo mpitarika ny sampana ao amin'ny foiben'ny INTER-AIDE, ary taty aoriana dia nampandalovina ihany koa, tamin'ireo mpiara-miombon'antoka: KOLOAINA sy C-E-FOR.

---

[1]. Vangovangon-kevitra nalaina tamin'ny tatitra ara-bola, taona 2002/2003

Ny fisian'ireo "monitoring" 03 notontosaina tamin'ny 2001 sy 2004, araka izay nangatahin'ny Firaisambe Eropeana, dia nampisongadina ny vokatra azo tami'ny fandaharan'asa, ka nahatonga ny INTER-AIDE haniry ny hanompanana ity tomban'ezaka ity amin'ireo lafin-javatra manokana roa ireto:

- Ny voalohany dia mahakasika ny zotra-pivoaran'ny fampitan'andraikitra sy fahaiza-manao. Amin'ny ahoana no ahafahan'io zaotra-pivoarana sy fampitana resahina eo io miantoka ny fampaharetana ny asa sy ny fahazakantenan'ireo rafitra eto an-toerana mpanatanteraka ny ?
- Ny lafin-javatra faharoa dia mitady izay hanamarinana raha toa ka ahazoana mampivondron-kery amin'ireo karazan'asa momban'ny toe-karena ny sosialy tohanan'ny INTER-AIDE, any amin'ireo faritra iasana, ilay lamina napetraka antsoina hoe: "Passerelle".

### 3. ZAVA-KENDREN'NY TOMBAN'EZAKA

Ny Fikambanana INTER-AIDE dia namarita vondrom-panontaniana sy vokatra andrasana, izay naseho tany anatin'ny TdR (jereo "annexe 1" amin'ny dikan-teny frantsay). Lafin-javatra 3 no tena hasongadina amin'izany:

- Ny fandrindrana sy ny fampivondronana hery ananan'ireo sampana telo ao amin'ny fandaharan'asa efa an-dalam-pampitana fahaiza-manao sy andrikitra (sampana Tantsoroka manentana fianakaviana (AFD), Fanabeazana, fampidirana amin'ny tontolon'ny asa) amin'ny alalan'ny lamina apetraka antsoina hoe:"Passerelle".
- Ny fari-pahalalana maha-matihanina sy ny fampandraisan'andraikitra ireo olona miasa eny an-toerana (Fikambanana mpiara-miombon'antoka, mpikatroka eny anivon'ny fiaraha-monina) tafiditra ao anatin'ny lasitra voatokana ho an'ny fampitan-pahaiza-manao.
- Ny fampaharetana ny asa sy ny dingana efa tratra amin'ny fidirana anaty rafi-pitantanana (degré d'institutionnalisation), hoeti-mitsinjo fahafaha-mizka tenan'ireo mpikatroka Malagasy mirotsaka an-tsehatra ao anatin'ny fandaharan'asa.

Miainga avy amin'ireo sahan'asa telo ireo izany fomba hitondrana ny tomban'ezaka, izay manodidina ireto fanontaniana fototra efatra ireto:

a) <u>Manao ahoana ny fari-pahalalana maha-mahatianina ananan'ireo mpikatroka eny an-toerana voakasiky ny fandaharan'asa? Ny zotra-pivoaran'ny fampitam-pahaiza-manao ve mitarika tokoa amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manao eny an-toerana?</u>

Izany hoe:

- Mandrefy ny dingana tratran'ny herin'ny asa natao mba hamantarana ny fahaiza-manao efa ananana
- Mandrefy ny fomba hanatanterahana ny asa sy ny fahafehezana ireo fahaiza-manao vaovao,
- Mandrafy ny fahalalana ananana momban'ny fomba fiasa sy ny fomba fanatonana (approche) efa noraisina tamin'ny INTER-AIDE, sy ny fari-pahafahana manavao zavatra ananan'ny ekipa eto an-toerana,
- Fandrefesana raha toa ka ekena sy omen-danja ireny fahaiza-manao ireny,
- Mandrefy raha toa ka mifanaraka tsar any votoatiny, ny fomba fiasa enti-mampita zavatra sy ireo mpikatroka samihafa amin'ny fandaharan'asa.

b) <u>Ao anatin'ny lasitra natokana momba ny zotra-pivoarann'ny fampitana andraikitra, manao ahoana ny fari-pandraisana andraikitra efa azon'ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny fandaharan'asa?</u>

Eo amin'io lafiny io dia:

- Mamakafaka ny fahafaha-mizaka tenan'ireo mpiara-miombon'antoka eo amin'ny fitantanana, fanapahan-kevitra, seraseara,
- Mamantatra ny lokan'adin'ireo mpikatroka (enjeux) manoloana ireo andraikitra vaovao sy ireo paik'ady hitadiava-namana n any fiaraha-miombon'antoka efa misy,
- Mandrefy ny anjara asa omen any tsirairay ao anatin'ny vondron'ny mpikatroka sy ireo andraikitry ny tsirairay avy amin'ny fitondrana ny asa atao.

c) <u>Ny zotra-pivoaran'ny fampitam-pahaiza-manao sy fampitan'andraikitra ve miotndra manamin'ny fampaharetana ny asa sy ny zotra-pivoaran'ny fahafaha-mizaka tena?</u>

INTER-AIDE dia miantoka ny fanjohiana ny asa atao amin'ny alalan'ny fametrahana mpanolotsaina teknika na tompon'andraikitry ny fandaharan'asa any anatin'ny rafitra mpiara-miombon'antoka isanisany avy. Io fomba fiasa manao tantsoroka io ve mitondra tokoa amin'ny fanamafisana ny ara-teknika sy ara-drafi-pitantanana eo amin'ireo miasa eny an-toerana? Mifanaraka amin'ny zava-misy ve ilay fomba fiasa, ary tokony hampivoarina ve izy io?

Izahay dia nisafidy ny hamahavaha io fanontaniana io amin'ny fomba indroa miantoana:

*Ny zotra-pivoaranm-pampitam-pahaiza-manao sy fampitan'andraikitra ve manamora ny zotra-pivoaran'ny fizakan-tena ara-drafi-pitantanan'ireo rafitra mpiara-miombon'antoka amin'ny fandaharan'asan'ny INTER-AIDE?*

Ankoatr'izay dia:

- Mandefy ny fomba fahitan'ny ety ivelany ireo rafitra ireo,
- Mamantatra ireo dingana arahin'ny fampitan-javatra sy ireo sy ny maha-ara-dalàna amin'ny maha-fikambananana azy.

d) Eo amin'ny lafiny inona no ahafahana milaza fa mitombina sy ahazoam-bokatra araka izay liana azy ny lamina apetraka "Passerelle" manoloana ny fampitam-pahaiza-manao?

Io fanontaniana farany io dia mitarika antika amin'ny

- Famoahana sary indray mipika ahitana ny mety sy ny lesoka tamin'io lamina napetraka io,
- Fandrefesana ny lanjam-pahavitrihan'ireo sampana samihafa tohanan'ny INTER-AIDE ireo,
- Famantarana ireo endrika isehoan'ny fampivondronan-kery.

Amin'ny fijerena ity fifandraisana ifanampian'ny INTER-AIDE sy ireo mpikatroka amin'ny fandharan'asa ity, ireo mpamatsy vola dia nangataka taminay mba ahanome lanja ny tantara sy toetra mampiavaka ny rafitra tsirairay, mba hialana amin'ny fampitahana maimaika. Ankoatra izany, araka izay azo atao, INTER-AIDE dia manantena ny hamoahana torohevitra sy sosos-kevitra momban'ny lalan-kizorana.

## 4.FAMELABELARANA NY ZAVATRA NATAO SY NY FOMBA FITONDRANA NY ASA

Tany am-piandohana, ity asa fandalinana ity dia noheverina hatao tany amin'ny taona 2002, ary tokony hialoavan'ny fampahafantarana izay takiana amin'ny famatsiam-bola any amin'ny MAE (nahazo fankatoavana ho an'ny 2003-2006) sy ny Vondrona Eropeana ("attente de l'appel à projet 2004"). Ny disadisa politika tamin'ny 2002 nisy teto Madagasikara dia nampihemotra ny fotoana hanaovana ity tomban'ezaka ity.

Ny fifanarahana amin'ny fanaovana ity asa ity dia nahazo fankatoavana tamin'ny volana desambra 2003. rehefa nojerena ny fotoana mampalalaka ny ekipa eto an-toerana sy ireo tompon'andraikitry ny INTER-AIDE, dia tapaka fa eo anelanelan'ny 21 jiona sy 07 jolay 2004 no hanaovana ny tomban'ezaka eto Antananarivo.

Nandalo dingana 5 ny fitondrana ny asa:

I- Famakafakana ireo tatitry ny asa[2] amin'ny fandaharan'asa nanenika ny vanim-potoana 2000-2003, izay nataon'ireo mpanao tomban'ezaka,

II- Fivoriana tany Versailles, ny 08 jiona 2004, tao amin'ny foiben'ny INTER-AIDE, niaraka tamin'ireo tompon'andraikitra (Gaspard Schlumberger- Tompon'andraikitra amin'ny firenena Asie, Antananarivo sampana sosialy; ary Céline Hontomey-Tompon'andraikitra amin'ny sampan-draharaha ara-bola),

III- Fihaonana tamin'ireo tompon'andraikitra ao amin'ny INTER-AIDE sy ireo fikambanana Malagasy, ny 21 jiona 2004,

IV- Fanangonana ireo vangvangon-kevitra amin'ny alalan'ny dinika manokana nifanaovana tamin'ny olona marobe avy amin'ireny mpiara-miombon'antoka ireny sy ireo mpanentana amin'ny fandaharan'asa ireny,

V- Fotoana natokana hitaterana ny vokatry ny asa natao sady nifanakalozan-kevitra: teny amperin'asa (terrain), tamin'ny voalohany dia niaraka tamin'ireo solotenan'ny INTER-AIDE (mpanolotsaina teknika) ary taty aoriana dia tany amin'ireo rafitra vonjimaika natao teo anatrehan'ny F3E, izay nokarakaraina tao amin'ny foiben'ny INTER-AIDE nankatoavana ny vokatra azo tamin'ny fandalinana natao ity.

---

[2] Jereo any amin'ny "annexe 2" ny lisitr'ireo tahirin-kevitra nodinihina

4.1 DINGANA FANOMANANA

Ny famakafakana ireo tatitra sy ireo karazana tahirin-kevitra nampitaina taminay dia nanampy anay hamantatra ireo karazana mpikatroka tafiditra tamin'ity fandaharan'asa ity (mpiara-miombon'antoka mivantana sy ireo olona miasa eny anivon'ny fiaraha-monina), ireo fomba fiasa sy fomba nitondrana ny asa izay narahina. Koasatria marobe ireo tahirin-kevitra mirakitra vokatra azo refesina dia afaka nandrefy ny fivoaran'ny sampana samihafa izahay.

Niainga tamin'io asa fikirakirana io, ny fivoriana natao tany amin'ny foiben'ny INTER-AIDE dia nahafahanay nahatakatra bebe kokoa ny toe-java-misy manodididna ny tantaran'ny fandaharan'asa ity.

Mba ahafantarana mamaritra tsar any zavatra andrasana amin'ity tomban'ezaka ity, dia nisy ny asa natao hamantarana ireo mpikatroka tafiditra aoa anatin'ny zaotra-pivoaram-pampitam-pahaiza-manao sy fampitan'andraikitra izay natao.

Ny fihaonana volohany natao teto Antananarivo, niaraka tamin'ireo solontanan'ny INTER-AIDE (mpnolotsaina teknika) sy ireo tompon'andraikitra amin'ireo fikamabanana Malagasy (KOLOAINA sy C-E-FOR) dia nikendrena tanjona roa: famaritana mazava ny zava-kendrena amin'ny tomban'ezaka, araka izay zavatra andrasan'ny eto an-toerana sy hoenti-manomana ihany koa ny drafi-pandaminana ireo fihaonana samihafa.

4.2 NY ASA AN-TSEHATRA

Taorian'ny fanomanana sy ny fampifanarahana tsara amin'ny "TdR", ity asa ity dia nikendry ny handrefy ny zotr-pivoaran'ny fampitam-pahaiza-manao sy fampitan'andraikitra efa natomboka, miainga avy amin'ny fahitana sy famakafakana ireo mpikatroka eto an-toerana.
Ny natao tamin'izany dia namantatra, niaraka tamin'ireo fikambanana mpiara-miombon'antoka, ny ifamatorany amin'ny INTER-AIDE sy famantarana ihany koa ireo endrika hitondrana ny fanohanana efa misy ary ireo izay mbola irina ho azo. Zava-dehibe ihany koa ny hanombanana ny sary ahitana ireo rafitra ireo eny anivon'ny mpiara-miombon'antoka anaty fikambanana, miankina na tsia amin'ny fanjakana izay miasa eto an-toerana.

10 andro no natokana tamin'ny fanangonana vangovangon-kevitra ka nozaraina mitovy tany amin'ireo sampana 3 (OSIS/Fanabeazana, KOLOAINA, C-E-FOR).
Mitsinjara toy izao kosa ny asa: Fitsidihana teny amin'ny toerana iasana (terrain), dinika manokana tamin'ny sasantsasany amin'ireo olona nihaonana, fihaonana niaraka tamin'ny ankapoben'ireo mpikatroka mandray anjara ao anatin'ny fandaharan'asa: "cadres" any amin'ireo fikambanana mpanatanteraka ny asa, amphany amin'ireo ekipa eto an-toerna ireo Fokontany iaraha-miasa, ireo mpahazo tombotsoa amin'ny asa atao, ireo komitim-paritra, ireo tompon'andraikitra any amin'ireo rafitra fanabeazana iaraha-miasa. Ny asa atao dia nahafahana nihaona ihany koa tamin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-drafi-pitantanana sy ara-bola.

Maherin'ny 120 ny olona nihaonana, ka ny 70% tamin'ireo dia dinika manokana tamin'ny tsirairay.

| **Dinika manokana tamin'ny tsirairay** | **KOLOAINA** | **C-E-FOR** | **OSIS/Education INTER-AIDE** | **Fitambarany** |
|---|---|---|---|---|
| "Cadres" eto an-toerana | 4 | 5 | 3 | 12 |
| Ekipa eto an-toerana | 4 | 14 | 6<br>"Monitrices" CPS<br>7<br>Tale CPS 3 | 34 |
| Mpahazo tombotsoa mivantana amin'ny asa atao | 5 | 9 | Ray aman-dreny 5<br>EPP 2 | 21 |
| Mpiara-miombon'antoka amin'ny lafiny teknika | 1 | 3 | | 4 |
| Mpiara-miombon'antoka ara-bola | | 1 | | 1 |
| Rafi-pitantanana:<br>Ministère<br>FOKONTANY<br>Solontanan'ny CUA | | | 1<br>6<br>2 | 9 |
| Mpiasan'ny INTER-AIDE | 1 | 1 | 1+1 (Passerelle) | 4 |
| **Fitambarany** | **15** | **33** | **37** | **85** |

(3) Jereo any amin'ny « annexe 3 » ny lisitr'ireo olona

| Fihaonana miaraka | KOLOAINA | C-E-FOR | OSIS/Education INTER-AIDE | Fitambaran'ny fivoriana |
|---|---|---|---|---|
| Fokontany | Mpikambana FOKONTANY 8 | | | 1 |
| Komitim-paritra | Komity 2<br>Mpikambana 8 | | | 2 |
| Tale CPS | | | 8 | 1 |
| "Chef d'Agence" | | 4 | | |
| Komitim-pitantana | Mpikambana 2 | Mpikambana 4 | | 2 |
| **Fitambarany** | | | | **Fivoriana 7**<br>**Olona 36** |

Niainga avy tamin'ireo dinika rehetra izay natao, dia ireto no nampiasana izany:

- Namoaka ny toetoetry ny zava-misy eo amin'ny lafiny fahaiza-manao sy ny andraikitra any anaty rafitra mpanatanteraka ny asa ary teo amin'ireo mpiara-miombon'antoka sasantsasany eny anivon'ny fiaraha-monina,
- Nandrefy ny dingana efa tratra amin'ny fampaharetana ny asa sy ny fahafaha-mizakatenan'ireo rafitra Malagasy tamin'ny fandinihana ny zotra-pivoaran'ny fampitana natao.

Izahay dia nisafidy ny handinika miaraka ireo fahaiza-manao sy ireo andraikitry ny mpikatroka amin'ny fandaharan'asa. Araka izany, mba hanamora ny asa fandalinana atao dia nosokajiana 3 lehibe ireo lafin-javatra hodinihina:

| Fahaiza-manao sy anadraikitra | Votoatiny |
|---|---|
| Fanatanterahana (opérationnelles) | *Teknika*:<br>Fanatontosna ireo asa atao/Fitarihan-dalana/Fanjohiana/Fanasiam-panamboarana |
| Fandaminana (organisation) | *Ara-bola*:<br>Famolavolana ny teti-bola, fanjohiana, famakafakana<br><br>*Fandraharahana*:<br>Famolavolana sy fanjohiana ireo fifanekena, fampandehanana ny asa, fanangonana tahirin-kevitra,…<br><br>*Fitantanana ny hoenti-manatanteraka ara-olona*:<br>Fandaminana/fandraisana mpiasa/tomban'ezaka/drafi-panofanana |
| Paik'ady (stratégiques) | *Serasera*:<br>Anativi sy ivelany<br><br>*Fiaraha-miombon'antoka:*<br>Manomboka amin'ny famolavolana ka hatrany amin'ny tomban'ezaka<br><br>*Fakana fanapahan-kevitra*:<br>Lalana arahina amin'ny hitondrana ny asa, asa fikarohana sy fampiasana ny vaovao voaangona, vinavina mikasika ny ho avy<br><br>*Fifehezana ny fanofanana*:<br>Fitiliana, Famolavolana, Fanatanterahana sy Fanombanana ireo lamina apetraka. |

Tsy azo tanterahina anatine andro vitsivitsy ny fanaovana famakafakana lalina ireo zotr-pivoarana sy izay voaray tany amin'ireo rafitra isanisany. Vokatr'izany, ny famakafakana ny toe-java-misy sy ny lalan-kizorana izay natolotra dia mbola azo iadian-kevitra. Ny hery ananan'izy ireny dia miankina indrindra amin'ny fomba nanamboarana azy, miainga avy amin'ny traikefa, ny toerana raisin'ny olona sy ireo rafi-pitantanana nihaonana, ary ny fahitana lafin-javatra maro avy amin'ireo vaovao voaangona.

Ity tatitra ity dia narafitra manodidina fizarana 5:

Ny took tsirairay dia narafitra mba ho azo sarahina amin'izay eo anoloany, na izay manarakaraka azy, eo amin'ny fomba famakiana azy. Io safidy io dia natao mba hanamora ny fampiasana ny tahirin-kevitra, arakaraky ny rafitra tsirairay natin'ny rafi-pitantanana, ary tolo-kevitra hoenti-manao fanamboarana eo amin'ny rafi-pitantanana sy hoenti-miatrika asa. Ireo famerimberenana isaky ny misy liana izany dia vokatr'io safidy natao io.

Izahay dia niezaka ny hanome valiny amin'ireo fanontaniana fototra 4 izay nanasongadinana ny hery efa ananana sy ireo fertan'ny mpanao ny asa tsirairay eo amin'ny fahaiza-manao sy fihazonana andraikitra, miaraka amin'ny fanadratana ireo lafiny efa mahomby. Mba hanamora ny famakiana azy, dia natsofoka any anatin'ireo lohahevitra samihafa nodinihina ny famakafakana ireo masontsivana mahazatra (fanomezana ny vokatra andrasana, fifamenoan'ireo singa rehetra mandrafitra ny zava-dinihina, fifanarahany amin'ny teti-bidiny, ny mampitombina azy, ny vokany).

- Ireo fizarana telo voalohany dia manolotra ny famakafakana ireo rafitra sy sampan ao amin'ny fandaharan'asa:
    - Ny tantsoroka fianakaviana izay iandraiketan'ny fikambanana KOLOAINA,
    - Ny sampana fampidirana amin'ny tontolon'ny toe-karena: fampisamboram-bola madinika/fanofanana arak'asa sahanin'ny fikambanana C-E-FOR,
    - Ny tetik'asa fanabeazana tontosain'ny ekipa eto an-toerana eo ambany fitarihan'ny INTER-AIDE mivantana
    - Fehin-kevita nokendrena hahafaoka izay rehetra voalaza hoenti-mamarana io took io.

- Ny fizarana fahaefatra no nandrefesana izay mampitombina sy ny hery ananan'ny lamina apetraka "Passerelle"
- Ny fizarana farany dia manolotra ny fitambaran'ireo voka-pandinihina mahafaoka izay rehetra voalaza momban'ny fifandraisana eo amin'ny fanampiana mikendry fampandrosoana entin'ny INTER-AIDE sy eo amin'ny fametrahana anaty rafi-pitantanana ireo mpiara-miombon'antoka.

*Ato amin'ity no hanoloranay ny fisaorana feno ny fitambaran'ireo ekipan'ny INTER-AIDE sy ireo fikambanana Malagasy, tamin'ny tantsoroka azon'izy ireo nomena tamin'ny fanatontosana ity asa ity. Mba hisian'ny mangarahara dia samy nandray anjara am-pitokiana avokoa ny tsirairay mba hanamora ity asa nanahirana ity.*

## A/ Tomban'ezaka natao tamin'ny fikambanana C-E-FOR

### 1- FANOLORANA AMBANGOVANGONY NY FIKAMBANANA C-E-FOR (credit-Epargne-FORmatio)

Ny Fikambanana C-E-FOR dia teraka tamin'ity taona 2001 ary nijoro ra-panjakana tamin'ny taona 2003, ka manana ekipa mpanatanteraka ny asa, niainga avy tamin'ny fandaharan'asan'ny INTER-AIDE. Ity farany moa dia efa nanomboka ny asa tamin'ny taona 1996, tamin'ny fanatontosana ny asa ao amin'ny sampana fanafoanana arak'asa, ary roa taona taty aoriana dia nisahana ihany koa ny fampivelarana ny asa mahakasika ny fampidramam-bola madinika.

**Ireo zava-kendreny** [4]: Fanatsarana ny fidiram-bolan'ireo fianakaviana tena sahirana amin'ny alalan'ny fanafahana manao asa mitombina sy mampidi-bola:

- Fanamorana ny fampidirana anaty sehatra toe-karena, amin'ny alalan'ny fampiofanana arak'asa
- Fanandratana ny famoronana sy ny fanamafisana ireo asa zohina ho tonga renivola (AGR) amin'ny fanomezana fampisam-bola enti-mamokatra
- Fanamorana ny fahafaha-manao tahiry mba hitsinjovana ny lafiny sosialy

**Ireo mandrafitra ny ekipa mpanatanteraka ny asa**: C-E-FOR dia mampiasa olona 61, ka ny 45 dia miasa eto Antananarivo. Noho izany hatramin'ny oktobra 2002, C-E-FOR dia nanatitra ireo asany amin'ny fampivadiana ny azo tsinjaraina toy izao ny ekipa miasa eto an-drenivohitra:

| | | |
|---|---|---|
| Bureau de liaison | Cadres de direction-bureau de liaison | Olona 5 |
| | Techniciens direction | Olona 6 |
| | Chefs d'agence | Chefs d'agence 5 |
| Ekipa mpanatanteraka ny asa an-tsehatra (terrain) | Mpampiofana | Mpampiofana « chefs de centre » 4<br>Mpampiofana amin'ny sehatra asa manokana 5 |
| | Mpanentana mpanoro hevitra | Olona 11 |
| | Agents de sécurité des agences | Mpiambina 9 |

**Ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny lafiny teknika** :
Misy 13 ireo mpiara-miombon'antoka ivelany izay mandray anjara amin'ny asa ataon'ny C-E-FOR : toeram-panofanana arak'asa 9, orinasa 4 izay mandray ireo mpiofana.

**Ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny lafiny ara-bola ankehitriny** :
INTER-AIDE, Ambassade de Japon, Ambassade de la Grande-Bretagne, SCAC-Fonds Social de Développement.

### 2- NY HERY ANANANA SY NY ZAVATRA EFA VOAFOLAKA EO AMIN'NY LAFINY FANDRAISANA ANDRAIKITRA SY NY FAHAIZA-MANAO

#### 2.1 HOENTI-MANATANTERAKA ARA-OLONA (RESSOURCES HUMAINES)

Ireo singan-javatra mampahomby ny fahazoam-pahaiza-manao sy fihazonana andraikitra :

**Ambony ny fari-piofanana fototra ananan'ny ekipan'ny C-E-FOR**. Vokatr'izany, ireo "cadres" ao amin'ny fitondrana sy ny ankapoben'ireo "chefs d'agences" dia samy manana rafi-pahaizana manodidina ny Bac+4 avokoa. Toy izany koa no hitanay teo amin'ireo "Chefs de centre".
Ireo "technicians-assistants de direction" dia manana fari-pahaizana mihoatra ny Bac+2
Ny mpampiofana sy ireo mpanentana mpanoro hevitra kosa manana Bac+2 farahafakeliny (afa-tsy 02 amin'ny 16)

**Ny tsy fiovaovana eo amin'ny ekipa dia efa tombony lehibe tokoa**, satria ny zotra-pivoaran'ny fampitam-pahaiza-manao dia efa natomboka hatramin'ny taona 1999.
Vokatr'izany, ny "cadres" rehetra, ankoatry ny "auditeur interne", izay vao haingana no niasany tao, dia manana fahaelana 6 taona farafahakeliny. Izany dia nanambara fa samy nandray anjara tamin'ny fampitam-pahaiza-manao norantovina tamin'ny INTER-AIDE nankamin'ny C-E-FOR izy ireo.

[4] Nalaina tao amin'ny lasitra fanjohiana (cadre logique)

Ankoatr'ireo, dia 3/5 amin'ireo chefs d'agneces dia efa niasa 4 taona farafahakeliny ; ny roa amin'ireo izay vao niditra (4 volana sy 16 volana) dia nanaraka fiofanana ambony sady manana traikefa matihanina tany amin'ny rafitra hafa.
Izay toe-javatra izay hitanay koa tamin'ireo mpampiofana (4/5), ireo « chefs de centre (100%) izay miasa ao amin'ny INTER-AIDE/C-E-FOR hatramin'ny taona 2000.
Eo amin'ny mpanentana-mpanoro hevitra kosa dia tsikaritra fa misolosolo matetika satria mahatratra 30% ireo niasa latsaky ny 19 volana.
Ny fanitsiana ara-drafitra izay natao amin'ny taona 2001, taorian'ireo hosoka sasantsany nitrnga no anisan'ny fanazavana azo omena momba izany.

**Ireo vinavinam-pivoarana amin'ny sehatra maha-matihanina** ao anatiny dia mampiseho ihany koa ny efa fahavononan'ny ekipa handray andraikitra.
Nanomboka ny taona 1998 dia tsapa fa tafakatra amin'ny toerana ambonimbony kokoa hatrany ny sasantsasany amin'ireo « cadres », izay mifanaraka tsara amin'ny fametrahana ekipa mpanatanteraka ny asa, miandraikitra ny fampandehanana ny fandaharan'asa ao anatin'ny C-E-FOR.

Tamin'ny taona 2002 dia nisy 12 ireo olona (« cadres » sy mpampiofana) nahazo fisondrotana tao anatin'ny C-E-FOR. Izay toe-javatra izay dia mifamatotra amin'ny asa vita tamin'ity taona ity, teo amin'ny lafiny fanatsarana sy fandaminana anatiny teo amin'ny C-E-FOR, ka namoahana firafitra vaovao izay nampifandraisina tamin'ny famaritana ny zavatra takin'ny toerana tsirairay.

| Fivoaran'ny anjara asa (5) ↗ | « cadres de direction » | « techniciens assistants de direction » | Chef d'agence | Formatrice chef d'agence | Formatrice | Conseillers-animateurs |
|---|---|---|---|---|---|---|
| « Cadres de direction » | 4 | | | | | |
| « Techniciens-Assistants de direction » | | 1 | | | | |
| « Chef d'agence » | | | | | | |
| « Formatrice-Chef d'agence » | | | | | | |
| « Formatrice » | | 1 | 3 | 3 | | |
| « Conseilers-Animateurs » | | | | | | |

## 2.2 FANATANTERAHANA IREO ZAVA-KENDREN'NY FANDAHARAN'ASA

Asa izay nahazoan'ny olona maro tombotsoa
Araka ny nosoritan'ny »monotoringa » tamin'ity taona ity, izay nataon'ny Firaisambe Eropeana, ny asa natao dia nahenika Fokontany 61, miaraka amin'ny fanokafana « agence » vaovao, ary nahitana fahombiazana tokoa. Ny tatitry ny asa azo farany[6] (may 2003-2004) dia manaporofo io fitombon'ny vokatra azo refesina io, izay nanalefaka ny voka-dratsin'ny disadisa politika tamin'ny 2002.

| | Taona 2001-2002 | Taona 2002-2003 | Taona 2003-2004 |
|---|---|---|---|
| | Sampana fampisamboram-bola madinika | | |
| Isan'ny fampisamboram-bola | 2594 | 3615 | 3815 |
| Isan'ny mpindram-bola | 1578 | 1929 | 2130 |
| Tahan'ny famernam-bola ara-potoana | 81% | 83% | 88% |
| Fifanana arak'asa | | | |
| Isan'ny tanora nahazo fiofanana ara-teknika | 379 | 376 | 452 |
| Isan'ireo olona nampidirina tany amin'ny orinasa | 207 | 128 | 308 |

Ankotr'ireo vokatra azo refesina ireo, dia misy koa ny vokatra nahitana kalitao. Ohatra amin'izany ireto manaraka ireto:

- Tsara fitantanana sy tsara fanjohiana ny famerenana ireo findramam-bola namokarana,
- Ny fampiotmboana ny fanomezam-bola ho an'ireo faindramam-bola mifanesy dia afa-nampivelatra ny asa mifandray amin'ny toe-karena,
- Ny fikarakarana fanofanana arak'asa vaovao "mpiasa an-trano" dia namely ny filana vaovao.

(5) Io tabilao io dia maneho ny fivoaran'ireo anjara asa izay nahitana fitomboan'ny andraikitra notazonina, saingy tsy voatery hanovana ny sata

[6] Jereo ny "bilan" n'ny asa nataon'ny C-E-FOR may 2004 nampitaina tamin'ny fivorian'ny komity mpitantana

*Famoaboasan-kevitra:*
*Araka ireo tatitra nampitaina ka nahitany vokatra marobe izay saiky azo refesina sy tamin'ireo fitsidihana nataonay teny an-toerana iasana, dia tsapanay tokoa fa mihetsiketsika ireo ekipan'ny C-E-FOR, ary mampiseho ny fahavononany hanatratra ireo vokatra andrasan'ny fandaharan'asa. Matoa izahay afaka manamarina fa mahomby ny asa natao dia midika izany fa efa ananan'ny ekipa C-E-FOR ny fahaiza-manao ialina amin'ny fanatanterahana sy fampandehanana ny tetik'asa novolaavolaina niaraka tamin'ny INTER-AIDE.*

Ankoatra ireo vokatra azo refesina, dia eo ihany koa ny fahafaham-pon'ireo nahazo tombotsoa mivantana tamin'ny tetik'asa, sy ireo vokatry ny fandalinana ny fiatraikan'izany natao tamin'ity taona ity, izay samy tondromarika manaporofo ny fahafehezan'ny ekipa ny fanatanterahana asa. Izay fandalinana [7] natao izay dia namoaka fa:

- Ireo 80 ka hatramin'ny 85%n'ireo nahazo tombotsoa tamin'ny findramana vola mifanesy (findramana vola fahatelo fa hatramin'ny fahaenina) dia afaka nampivelatra tokoa ny asany,
- Ny ampahany tamin'ny tombotsoa azony dia saiky natokan'izy ireo tamin'ny fanatsarana ny fari-piainany (fonenana, sakafo, fanabeazana sy fahasalamana).

Nisy 15 eo ireo nahazo tombotsoa tamin'ny tetik'asa (raisina ho mpiara-miombon'antoka) tafahoana taminay tamin'ity tomban'ezaka ity, no nanambara ny fankahasitrahany ny kalitaon'ny asa nataon'ny C-E-FOR, ary ny tantsoroka manokana omen'ireo mpanentana mpanoro hevitra sy ny "cehf d'agence" ny tsrairay. Izy rehetra dia samy mahatsapa tena fa efa mahafehy ny fitantanany ny asany avy. Ireo fitaovana ampiasaina nasehony anay koa moa dia manamarina izany.

## 2.3 NY FAMPIASANA IREO FAHAIZA-MANAO VAOVAO SY NY ANDRAIKITRA TAZONINA

**Fahaiza-manao sy fiandraiketana ny fanatanterahana asa**

Ireo vokatra azo tamin'ny asa sy ireo dinika nifanaovana dia samy mampiseho ny fahafaha-manatanteraka tsar any asa takian'ny fandaharan'asa. Arak'izany, ireo olona nihaona taminay dia samy efa afaka maneho ny fomba itondrana ny asa sy afaka manazava ireo fitaovana ampiasaina amin'izany: ny fomba fiasa "uptift", ireo fombafomba arahina amin'ny fanomezana fampisamboram-bola, ireo karazana fiofanana mifandray amin'ny asa fanjohiana arahina toro-hevitra.
Ankoatr'izay, ireo fomba itondrana ny fampianarana sy ny votoatin'ny fanofanana dia samy efa voafehin'ireo ekipa ao amin'ny sampan faofanana arak'asa avokoa.
Eo ihany koa ny fahaiza-mitondra ny asa, ny fahaiza-mampifanaraka ny asa atao amin'ny toe-java-misy: famerenana mandinika ireo masontsivana hanaovana ny fanivanana, fakana "auditeur interne", fananana "logiciel de gestion" vaovao, fanangonana vangovangon-kevitra.
Ny fanjohiana ireo sampan'asa dia manamora ny asa famakafakana takina amin'ny tsirairay ary mampitombo **ny andraikitra teknikan**'ny mpikatroka tsirairay: famoahana isam-bolana ny topimaso tamin'izay nataon'ny ekipa mpanatanteraka ny asa, famakafakana ny vokatra azo miaraka amin'ny "bureau de liaison"…Araka izany, ny C-E-FOR dia mahasahana tsara io andraikitra amin'ny fanatanterahana asa io sady mitsinjo hatrany ny fanamboarana sy famakafakana tsy tapaka ireo tatitra misy antontan'isa sy fitantarana ny zava-misy.
Io fahaiza-manao ara-teknika io koa dia tsapan'ireo mpahazo tombotsoa amin'ny tetik'asa, ary koa ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny fandaharan'asa. Ireo toeram-panofanana ara-teknika moa dia samy miaiky ny kalitaon'ny fanofanana fototra omen'ny C-E-FOR.

**Fahaiza-manao sy fandraisan'andraikitra amin'ny fandaminan'asa**

Ny famerenam-pamaritana io toetoetra takian'ny toerana tsirairay, ilay firafitra vaovao izay navoaka tamin'ny 2003, niaraka tamin'ny fanohanana nomen'ny mpnolotsaina teknika, dia nahafahan'ny C-E-FOR nanatsara kokoa ny fitantanany ny fivelaran'ny asany ary koa miantoka ny fandaminana tsaratsara kokoa ny asa. Vokatr'izany, ny fitsinjarana ireo andraikitra dia nahafahan'ny tsirairay nampivelatra ihany koa ny fahaiza-manao ara-teknika sy ara-pandaminan'asa teo aminy.

Ankehitriny, ny C-E-FOR dia **miandraikitra ireo lafiny ara-bolan'ny fandaharan'asa**, manara-maso ny fikirakirana ny sora-bola rehetra, miantoka ny fanjohiana ny teti-bola amiasana. Ny fisian'ny "audit externe" nanomboka ny taona 2003 sy ireo karazana fitaovana ilaina amin'ny sora-bola novokarin'ny sampan'asa momba ny vola sy fandraharahana dia mampiharihary ny fisian'izay fandraisana andraikitra sy fahaiza-manao izay.

Ankoatr'izay, ny **fitantanana ireo hoenti-manana momban'ny olona hanao ny asa** dia sahanin'ny "bureau de liaison" manonotolo, indrindra fa ny Tale. Ny C-E-FOR koa dia miandraikitra ny fitantanana ny fandraharahan'ny fikambanany sady mitantana ny mpiasa mpikarama ao aminy (fandraisana/fanalana mpiasa).

[7] Jereo ny asa fandalinana ny fiantraikan'ny asa natao izay notontosain'ny ekipa C-E-FOR sy Rémy Cèbe (Mpnolotsaina teknikan'ny INTER-AIDE) tamin'ny desambra 2003.

Ireo asa efa sahanina rehetra ireo dia misy fanjohiana avokoa sy fandaminana asa izay miainga avy amin'ireo fivoriana isam-bolana ataon'ny ekipa ("chef d'agence, responsables de formation, bureau de liaison"). Amin'ireny fihaonana ireny no ahazoan'izy ireo mampivoitra ny toetoetry ny fanatanterahana ny asa, sady hamahana ihany koa ireo olana nosedraina.
Any amin'ireo "agences", dia misy koa ny fandaminana ireo fivoriana isam-bolana iarahan'ny tompon'andraikitra sy ny mpanentana-mpanoro hevitra ary ireo mpampiofana atao.

Raha jerena indray ny fahaiza-manao amin'ny famolavolana paik'ady dia marihina etoana fa efa misy fisokafana amin'ny serasera ivelany, izay nandrisihan'ny mpanolotsaina teknika, nanomboka tamin'ny herintaona.
Vokatr'izany, efa natomboka ny fifandraisana ara-drafi-pitantanana, miaraka amin'ny CSBF sy ny fandrindran'asa nasionaly momban'ny "micro-finance", izay efa mitsinjo sahady ny fampaharetana ny asa amin'io sehatra io. Misy ihany koa ny fifandraisana efa volena miaraka amin'ny "municipalité" (CUA, Délégués au Maire des arrondissements, chefs de quartier).

Soritana etoana koa fa eo amin'ny lafiny fiaraha-miombon'antoka, ny C-E-FOR amin'ny anarany manokana dia mandrafitra fifanarahana fiara-miasa amin'ireo toeram-panofanana 05 eto an-drenivohitra sy fifanarahana mahakasika fampidirana ireo nahazo fiofanana hiasa any amin'ny orinasa 04.
Ny « audit externe » voalaza tery aloha dia misy fifanekena hanao asa (contrat de prestation) izay efa niaraha-nanao. Efa hatramin'ny may 2004 kosa no natomboka ny fampivelarana ny asa momba ny « épargne volontaire » (épargne rémunérée) ataon'ny C-E-FOR. Izy io dia noezahina ho ara-dalàna amin'ny alalàn'ny « protocole d'accord » mampifamatotra ny C-E-FOR sy UrCECAM.

Ny Fokontany koa dia tafiditra any anatin'ireo fombafomba arahina amin'ny fanomezana fampisamboram-bola madinika, amin'ny fanasoniavany ireo taratasy fifanekena amin'ny fampisamboram-bola atao, « ny agence de prêt » ary ny « chef de quartier ».

*Famoaboasan-kevitra*
*Raha jerena eo amin'ny vokatra azo sy ny fandaminan'asa anatiny, dia tsapa fa efa manana fahaiza-manao teknika tokoa ny C-E-FOR, izay ahafahany miandraikitra ny fampandehanana ireo asa voatondro ao anatin'ny lasitra manokan'ny fandaharan'asan'ny INTER-AIDE. Ireo fahaiza-manao amin'ny fandaminan'asa ananany dia ahafahany miantoka sy manao fandrindran'asa mahomby sy fitantanana ny fandraharahana ary ny lafiny ara-bolan'ny fandaharan'asa.*

## 2.4 FOMBA FAMPITAN-JAVATRA TSIKARITRA

Karazany maro ireo fampiharana ny fampitam-pahaiza-manao anatiny sy ivelany efa niainan'ireo olona nanontaniany. Misy fomba fiasa 5 asongadina ireto :

- Miara-miombon-kevitra ireo ekipa « cadres » fa nahita fihatsaran'ny fahaiza-manao amin'ny fanatanterahana ny asa izy ireo, tamin'ny fanohanana ara-teknika nomen'ny INTER-AIDE ka nampitain'ireo mpanolotsaina teknika roa izay nifandimby niasa teo, nanomboka ny taona 2001. Ilay firafitra vaovao sy ireo takelaka milazalaza ny toerana amin'ny asa dia tonga tahirin-kevitra iaingana ho an'ny « cadre » tsirairay amin'ny fahazoana ny andraikitra vaovao.
- Ireo fiofanana ivelany sy anatiny dia efa samy voaresaka avokoa. Ny hasongadina eto dia ireo izay mifandray amin'ny fahalalana ny tontolo manodidina azy ireo (ny fihainoana sy ny fahalalana ny toetsain'ireo mponina sahirana), ary ireo izay vao nampiharina (fitantanam-potoana sy fiofanana narahina tamin'ny FORMAFED momba ny "cadre logique")
- Ireo fianaran'asa mifandray amin'ny orinasa afaka haba, sy ireo firobohana an-tsehatra amin'ny fianarana asa eo anivon'ny C-E-FOR dia samy eken'ny rehetra ho fomba ahazoam-pahaiza-manao avokoa.
- Ireo lamina napetraka ho fampivoarana ny zavatra azo tamin'ny fiofanana fanao isan-taona ho an'ireo mpampiofana dia maka endrika sehatra fianaran-javatra sy fifanakalozana. Ireo asa takina any amin'ny atrik'asa dia mampivondrona ireo ekipa heady hevitra mahakasika ireo lohahevitra manokana tiana hohalalinina, hanamaritana ny fomba hitondrana ny asa sy ireo fitaovana iasana, ary koa hihazonana ny fahavitrihan'ny mpikatroka rehetra.

  Ny taona 2001 sy 2002 dia samy vanim-potoana nandinihana indray ireo fombafomba arahina amin'ny fampisamboram-bola sy amin'ny fanaovana fanjohiana fanoroan-kevitra.
- Ny tantsoroka, ny fanokafam-potoana hoan'ny hafa sy ny kalitaon'ny fihainoana ananan'ireo tompon'andraikitry ny sampan'asa, dia nambaran'ireo ekipa mpanatanteraka ny asa an-tsehatra (terrain), fa tena nanampy azy ireo amin'ny famakafakana ny asa ataony sy ahafahan'izy ireo mandavorary ny fahaiza-manao ara-teknika ananany. Io kalitaon'ny fanjohiana ny asa io dia samy hita eo amin'ireo mpiandraikitra ny faritra ("agence de crédit et de formation") sy ny ekipany avy.

**3-IREO HERY ANANAN'NY FIKAMBANANA C-E-FOR RAHA JERENA EO AMIN'NY FAMPAHARETANA NY ASA SY NY FAHAFAHA-MIZAKA TENA**

3.1 IREO KIKASANA HOENYI-MAMPAHARITRA NY ASA

Ny fampaharetana ny sampana fampisamboram-bola madinika dia isan'ny tena mampiasa loha ny ekipa manontolo. Noho izany, ny tsirairay dia mampifandray azy io amin'ny fampitomboana ny vola hampisamborina amin'ny amin'ny fanatsarana ny "taux de remboursement" amin'ny fanokafana "agencies" vaovao, izay mifandray ihany koa amin'ny fampivelarana ny toerana iasana.
Nyfitadiavana izay hahamarin-toerana tsar any resaka ara-bolan'ireo "agencies" (équilibre financier) sy ny fiaraha-mizaka ny toe-javatra mety hatahorana (mutualisation des risques) no isan'ireo zava-kendrena lehibe indrindra ao amin'ny "bureau de liaison".
Anjaran'ny mpitondra ao amin'ny C-E-FOR no mamboly fifandraisana akaiky hatrany amin'ny CSBF sy ny mpandrindra nasionalin'ny sampan'asa "micro-finance", mba ahazoana mamadika io asa io ho tonga rafi-pitantanana manana fahazoan-dalana ara-dalàna hanao "micro-finance" (efa an-dalam-pamolavolana ny fehezan-dalàna mahakasika izany izao.
Raha toa ka efa mandroso ny fitadiavana izay fampaharetana ny sampan "micro-crédit" amin'ny IMF izay, ny fivoaran'ny lamina napetraka amin'ny fanofanana arak'asa sy ny fampidirana hiasa kosa dia mbola manjavozavo. Ny dinika mahakasika ny fifandraisana-fifampitohizana eo amin'ireo sampana samihafa (institution financière, bureau de placement, relais du dispositif de formation) sy ny "association/ONG C-E-FOR" dia efa natomboka, saingy mbola vao resadresaka tsotra fotsiny teo amin'ny mpanolotsaina teknika sy ny mpitondra ao amin'ny C-E-FOR.

3.2 IREO FIFANDRAISANA FIARAHA-MIASA SY NY FANKATOAVAN'NY ANY IVELANY EFA VOAPOROFO

Ny fifanarahana mampifamatotra ny C-E-FOR sy ny INTER-AIDE mandritry ny 4 taona (2001-2005) dia efa fantatry ny ekipa rehetra. Io fe-potoana izay ho tapitra afaka herintaona io sisa, dia miantso ny C-E-FOR handray fanapahan-kevitra amin'ny fanohizana na tsia ny famatsiam-bola avy amin'ny INTER-AIDE.
Io fifanarahana io dia novolavolain'ny mpnolotsaina teknika ary naroso hodinihan'ny mpitondra sy ny komity mpitantana ny fikamabanana C-E-FOR. Ireo andraikitra sy ireo lafin-javatra ifanekena fa harahina dia samy efa fantatra sy nankatoavina avokoa.
INTER-AIDE dia sokajiana ho toy ny "rafitra niteraka" (structure-mère) izay miantoka ny fanohanana ara-teknika amin'ny alalan'ny fametrahana mpanolotsaina, ka hanamora koa ny fifanakalozana traikefa; nefa koa dia toy ny mpamatsy vola ka manna-jo hijery sy hiteny, sady mety ho afaka handray an-tanana indray ny fifehezana ny fandaharan'asa, amin'ny alalan'ireo "assistants"-ny, raha sendra misy disadisa saro-bahana.

Ny zotra-pivoaran'ny fampitam-pahaiza-manao sy fampitan'andraikitra efa atao dia nahafahan'ny fikamabanana C-E-FOR maka ny toerana maha-rafitra Malagasy azy ireo olona samihafa ety ivelan'ny fandaharan'asa, nifampiresaka taminay (municipalité, partenaires techniques) dia nanondro mazava ny C-E-FOR ho mpanatanteraka asa avy eto an-toerana ihany (opérateur local), ao amin'ny sahan'asa fampidirana amin'ny sehatr'asa toe-karena ireo olona izay kendrena manokana amin'izany tetik'asa izany. Raha misy ireo manoritsoritra ny tantara sy nyfifandraisana mampifamatotra ny C-E-FOR amin'ny INTER-AIDE, dia tsapany koa fa ireo zava-bita sy fiaraha-miasa dia samy zavatra novokarin'ny ekipa niasa teto an-toerana.

3.3 FISIAN'NY KOMITY MPITANTANANA

Efa tafajoro ara-panjakana amin'ny maha-fikambanana eto an-toerana azy ny C-E-FOR. Ankehitriny dia mihevitra ny hanova izany sata izany ho tonga ONG izy, raha vao afaka mikarakara izany ny ao amin'ny "services préfectoraux". (Misy fahatarany ny fampiharana ny lalàna vaovao)

Raha vao mijoro ny C-E-FOR dia efa nanana komity mpitantana ahitana mpikambana 4, tarihin'ny Filohan'ny tena mavitrika. Amin'ny maha-lehiben'ny orinasa azy, dia tafiditra ao anatin'asa fanofanana arak'asa sy fampidirana mpiasa ihany koa io filoha io. Mahazo vaovao tsy tapaka momban'ny fandaharan'asa izy noho izany. Miandraikitra ny ara-bola amin'ny fanaraha-maso ny toe-bola amin'ny fanaraha-maso ny toe-bola izy, ary mampiasa vola amin'ny fandaniana ilaina, izay mihoatra ny 5.000.000 fmg (eo amin'ny 50euros eo ho eo).
Misy faneraserana tsy tapaka eo amin'ny Talen'ny C-E-FOR sy ny filohan'ny komity mpitantana, ka miasa toy ny birao saingy tsy manar-penitra fotsiny, satria ny tena maha-izy azy ny tsirairay no omen-anja ao fa tsy ny fombafomba arahina amin'ny fanokafana birao akory.

**4- IREO LAFIN-JAVATRA MITAKY FANATSARANA SY IREO LAFIN-JAVATRA METY HAMPANDROSO KOKOA**

Misy fianarana azo tsoahina avy amin'io fampitana fahaiza-manao sy andraikitra io. Ampahany amin'izany no efa fantatra, ana efa nampidirina ao anatin'ny fandinihina, ka na hatsofoka ao amin'ny fandaharan'asa 2004/2005, na ao anatin'ireo fandaharan'asa vaovao hatolotry ny INTER-AIDE.

Raha toa ka efa voaray tsara ny zotra-pivoaran'ny fampitana ny fahaiza-manao sy fampitan'andraikitra io, dia efa afaka mamaritra lalan-kizorana 3 lehibe izay tokony hamafisina:

- Ny voalohany dia mahakasika ny fanatevenana indrindra indrindra ny fahaiza-mamolavolana paik'ady
- Ny faharoa dia miompana amin'ny fanamboarana ny fampifandraisana hifampitohizan'ireo asa atao sy ny fampaharetana izany.
- Ny farany kosa dia momba ny rafitra ijoroan'ny fikambanana C-E-FOR izay tokony hahitana ambaratonga mandinika ny lalan-kizorana sy ny paik'ady ahafahany mahazo andraikitra politika.

## 4.1 IREO FAHAIZA-MANAO TOKONY HOFENOINA

Amin'ny ankapobeny raha toa ka efa azo sy voafehin'ireo ekipa tsara ilay fomba fiasa "uplift" nampianarin'ny INTER-AIDE, dia misy fanamboarana ara-teknika ilaina hatao:

- Fahaiza-mitantana ny "portefeuilles à risqué par la mise en place des pénalités et de remise d'intérêts »
- Fampiasana ny « logiciel de prêts » vaovao nomen'ny INTER-AIDE
- Fanatsarana ny fanjohiana ny zavatra ataon'ny mphazo tombotsoa/mpiara-miombon'antoka, amin'ny alalan'ireo mpanentana-mpanoro hevitra.

Ireo lafin-javatra izay efa tsikaritra ireo dia mamaly ny kalitao takian'ny INTER-AIDE. Raha toa nyekipa ka afaka manjohy sy mahay mampifanaraka ny asa tao, araka ny fandaharan'asa iaingana, ny fivoarana teknika, ny fanavaozana kosa dia mbola miankina betsaka amin'ny mpanolotsaina omen'ny INTER-AIDE.
Noho izany, **ny fahafaha-mikaroka izay hampandroso** (fitrandraham-baovao, fandalinana sy fizahana ny zava-misy) dia mbola tsy ananan'ny « bureau de liaison ». Miezaka eo amin'ny fanamafisana ireo fahaiza-manao teknika ny C-E-FOR, ary efa ho telo taona lasa izao, dia mifototra tamin'ny lafiny fanatanterahan'asa (kalitaon'ny asa atao, ny fitaovana enti-manao fanjohiana izay nampitaina tamin'izy ireo)
Izao anefa, **ny fahaiza-mamolavola paik'ady** dia mitaky ny tsy fijanonana fotsiny amin'ny zavatra azony entina amin'ny fanatanterahana tsara ny asa, fa indrindra koa amin'ny fahafahana mirotsaka an-tsehatra amin'ny fanoritana lalan-kizorana, ny fanitsiana, ny fanavaozana ny fandaharan'asa.

Io fahafehezana ny ara-teknika efa nekena fa ananany io no manome fahafahana ny C-E-FOR ankehitriny hifototra amin'ny lalan-kizoran'ny paik'adiny ; anjaran'ny « bureau de liaison » no manapa-kevitra raha toa ka ilaina hampivoarina ny modely, ka mitady fanatsarana hatrany sy maka mpanampy ara-teknika raha ilaina.

Ny fanavaozna dia mitaky **fahaiza-manao dia mitaky fahaiza-manao amin'ny fahafehezana tetik'asa**. Ny famolavolana, ny fananganana tetik'asa dia tokony, dieny ankehitriny, apetraka ho laharam-pahamehan'ny « bureau de liaison ».

Ankoatra izany, tokony hisy tomban'ezaka hatao, izay ahafahan'ny mpitondra ao amin'ny C-E-FOR mahafantatra ny fomba hitondrana ireo zava-kendrena ao amin'io dingan'ny tsingerina tetik'asa (cycle de projet) io, mba ahafahany mandray anjara mavitrika amin'ny fandrafetana ny « TdR » sy amin'ny safidy hataony amin'izay hanao ny tomban'ezaka.
Ity tomban'ezaka natao ity dia nampiseho far aha toa ka nahazo vaovao hatrany ireo mpiara-miombon'antoka, ary mba nakana hevitra tamin'ny zava-dinihina izy ireo, dia tsy nisy akory ny fakana fotoana nanaovana ity fandalinana ity, satria fanamboarana madinidinika fotsiny ihany sisa no atao.

**Fifandraisana eo amin'ny aty an-tsehatra sy eo amin'ny foibe (terrain-siège) : Fanamafisana ny toerana raisina**

Ny fandrafetana ireo tatitra ara-bola ataon'ny C-E-FOR dia ahafahana mameno io fomba nitondrana ny asa io, izay azo lazaina fa kalitao efa misy eo amin'ny C-E-FOR amin'ny fanatanterahana ireo fombafomba arahina amin'ny lafiny ara-bola sy ny fahavitana mitatitra an-tsoratra nyzava-misy. Ankoatra izay, tahaka izay nataon'ny INTER-AIDE niaraka tamin'ireo mpamatsy vola azy, ny C-E-FOR koa dia mifandray mivantana amin'ny foiben'ny INTER-AIDE ka manatontosa tanteraka ny andraikiny.
Ny fananganana komity mpitantana mavitrika dia nahafahana niady hevitra, nifampiraharaha tamin'ny INTER-AIDE momba izay safidy hoenti-mampandroso ny rafitra (jereo fizarana : voka-pandinihina mahakasika ireo zava-drehetra nanaovana tomban'ezaka « réflexions transversales »).

Ny serasera ivelany efa misy dia mifanaraka ihany koa amin'ny **paik'ady hoenti-mikarakara famatsiam-bola**. Ireo fangatahana famatsiam-bola rehetra dia efa napetraka amin'ny anaran'ny C-E-FOR ka karazana mpamatsy vola eto an-toerana no efa eo am-piandrasana ny fampahafantarana [8] (en attente d'instruction).
Ankoatra ny fampitomboana karazana ireo vola iasana, ny C-E-FOR dia tokony hanana politika mazava amin'ny « relations publiques ». Avy amin'izany no ahafahany manamafy ny toerany eo amin'ny rafi-mpitantanana sy hamaritany ny paik'ady hoentiny mampandroso ny fikambanany, mifototra na tsia amin'ny fandaharan'asa atao ankehitriny.

[8] Eo an-dalam-panatanterahana : Ambassade de Japon, Ambassade de Grande-Bretagne (19.000euros), FSD (23.000euros), AGETIPA/CUA, FID. Tsy anananay kosa ny mari-bola azo teto an-toerana amin'ny anaran'ny C-E-FOR.

**Serasera anatiny voarakitra an-tsoratra**

Na dia hita aza fa misy tokoa serasera anatiny, indrindra amin'ireny fanaovana fivoriana isam-bolana ireny, dia tsikaritra fa mbola mahazo laka kokoa ny serasera am-bava.
Ny tsy fisian'ny tatitra atao ara-potoana momba ny zava-misy dia tsy ahazoana antoka ny serasera ho azo hapariktaka.
Ankoatr'izay, tsy misoratra amin'ny tabilao fametahana takela-taratasy hampatsiahivana ireo vaovao samihafa (fivoriana fitsidihana…) ihany koa izay endriky ny serasera izay.

4.2 IREO FOMBA FAMPITAN-JAVATRA MANDEHA ILA: FANAMARINANA NY SOS-KEVITRA NAROSO NO NISY FA TSY FAMORONAN-KEVITRA

Nandritra ireny fanadihadihana nataonay ireny no nahatsapanay fa nangatahina hanamarina ny sosos-kevitra naroso taminy fotsiny ny ekipa C-E-FOR (ireo zava-kendrena isan-taona any amin'ireo "agencies", ny fitaovam-panjohiana ny asa, ireo fifarahana…) ary kely ny fandraisany anjara amin'ny fanomanana izany. Io fiankinana amin'ny zavatra vokarina avy any ivelany sy ny "consultation ex-nihilo" io anefa dia tena mametra ny finiavana hanao zavatra sy fakana andraikitra. Vokatr'izay dia mijanona fotsiny amin'ny fanamarinana ireo soso-kevitra naroso tamin'ny ekipa C-E-FOR.

Izao anefa, ilaina mihitsy ny handraisan'ny ekipa anjara amin'ny famolavolana ireo za-kendrena (ny fitaovana iasana, ny fifanarahana…) ireny, ary avy eo dia ampandalovina tsikera ireny zavatra novokarina ireny.

Ny tomban'ezaka atao amin'ny mpiasa (heverina hatao amin'itytaona ity) dia tokony hanaovana fifanekena manokana momba ny zava-kendren'ny tsirairay sy izay drafi-piofanana, harahiny. Ny fisian'izany no ahafahana mandrafitra ny fomba ampiasana ny fahalalana ananana, hanaovana ny fanjohiana sy ny tomban'ezaka amin'io fomba fampitan-javatra io.

4.3 FANAOVANA DINIKA MATOTRA MIKASIKA NY FAMPAHARETANA IREO TETIK'ASA C-E-FOR

**Fanaovana laharam-pahamehana ny sampana fanofanana arak'asa**

Raha toa ka efa voatsangana ny IMF, ny sampana fanofanana arak'asa kosa dia tsy mbola mivoatra loatra. Amin'izao fotoana izao dia efa voavolavola izy io ary mivelatra ao anatin'ny faritra misy ny tetik'asa fotsiny ihany. Ny fandraisana Tale Lefitra hisahana ireo fifandraisana amin'ny orinasa, izay voatondro hatao amin'ity tapany faharoa amin'ity taona ity, dia tokony ahafahana miroso amin'ny famoronana lamina apetraka mandray roa amin'ny birao misahana ny fametrahana ireo nahazo fiofanana hiasa amin'ny orinasa (mitovy ihany amin'ny masoivoho momba ny asa sy ny fanofanana mampivondrona ireo anaty rafi-pitantanana "institutionnels", toeram-panofanana sy "secteur bancaire" ary orinasa).

**Sehatra hanaovana dinika mivelatra (espaces de réflexion ouverts)**

Ny famoronana toerana vaovao ao amin'ny "bureau deliaison" dia ahafahana manantena fa mba hihamaivana kokoa ny asa andavanandro sahanin'ny ao amin'ny fitondrana ao. Amin'izay ny mpitondra dia afaka manokana fotoana handinihana ny zotra-pivoaran'ny fampaharetana ireo tetik'asa. Tsara kokoa raha hasaina amin'ny famolavolana ireo hevitra afaka mampandroso ny mpiasa rehetra.

Ireny sehatra handinihana paik'ady ireny dia efa mahavaly sahady ny ahiahin'ireo mpiasa amin'ny hoaviny. Amin'izay dia hiditra an-tsitrapo amin'ny lokan'adin'ny fikambanana izy ireo (fihazonana ny hevitra mitondra ny fikamabanana), ary hiezaka hanamafy ny fomba enti-miserasera (jereo serasera anatiny/endrika ahitana avy eny ivelany) sy hihazonana ny fari-pahaiza-manao amin'ny tsara kokoa hatrany.

**Fikarohana sy fisin-tonan-desona avy tamin'ny traikefa azo avadika ho asa vaovao indray**

Ny fampidirana anaty rafi-pitantanana ireo lesona notsoahina avy tamin'ny traikefa ka azo avadika ho asa vaovao indray dia tokony hatao laharam-pahamehana. Ny fampivelarana sy fampifandraisana ireo asa atao rahateo dia mitaky ny hanangoanana ireo fepetra ilaina amin'ny fikarohana fomba fiasa sy amin'ny famoronana fitaovana enti-manao fanofanana, izay iandraiketan'ny mpnolotsaina teknika amin'izao fotoana izao.

4.4 FANANGANANA FILAN-KEVI-PANDRAHARAHANA/FITANTANANA (CONSEIL DE GESTION) MAVITRIKA SY TENA IZY

**Marefo ny « légitimité politique » ananan'ny fikambanana**

Ny tsy fakan'andraikitr'ireo mpikambana ao anatin'io komity mpitantanana io, afa-tsy ny filohany (jereo § Ny Heriny) dia mampiseho fa tsy nisy fiomanana tsara mialoha ny fananganana io fikambanana io. Nandritry ny telo taona dia tsy nisy zotra-pivoaran'ny fampitam-pahaiza-manao sy andraikitra tao anatiny

Noho izany, kely dia kely ny fahalalana ananan'izy ireo momba ny zony sy ny adidiny izay voasoratra any anatin'ny satany. Ny fahatsapan'izy ireo fa tsy mbola mihazona ny anjara toerana sy ny andraikiny izy ireo, dia noferany koa ny fandrisampitenenany ka hijanona amin'ny fanamarinana isan-taona ireo soso-kevitra aroson'ny mpitondra fotsiny izy ireo. Na izany aza anefa dia irin'izy ireo mba hampalalaina ara-potoana ny zava-misy mahakasika ny asa atao. Nanamarika moa izy ireofa tena tsy ampy tokoa ny fihaonana tokana atao isan-taona.

**Tsy misy antoko mpanohitra fahefana**

Io fahatokiana an-jamban'ny fitondrana io dia tena fahalemena lehibe ho an'ny fikambanana C-E-FOR, ny tsy fisian'ny ambaratonga mpihevitra ny lalan-kizorana dia tsy mbola ahafahan'ny C-E-FOR amin'izao fotoana izao miantoka ny hevitra mitondra ny asany sy ny famaritana ny zo sy andraikitra takin'ny fanaovana ny asa (déontologie) ary mbola tsy ahafahany maka ny toerany amin'ny maha-mpiara-miombon'antoka azy amin'ny INTER-AIDE.

Mbola hiverenanay any amin'ny fizarana farany ny mombamomba ny fananganana fiaraha-mandray andraikitra (co-responsabilité) amin'ny fomba hitondrana ny fahafaha-mizaka tena sy amin'ny lafiny rafi-pitantanana.

**Famantarana izay ho mpikambana azo ianteherana**

Ny fahatsapana fa mbola sarintsariny ihany io rafitra io dia nanoso-kevitra ny mpitondra sy ny mpanolotsiana teknika mba hampivelarana io komity mpitantana io, amin'ny fampidirana ireo mpikatroka akaiky kokoa ny asa ataon'ny C-E-FOR (mpahazo tombotsoa amin'ny tetik'asa, orinasa, banky…)
Io soso-kevitra naroso tamin'ny fivorian'ny komity farany teo io [9] dia niarahan'ny rehetra ananaiky. Na izany aza anefa dia tsy mbola nisy kosa ny fikaonan-doha momba izay fombafomba hanatanterahana izany : tetiandro hanaovana izany (calendrier), safidy hatao amin'ny masontsivana hanivanana izay horaisina ho mpikambana, fisarihan-tsaina hanintonan'olona, fanivanana fotoana hampidirana izay ho mpikambana…Moa ve io soso-io aloha mbola eo ambany fiandraiketan'ny mpitondra ao amin'ny C-E-FOR ? Maneho an-kolaka ve ilay soso-kevitra fa tsy hatao ao anatiny ny mpikambana efa ao ankehitriny ?

Izao anefa, ny fanamafisna ny rafi-pitantanan'ny C-E-FOR dia hitombina sy hanankery raha toa ka ny famantarana ireo ho mpikambana vaovao dia samy andraikitry ny mpikambana vaovao dia samy andraikitry ny mpikambana ankehitriny ao amin'ny komity mpitantana sy ireo mpiasa manontolo ao amin'ny C-E-FOR.

Noho izany, tahaka ny amin'ny fampaharetana ny asa izay voaresaka tery aloha dia milaza fa tokony hiarahan'ny mpikatroka rehetra mandinika ny amin'ireo safidy hatao amin'ireo paik'ady ireo, mba hampivelatra kokoa ny toerana hazoni'io komity mpitantana io. Tany anatin'ny resadresaka manokana nifanaovana taminay ireny, ny ekipa mpanatanteraka ny asa dia nanipika fa tsy mahafantatra akory, na ireo mpikambana ao anatin'izany, na ny toerana tazoniny, ary maniry mba hampafantarina, na hampidirina amin'ny fampijoroana io fahafaha-mahazaka tena ara-drafi-pitantanana io (autonomisation institutionnelle). Noho isika efa ao anatin'ny zotra-pivoarana ara-drafi-pitantanana (processus d'institutionnalisation) dia hampalahelo ihany raha toa ka hoferana ny fandraisana anjara azo entina amin'izany.

Ny fahatongavan'ireo mpikambana vaovao ao amin'ny fikambanana/ONG-C-E-FOR dia mitaky ny hisian'ny lamina apetraka amin'ny fandraisana azy sy amin'ny fanofanana azy ireo, ary tokony hatao laharam-pahamehana.

### 4.5 TOERANA MISY MPANOLOTSAINA TEKNIKA

Efa nambara fa fampitam-pahaiza-manao amin'ny fanatanterahana ny asa sy amin'ny fandaminan'asa no nentin'ny mpanolotsaina teknika. Ny toetoetry ny fifandraisana eo amin'itsy farany sy ny Talen'ny C-E-FOR dia isan'ny nahatonga izany.
Mba ahafahana mandray anjara ao anatin'io zotra-pivoaran'ny fahafaha-mizaka tena io ilaina ankehitriny ny ivoaran'io toetra sy fomba fanohanana ara-teknika eo amin'ireo mpiara-miombon'antoka roa ireo. Izany dia mitarika amin'ny fakana ny fanohanana ara-teknika toerana vaovao, izay mety hitohy amin'ny endrika fifanekena ka ny C-E-FOR no hamatitra ireo zava-kendrena sy ny fandaharana ny asa hatao.

Azo eritreretina ny fakana anjara toerana mahakasika ny zava-drehetra amin'ny fanohanana ara-drafi-pitantanana. Noho izany, io fananganana ambaratonga politika io dia hatao laharam-pahamehana ihany koa any amin'ny fikambanana KOLOAINA, izay hotsipihinay any anatin'ny fizarana manaraka.

---

[9] Fivoriana isan-taona ataon'ny Komity mpitantana, izay nokarakaraina tamin'ny fotoana nanaovana ity tomban'ezaka ity, ny 1 jolay 2004.

## B/ Tomban'ezaka natao amin'ny fikambanana KOLOAINA

*Fanamarihana :*
*Mba ahafahana mampiasa malalaka ny fizarana tsirairay izay hita ato momban'ny rafitra isanisany, dia misy lohahevitra sy singan-javatra mikendry fampivoarana mitovitovy ka dia hiverenana raisina ny hevitra ao anatiny.*

### 1- FANOLORANA AMBANGOVANGONY NY FIKAMBANANA KOLOAINA

Ny fikambanana KOLOAINA dia mipoitra avy amin'ny tetik'asa INTER-AIDE izay nitomboka tamin'ny 1994. Ny taona 1998 izy no niorina ary tafatsangana ara-panjakana roa taona taty aoriana. Ny taona 2001 kosa vao fitantanana Malagasy no nisahana ireo asa ao anatin'ny tantsoroka fianakaviana. Nisy noho izany ny fifanarahana fiaraha-miasa nosoniavin'ny KOLOAINA sy ny INTER-AIDE tamin'ny febroary 2002 ary nohavaozina tamin'ny taona 2004, araka ny fangatahan'ny mpiara-miombon'antoka teto an-toerana.

**Ny zava-kendren**y [10]: Fanatsarana ny toe-java-misy iainan'ny fianakaviana tena sahirana.

- Fanamorana ny fahafahan'ny fianakaviana mampiasa ireo sampan-draharaha misy eo an-toerana: fahasalamana, fanabeazana, fandraharahana ara toe-karena.
- Fanatsara ny fahafahan'ny vehivavy sy ny ankizy hikolokolo ny fahasalamany
- Fampivelarana ny tambajotran'ny fampahalalam-baovao sy toro-hevitra amin'ny alalan'ny Fokontany sy ny Fikambanana mijoro eo an-toerana.

**Ireo mandrafitra ny ny ekipa mpanatanteraka ny asa**: Miisa 27 ireo olona miasa ho an'ny fikambanana KOLOAINA, izay mbola ny INTER-AIDE aloha hatramin'izao no manakarama azy ireo.
Avy amin'ny fandinihana ireo takelaka manoritra ny andraikitra sahanin'ny tsirairay sy ny firafiny taona 2003, no nahafahanay nanasokajy ny ekipa ho toy izao:

| | | |
|---|---|---|
| Ekipa "cadres" | Tale/Assistante de programme<br>Tompon'andraikitry ny fanjohiana ny asa atao<br>Tompon'andraikitry ny asa fandraharana | Olona 4 |
| Ekipa « logistique » | Irakiraka 1 + mpiambina 4 | Olona 5 |
| Ekipa mpanatanteraka ny asa an-tsehatra | Tompon'andraikitry ny faritra<br>Mpanentana ara-tsosialy | Olona 6<br>Olona 12 |

**Ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika** :

Ao anatin'ny sehatry ny asa ataony dia tsikaritra fa manome lanja ny fiaraha-miasa akaiky ny KOLOAINA. Ny Fokontany no rafi-pitantanana mifampiresaka mivantana sy miara-miasa akaiky aminy eny anivon'ireo toerana iasan'ny KOLOAINA.
Eo amin'ny sehatry ny fahasalamana dia mahatratra 27 ireo foto-drafitr'asa misahana ny fahasalamana tafiditra ho isan'ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny KOLOAINA amin'ny fanatanterahany ny fandaharan'asany.
Ho fanamorana ny asa fanentanana eo amin'ny lafiny fanabeazana dia misy koa ny fiaraha-miasan'ny KOLOAINA amin'ireo Sekoly Fanabeazana Fototra 17 sy Akany Fibeazana Fototra 08 ao anatin'ny faritra iasany. Ankoatra ireo dia miara-miasa koa amin'ny ONG iraisam-pirenena sy Fikambanana eny an-toerana izay misahana asa mifandray amin'ny ataony koa ny KOLOAINA (Handicap Internationa, ENDA, AMAE…). KOLOAINA dia mpikambana ao anatin'ny tambanjotra 6 izay miezaka ni havitrika (ONG services, CARO, PFEE,ady atao amin'ny herisetra…)

**Ireo mpiara-miombon'antoka ara-bola** : UNICEF, Amis des enfants du Monde, VOARISOA.

[10] nalaina tao amin'ny fanjohiana (cadre logique)

## 2. NY HERY ANANANA SY NY ZAVATRA EFA VOAFOLAKA EO AMIN'NY LAFINY FANDRAISANA ANDRAIKITRA SY FAHAIZA-MANAO

### 2.1 HOENTI-MANATANTERAKA ARA-OLONA (RESSORCES HUMAINES)

**Ekipa efa tranainy**

Mihoatran'ny antsasa-manilan'ny mpiasa (15/27) dia efa samy nandray anjara tamin'ny tetik'asa notarihan'ny INTER-AIDE ka efa niaina ny fampitam-pitantanana ny sampana tantsoroka fianakaviana tamin'ny KOLOAINA. Manodidina ny 5 taona eo ho eo avokoa no efa tompon'andraikitra ao anatiny, ary ankoatry ny tompon'andraikitry ny fanjohiana ny asa atao, dia mpikarama ao anatin'ny tetik'asan'ny INTER-AIDE izy ireo. Mitovitovy amin'izay koa no hita ao amin'ireo ekipa mpanatanteraka eny amin'ny toerana iasan'ny KOLOAINA, indrindra ireo tompon'andraikitry ny faritra. Tsikaritra kosa anefa fa misy fiovaovana matetika (30%) eo amin'ireo mpanentana ara-tsosialy.

**Fari-piofanana fototra avo lenta** :

Ireo ao amin'ny ekipa tompon'andraikitra (cadres) dia samy nanaraka fiofanana teny amin'ny Anjrimanontolo, ka nahavita ny dingana faharoa sy fahatelo (Bacc+4) avokoa. Ny antsasaky ny tompon'andraikitry ny faritra dia samy nanaraka fiofanana roa taona taorian'ny bakalorea (Bacc+2) farafahakeliny, araka ny takian'ny mari-pahaizana omena ireo « assistante sociale » na « agent de développement social ».
Ny fananan'ireo mpiasan'ny KOLOAINA fari-piofanana fototra efa ambony, miampy ny traikefa ananany tany aloha amin'ny sahan'asa momban'ny fahasalamana sy ny toe-karena dia azo raisina ho tomban-dahiny lehibe ho azy ireo.

**Ekipa manana risi-po sy mandray andraikitra** :

Teo amin'ny fanatanterahana ny tetik'asa niaingana, na tamin'ny fampitana ny andraikitra teo amin'ny INTER-AIDE nankamin'ny KOLOAINA tamin'ny taona 2000, dia nisy ny fivoaran'ny toerna notazonin'ny ekipa.
Ny resaka nifanaovana nifanaovana tamin'izy ireo dia nahatarafana ny fisian'ny risi-pony hiasa vokatry ny fahatsapany ny halehiben'ny fahantrana eny amin'ny faritra iva eto Antananarivo.
Ny tsy fiovaovan'ny ekipa dia isan'ny tondromarika iray manaporofo ny fitsoahany an-tsehatra handray andraikitra manoloana ny toetry ny tetik'asa iantsorohany.

### 2.2 FANDAHARAN'ASA FAMPANDROSOANA

araka ny voalaza tao amin'ny « monotoring » nataon'ny Vondrona Eropeana, ny Tantsoroka Fianakaviana dia afa-mamaha ny ampahany betsaka amin'ny olana iainan'ny antsasa-manilan'ireo fianakaviana sahirana, ka rehefa mifarana ny tantsoroka dia ho afa-miatrika ny fiainany ireo olona ireo. Ny fiovam-pitondran-tena anefa dia mila fotoana ary koa fahafoizan-tena avy amin'ireo ekipa miatrika izany ady [11] amin'ny fahantrana izany.
Teo anelanelan'ny taona 1999 hatramin'ny volana may 2004 dia toy izao no azo amintininana ny vokatra ankapobeny, raha ny vokatra azo tamin'ny asa natao no jerena [11]:

| | | | | KOLOAINA | |
|---|---|---|---|---|---|
| | 1999 | 2000/2001 | 2001/2002 | 2002/2003 | 2003/2004 |
| Isan'ny faritra iasana | 15 | 21 | 25 | 28 | 28 |
| Isan'ny fianakaviana nozohina | 1260 | 1028 | 721 | 1010 | NC |
| Isan'ny fianakaviana voatombana ho efa mahazaka tena | 63% | 30% | 66% | 68% | 70% |
| Isan'ny olona nanatona ny fiandrasan-draharaha (PS) | | 1219 | 1822 | 1664 | 2114 |

Nandritra izay efa-taona lasa izay, dia nivelatra tamin'ny Fokontany maro ny asa natao, ka nitombo araka izany ny isan'ireo renim-pianakavina sy ankizy voakasiky ny tetik'asa.
Ankoatra ireo vokatra azo refesina amin4ny habetsahany ireo ? dia nisy koa ny karazan4asa vaovao nataon4ny KOLOAINA : atrik'asa niarahana tamin'ny ankizy, ny karazan'asa fanentanana momba ny tontolo iainana…

*Famoaboasan-kevitra :*
*Ny fandraisana andraikitry ny ekipa, ny fari-piofanana ananany ary koa ny fahaiza-manao nampiasany, dia nahafahan'ny KOLOAINA niaro amin'ny ankapobeny ny fahombiazan'ny fandaharan'asa efa natomboky ny INTER-AIDE. Ireo vangovangon-kevitra samihafa azo refesina sy ny resadresaka nifanaovana tamin'ny tsirairay dia samy mampiseho izay fiezahana hanatratra ny vokatra andrasana izay.*

[11] vangovangon-kevitra nalaina tamin'ireo tatitry ny asa natao ; ka raisina amin'ny ankapobeny.

## 2.3 FISIAN'NY FAHAIZA-MANAO EFA KATSAHINA SY FANDRAISANA ANDRAIKITRA AMIN'NY AMPAHANY EFA ATOMBOKA

Ny vokatra azo rehetra dia efa ahazoana manome lanja ny fahaiza-manao ananan'ny KOLOAINA.

Ny fananan'ny ekipa **fahaiza-manao ara-teknika** dia ahafahan'izy ireo manatanteraka ny asa. Ireo tompon'andraikitry ny faritra sy ireo mpanentana ara-tsosialy dia samy mahafantatra tsara ny toe-java-misy eo amin'ny faritra iasany, ka manana ny anjara toerany ao amin'ireny faritra ireny.

Ireo fitsidihana nataonay teny amin'ny Fokontany misy ny fiandrasan-draharaha (PS), ireo fitsidihana tany an-tokantrano sy asa fanentanana nandritra ny atrik'asa natrehinay dia samy nahafatarana ny fahaiza-manaon'ny ekipa, eo amin'ny fihainoana, ny fanantenana ny mpandray anjara ary ny fampahalalambbaoavao sy fanoroan-kevitra, izay samy tafiditra ao anatin'ny andraikiny avy. Marihina fa isan'ny nitondra tamin'izany vokatra azo izany ny fisian'ny vola natobaka tamin'ny fanofanana miompna amina lohahevitra izay nomena azy ireo hatramin'ny taona 1997 no mankaty.
Ireo fitaovana hanatanterahan'ny asa ihany koa dia tsapa fa efa voafolaky ny ekipa, ary ireo izay mirotsaka eny amin'ny faritra iasana izao ankehitriny no lasa ivon-toeran'ny asa sosialy eny amin'ny faritra, ka manome vahana ny fomba fampandraisana andraikitra ny fianakaviana [fomba nampivoarana ny Tantsoroka Fianakaviana (AF) natao tany aloha mankamin'ny Tantsoroka manentana ny fianakaviana hanao hetsika (AFD)].

Heverinay fa ilaina ny hanamarinana etoana ny asa lehibe nisongadina teo amin'ny hetsika hahazoana ny sora-piankohonana nosahanin'ny fandraharahana malagasy. Ny tantsoroka manentana fianakaviana hanao io hetsika hahazoana sora-piankohonana io no azo lazaina fa asa voalohany nampisongadina ny KOLOAINA eo anatrahenan'ny rafi-pitantanana samihafa (Fokontany, Délégué au Maire, …)

Ho fampifanarahana ny asa amin'ny safidy napetraky ny INTER-AIDE, dia ezahin'ny KOLOAINA hatrany ny hanome vokatra amin'ny asa ataony, ka noraisiny ho **andraikitra** ny fanaovana tatitry ny asa vita miaraka amin'ny antontan'isa momba izany isam-bolana. Ao amin'ny fehin-tsoratra manaraka no hanomezana ny andinindininy momba izany.

**Fiaraha-miasa ahitana soritra fifanohanana noezahina tontosaina**

Ny fifarimbonana eo amin'ny fanatontosana ny asa sy ny fametrahana ny fiaraha-miombon'antoka amin'ny lafiny teknika dia ahitana taratra hatrany eo amin'ireo sahan'asa iasan'ny KOLOAINA. Mahatratra 81 ireo mpiara-mpiombon'antoka aminy, araka ny hita any amin'ny tatitra nomena, ka ny ankamaroany dia nisy hatramin'ny taona 2000, ary ny 10%n'ireo no efa nahavitana fifanarahana an-tsoratra. Ny fahateren'ny fotoana anefa no tsy nahafahanay nihaona tamin'ny santionany tamin'ireny mpiara-mpiombon'antoka ireny.

| Sahan'asa | **Isan'ny mpiara-mpiombon'antoka** | **Isan'ny fifanarahana an-tsoratra** | **Daty nanaovana ny fiaraha-miombon'antoka(12)** |
|---|---|---|---|
| Fahasalamana | 32 | 8 na 25% | Taona 2002: 59% no tafajoro |
| Fanabeazana | 33 | 0 | 58% no natomboka tamin'ny taona 2002 |
| Toe-karena | 1 | 0 | |
| Trano fonenana | 1 | 1 | 2003 |
| Hafa | 14 | 0 | 60% natomboka tamin'ny taona 2002 |
| Totaliny | 81 | 8 | 60% no tafajoro nanomboka ny 2002 no mankaty |

Ankoatra ireo voalaza ireo dia tsara koa ny manamarika fa mpikambana miaraka amin'ny „plate-formes" 06 mivondrona amin'ny tambanjotra iray ny KOLOAINA.

Eo amin'ny lafiny fahafaha-mandamina asa, tamin'ireo fitsidihana nataonay teny amperin'asa no nahatsapanay fa misy tokoa ny fifandrimbonan'ny tompon'andraikitry ny faritra iasana sy ireo mpanentana ara-tsosialy eo amin'ny fanatontosana ny asa eny an-toerana: fivorian'ny ekipa, fanaovana tatitra samihafa, fifampihainoana, fandrafetana lamin'asa, fanjohiana ny asa atao... Ireo "assistants socials" no miandraikitra ireo ekipa manao ny asa an-tsehatra (terrain).
Ny famolavolana ny teti-bola mandritry ny taona sy ny fanjohiana ny fandraharahana mahakasika ny mpiasa kosa dia efa azo lazaina fa efa voafehin'ny rafitra KOLOAINA.

[12] Ny lisitry ny mpiara-miombon'antoka dia tsy feno, ka nokajiana avy amin'ireo datin'andro ny taha nomena eto. Ny isan'ireo fifanarahana an-tsoratra dia nokajiana toy izany koa.

**Fisian'ny fitomboam-pahaizana miantoka ny fahazakana andraikitra**

Ny fahatongavan'ny mpanolotsaina teknika (CT) tamin'ny farany taona 2003 dai nampibaribary ny fahasarotana tsapa eo amin'ny fifehezana ny lafiny fanatanterahana asa sy ny lafiny fandamin'asa izay fototra iorenan'ny fifanekena momba ny zava-kendrena (contrat d'objectifs) eo amin'ny KOLOAINA andaniny, ary ny INTER-AIDE ankilany (najoro ho toy ny fandaharana ireo vokatra tadiavina)

Noho izany, hatramin'ny fiandohan'ity taona ity dia eo an-dalam-pianarana [13] ireto lafin-javatra araka ny laharam-pahamehany ireto ny KOLOAINA:

- Famakafakana ny vokatra azo izay mitarika amin'ny famerenana mandinika ireo masontsivana hanaovana fanivanana sy ahazoa-mamaritra indray ny fe-potoana sy votoatin'ny tantsoroka.
- Ny fanatanterahana ireo fepetra arahina eo amin'ny fitantanam-bola sy ny taratasy fanamarinam-bola sy ny taratasy fanamarinam-bola ary ny fanaovana tatitra momba izany.
- Ny fomba fitantanana ny hoenti-manana mahakasika ny olona manatanteraka ny asa, indrindra ny fametrapetrahana mazava ny anjara asa sy andraikitra hotontosaina, ary koa ny famolavolana drafi- piofanana.

Noho ny fahatsapan'ny KOLOAINA ny andraikiny eo amin'ny lafiny ara-bola dia efa misy ny andraikitra noraisiny amin'ny fitadiavana famatsiam-bola eto an-toerana. Ny vola miditra eto an-toerana dia eo amin'ny 6% ny totalin'ny azo 2002/2003.

Ny vinavina amin'ity taona 2003/2004 ity dia eo amin'ny 8% eo. Manoloana izany dia efa misy tetik'asa telo an-dalam-pandinihana: ny 02 voalohany dia iarahana amin'ny CUA izay mitentina 21.000 ka hatramin'ny 36.000euros, ary farany izay napetraka hodinihin'ny UNICEF dia eo amin'ny 39.000euros na 46.800.000Fmg.

**Fisian'ny fandraisan'andraikitra sy fahaiza-manoro lalana ireo mpiara-miombon'antoka anaty rafi-pitantanana sy anaty fiaraha-monina:**

Ny Fokontany sy ny komitim-paritra dia samy tafiditra amin'ireny asa mifamatotra amin'ny tantsoroka eo amin'ny lafiny sosialy ireny. Ny fisian'ireo olona azony ifandraisana mivantana eny amin'ny faritra ireo no ahafahan'ny KOLOAINA tsy mipetraka intsony fotsiny amin'ny toeran'ny mpandraharaha mivantana eny anivon'ny fianakaviana anaovana tantsoroka.

Arak'izany, ireo olona ireo dia efa afaka mamantatra ny fianakaviana itodihan'ny tetik'asa, ary afa-manoro lalana azy ireo any amin'ireo sehat'asa isan-karazany (ireo mahakasika ny fandraharahana ahazoana sora-piankohonana, tantsoroka amin'ny zotra arahina raha hiditra any amin'ny ilaina: C-E-FOR, éveil, CPS, EPP…

Izy rehetra dia samy mahatsapa-tena fa efa nahazo fahaizana eo amin'ny fomba fanentanana sy ny teknika enti-misarika ny sain'ny olona amin'ireo lafin-javatra kendrena hataony (fiarovam-pahasalamana, fandrindrana fiainam-pianakaviana,…) ary amin'ny fanaovana hetsika hanamarihana vani-potoana samihafa ireny.

Natao ho laharam-pahamehana ny fahaiza-mihaino mba ahanatsarana kokoa ny fahaiza-mandray olona.

Ireny fahaiza-manao vaovao nomena azy ireo ireny no iasan'ny nanampy ny rafitra fandraharahana eny anivon'ny Fokontany hahafehy tsara kokoa ny andraikitra tazoniny. Vokany, nanamarika ireo Filoham-pokontany fa nitombo kokoa ny lanja omen'ny besinimaro ny asa ataon'izy ireo. Amin'ny maha-rafitra akaiky kokoa ny mponina azy ireny, dia tsy misalasala intsony ny olona miantso azy ireo rehefa misy toe-javatra ilany toro-hevitra.

## 2.4 FANOMEZAN-DANJA NY FAHAIZA-MANAO ANANAN'NY EO AN-TOERANA

Ireo fianakaviana nahazo fanohanana tamin'ny KOLOAINA no voalohany nanangana vondron'ny mpiakatroka miaiky ny fahaiza-manao ara-teknikan'ny ekipa KOLOAINA. Koa satria nahazo fahafaham-po izy ireo dia miezaka ny hampiasa ny toro-hevitra azony, ary mangataka fanohanana amin'ireo mpanentana sy ny komitim-paritra amin'ny fanatonana ny birao fiandrasan-draharaha sosialy (PS) eo an-toerana. Manaporofo izany ny fanambarana voaangona teny anivon'ireo vehivavy teny an-toerana sy ny antontan'isa mifanaraka amin'izany.

Ireo sehatra hafa (Toe-karena sy Fanabeazana) tohanan'ny INTER-AIDE dia samy mahatsapa ny lanjan'ny asa ataon'ny KOLOAINA.

Ireo Fokontany sy komitim-paritra rahateo dia tsy misalasala ihany koa ny maka hevitra amin'ireo ekipa miasa eny an-toerana raha sendra fahasahiranana, na rehefa mikarakara asa fanentanam-bahoaka eny anivon'ny Fokontany misy azy eny.

Ireo olona miteny amin'ny anaran'ny rafi-pitantanana misy azy avy tafaresaka taminay: Chefs Quartiers, Délégués au Maire du 1er et 4ème Arrondissement (misolotena ireo ¾ ny faritra iasan'ny KOLOAINA dia samy manambara fa sady misy kalitao no mitondra vokatra tsar any asa ataon'ny KOLOAINA, izay miankina betsaka tamin'ny fahalalan'ny ekipa ny toe-java-misy eny ant-toerana sy ny fahaizan'izy ireo nanatona ny mponina.

---

[13] na dia avo fikatska ihany aza ilay fifanekena momban'ny zava-kendrena, dia sahan'asa telo mifandray amin'ny fahaiza-manao, andraikitra amin'ny fanatanterahana asa, fandaminana asa sy paik'ady izay zava-dehibe tokoa eo amin'ny KOLOAINA no noraisiny.

Itodihan'ny asa ataony. Marihina fa ireo solotenan'ireo CUA ireo dia samy mandray anjara tamin'ny famantarana ireo Fokontany tokony homena ny laharam-pahamehana araka izay voafaritry ny masontsivana apetraky ny KOLOAINA, ary mbola mahazo fangatahana marobe avy amin'ny Fokontany hafa maniry ny mba hahazo asa fanohanana avy amin'ny KOLOAINA.

### 2.5 FOMBA FAMPITAN-JAVATRA TSIKARITRA

Ny fakafakana ireo asa fikarohana efa atao dia nahafahanay nanatsoaka sokajim-pampitam-pahaiza-manao telo lehibe:

- Ny fanampiana ara-teknika avy amin'ny INTER-AIDE amin'ny alalan'ireo mpanolotsaina maharitra, indrindra nandritry ny taona 2000-2002, izay nifanojo ihany koa tamin'ny fotoana nanaovana ny fampitam-pahaiza-manao ary koa ho fanamafisan'orina ny tetik'asa ao anatin'ny Fikambanana KOLOAINA. Ny fanatevenana ny fahaiza-manao izay voalazana tery ambony, izay natomboka tamin'ity taona 2004 ity, ary tsapan'ireo izay voakasik'izany ny lanjany, dia iandraketan'ny mpanolotsaina ara-teknika (CT) amperin'asa.
- Volabe no efa natokana tamin'ny fanofanana nomena hatramin'ny taona 97 ary nahatratra 135 ny isan'ny vanim-potoana nanaovana izany hatramin'izay no mankaty. Koa satria fanamafisan'orina ny lafiny fanatanterahana asa no tena zava-kendrena, dia anatao laharam-pahamehana ny fiofanana mahakasika ny lafiny teknika (Psychologie sociale, famohazana vavahadin-tsaina sy fanabeazana ny zaza, fandrindrana fiainam-pianakaviana, fahasalamana,…), izay mahasahana ny 72% ny lamina apetraka (dispositifs). Ny fifanana momba ny Tantsoroka fianakaviana sy ny lafiny fandraharahana dia miopana kokoa amin'ny fahafantarana ny tontolo iainan'izy ireo (fahaiza-mihaino sy mamantatra ny toe-tsain'ny mponina miaina ao anatin'ny fahantrana), ary ankilany kosa dia misy koa fampiharana (mahakasika ny fitantanam-potoana anaovana ny asa sy ny fiofanana “FORMAFED” momban'ny “cadre logique” (lasitra fanjohiana ny fandrohizan'ny Tanjona, zava-kendrena, vokatra andrasana ary ny asa atao, miaraka amin'ireo tondromarika azo refesina sy ny loharanom-panamarinana ary ny vinavina na petra-kevitra)
- Niara-niombon-kevitra ny rehetra fa fomba ahazoana fahaiza-manao tokoa ny fianarana mandavan-taona amperin-asa. Ireo mpikatroka eny anivon'ny fiaraha-monina dia nanipika fa ny Tantsoroka sy ireo fihaonana isam-bolana amin'ny ekipa miasa eny an-toerana dia samy fanararaotra ianarana sy hanatsarana fahaiza-manao avokoa.

*Famaboasan-kevitra*
*Ny ekipa KOLOAINA dia mahafantatra tsar any toetoetry ny toerana iasany ary manana fahaiza-manao teknika ahafahany manome aina ireo karazan'asa atao aman'ny Tantsoroka sosialy.*
*Tsapan'ny ety ivelany tokoa ny fisian'io kalitaon'ny fanatanterahan'asa io. Na izany aza anefa dia misy koa ny mbola fahasahirana'izy ireo eo amin'ny fandamin'asa (izay mbola horesahina amin'ny andaniny manaraka) ka manjary mampanjavozavo ny zavatra efa azo rah any fandraisan'andraikitra no hijerena azy.*

## 3- IREO LAFIN-JAVATRA TSARA TOHIZANA MBA HO FAMPAHARETANA NY ASA SY HISIAN'NY FAHAZAKATENAN'NY FIKAMBANANA

### 3.1 NY FAHAVONONA'NY ETO AN-TOERANA HIARO SY HANOHY KARAZAN'ASA SOSIALY TOY ITONY

**Fisian'ny toe-java-misy mifanojo amin'ny ilaina**
Ankoatr'ireo fahaiza-manao efa ananan'ny KOLOAINA, dia tsara marihina ihany koa fa afa-miantoka ny fampaharetana ny asa efa ataony ny toetoetry ny zava-misy mitaky ny hitohizan'izany.
Misy aloha ny rafi-pitantanana ahitana ny CUA izay maniry ny hanitarana ny sampan-draharaha sosialy efa natomboky ny KOLOAINA any amin'ireo faritra rehetra eto an-drenivohitra. Mb any hitsarana fotsiny ny nampitombina sy ny fahafaha-manatanteraka izany fangatahana izany, dia tsara hotsindrina kosa fa ireo lohahevitra voizina dia mifanandrify amin'ny zava-manahirana ny rafi-pitantanana maro. Eo anivon'ireo boriboritany dia misy efatra ireo sahan'asa ilan'izy ireo homena laharam-pahamehana araky ny nambarany taminay:

- Fanohanana ireo Fikambanana eny anivon'ny Fokontany mba hijoro anaty rafitra.
- Fanofanana ireo mpikatroka amin'ny lafiny sosialy sy ny Fokontany,
- Fikarakarana hetsika momba ny firaketana an-tsoratra ny zava-misy (isam-bahoaka…) ary ny fanohanana amin'ny fampidirana an-tsekoly
- Fametrahana rafitra mandinika ny filàna ara-tsosialy tadiavin'ny mponina

Ao anatin'ny faritra dia ahitana ireo mpiara-miombon'antoka eny anivon'ny fiaraha-monina (Fokontany sy komitim-paritra) izay maniry mba ho olona voalohany hatonina hifampiraharahana ao anatin'ny sahan'asa sosialy.
Misy karazana sos-kevitra natolotra tamin'izany ka miopna amin'ireto lafin-javatra manaraka ireto:

- Fampivelarana ny asa mahakasika ny lohahevitra toy ny: sora-piankohonana, fanabeazana, fanadiovana,
- Fampidirana ny asa sosialy ao anatin'ny drafitra fampandrosoana ny fariktra,
- Fanetsiketsehana ireo herivelona misy eny amin'ny faritra mba handray anjara amin'ny asa fanentanana atao amin'ireny fiandrasan-draharaha (PS) ireny, ary ny lamina apetraka hanome torolalana eny anivon'ny Fokontany.

**Ekipa KOLOAINA mitsinjo ny hoavy**
Amin'ny ankapobeny, ny firesahana ny fomba fampaharetana ny asa dia nitarika avy hatrany ny eritreriny ny ekipa KOLOAINA tany amin'ny fanahiana ny lafiny ara-bola.
Ny mpisa manontolo (mpiandraikitra sy mpanatanteraka ny asa eny an-tsehatra) dia samy manontany ten any amin'ny fahafahana ara-bola ananan'ny KOLOAINA rehefa mifarana ny fiaraha-miasany amin'ny INTER-AIDE: "Inona ny hoenti-manana azo hetsehina mba hanohizana ny asa?".
Noho ny ekipa KOLOAINA voakasika mivantana amin'io toe-javatra io dia irin'izy ireo kosa ny hametrahana azy ireo mpikatroka fototra amin'ny sahan'asa sosialy izay midika fa tokony homen-danja aloha ny paik'ady hitondrana ny serasera vao miroso amin'ny fitadiavana famatsiam-bola: fisintonan-desona avy amin'ny traikefa, fanapariahana ny fahaiza-manao, fampahafantarana ny KOLOAINA amin'ny haino aman-jery sy an-gazety.

Ankoatra izay, ny ekipa KOLOAINA sia mitovy fomba fijery amin'ny tokony hanitarana ny faritra iasana, izay hamarinin'ny fitomboan'ireo filana eny an-toerana sy mba hoenti-mamaly ireo fangatahana marobe tonga ao aminy.

Koa satria tsy maharaka izany rehetra izany ny hoenti-manana, dia mila mampatsiahy ny tokony hampidirana mivantana ireo asa taoa ankehitriny ny anatin'ireo rafi-pitantanana-mpiara-mpiombon'antoka efa mijoro ireo tompon'andraikitra amin'ny fitantanan-draharaha sy ireo tompon'andraikitry ny faritra: komitim-paritra, Fokontany, rafitra mampifandray ny fahadiovana sy fahasalamana ary fitsaboana (tobim-pahasalamana, hopitaly…)

### 3.2 IREO LAFIN-JAVATRA ILANA AMIN4NY FAMPIZAKAN-TENANA'NY FIKAMBANANA

**Fananana ny maha-izy azy ny tena**

Ireo mpiara-mpiombon'antoka manao asa mitovitovy na mifanakaiky amin'ny efa nataon'ny KOLOAINA dia samy manondro ny KOLOAINA ho fikambanana Malagasy avokoa. Na dia izany aza anefa dia misy sasantsasany (vitsy an'isa) amin'ireny no mbola mihevitra ihany ny KOLOAINA ho INTER-AIDE foana.
Na dia eo aza anefa izany dia azonay lazaina kosa fa tena misongadina amin'ny maro ankehitriny ny maha-mpikatroka amin'ny asa fampandrosoana ny KOLOAINA eto anivon'ny Firenena manontolo, na inona na inona fari-pahalalan'ireo nanontanianay momban'ny fifandraisana nisy eo amin'ny KOLOAINA sy ny rafitra niteraka azy.

**Efa misy fanekena azy ho ara-dalàna saingy mbola tsy ampy izany**

KOLOAINA dia efa tafajoro ho fikambanana Malagasy ara-dalàna, nanomboka tamin'ny taona 2003 ary manana komity mpitantanana izay mbola azo lazaina sarintsariny ihany ankehitriny.
Na eo aza anefa izay toe-javatra izay dia tianay homarihina kosa fa efa nisy ihany ny asa fanomanana efa natomboky ny mpitondra momban'ny zotra-pivoaran'ny fahafahana mizaka tena. Mampalahelo anefa fa aim-bery maina fotsiny ihany izany satria ireo fifanatoanana samihafa tamin'ireo mpitondran'ireo rafitra Malagasy dia tsy mbola nahazoan-desona ho azo ampiasaina. Tsy mbola nisy ny famakafakana natao hatramin'izao, na teo amin'ny fombafomba fametrahan-drafitra, na teo amin'ny zotra-pivoaran'ny fahafahana mizaka tena.

## 4- IREO FAHASAROTANA NOSEDRAINA SY SOSO-KEVITRA AMIN'NY FANAMBOARANA AZO ATAO

Ny ankamaroan'ireo lafin-javatra efa voafehy dia samy efa anambara tery aloha avokoa, fa ato amin'ity fehin-tsoratra manaraka ity dia horesahina kosa ny amin'ireo olana tsapa. Ny sasantsany amin'ireny fahasarotana ireny dia efa an-dalam-pamahana azy ankehitriny.

### 4.1 FAHAIZA-MANAO TOKONY HAMAFISINA SY IREO ANDRAIKITRA TOKONY HOTANTERAHINA

Ity famakafakana ity dia tsy mikendry ny hanome lisitra lavabe momba ireo fahaiza-manao ilaina akory, fa hanorolalana kosa amin'ireo lafin-javatra hatao lohalaharana amin'ny fampidirana azy ao anatin'ny zotra-pivoaran'ny fampitam-pahaiza-manao.

Eo amin'ny lafiny fanatanterahana nyasa, dia "efa notsindrianay ny fisian'ny tsy fahampian'ny famakafakana ny vokatra ka nitarika tamin'ny tsy fisian'ny fanafahana manao hetsika.
Ny fahaiza-mitari-dalana mantsy no tena zava-dehibe voalohany, satria manarona ny kalitaon'ny tantsoroka ny fanenjehana isa fotsiny amin'ny vokatra azo.
Ny asa naira-nanao tamin'ny mpanolotsaina teknika dia nahafahana nanamboatra ny masontsivana ao amin'ny lafiny sosialy sy toe-karena sy namerenana nandinika ny faharetan'ny fanaovana tantsoroka ary nanavaozana ny fanivanana ireo olona itodihann'y tetik'asa [14].
Na dia atao iandraikitra ny lafiny teknika aza anfe ny KOLOAINA dia tsy afaka hahavita ireo fampifarahana ny asa atao amin'ny toe-java-misy ireo irery kosa izy. Ireo karazana fanamboarana vaovao amin'ny fomba hitondrana ny asa ireo dia samy mahakasika ny rehetra, na ny ekipa tompon'andraikitra amin'ny fitantanana izany, n any ekipa mpanatanteraka ny asa an-tsehatra. Ireo fanovana ireo dia toa tsy voaray araka ny tokny ho izy satria noheverina ho tsy fahatokisana ny fahaiza-manao efa misy, ka niteraka fanoherana izay niseho amin'ny endrika fisalasalana teo amin'ny ekipa mpanatanteraka ny asan-tanana [15].
Rehefa dinihina dia mifandray kokoa amin'ny fomba fampitan-javatra sy ny serasera anatiny ny fahasarotana fa tsy avy amin'ny toetry ny asa loatra (jereo § serasera)
Ireo fahasarotana ireo koa dia hita taratra ihany koa eo amin'ny famakafakana ny fipetraky ny asa sasantsasany ao anatin'ny fitsinjovana ny fampaharetana ny asa sy ny fivoaran'ny toe-java-misy (fomba fanaovana tahiry, tobim-pizaham-pahasalamana, tahiry hitsinjovana ny fahasalamana…
Misy ny fitarainan'ny ekipa mahakasika ireo fanovana ireo, satria heveriny fa be loatra no sady nanampoaka azy ireo ihany koa, izay ampifandraisiny amin'ny fahatongavan'ny mpanolotsaina teknika vaovao. Ny tsikera nentin'ny farany, izay noraisina ho toy ny fanakianana, dia mbola avy amin'ny fahitan'izy ireo fahasarotana eo amin'ny fandaminan'asa sy eo amin'ny fifandraisana ao anatin'ny KOLOAINA.

Ny fahafaha-mandamin'asa dia ahitana lesoka ao amin'ity fikambanana ity. Ny fitsinjarana asa sy andraikitra dia mbola manjavozavo be ihany ka tsy ahafahan'ny tsirairay mamoaka malalaka ny heviny. Ny jery todika isan-taona momba ireo takelaka milazalaza ny toerana tazonina ao amin'ny asa sy firafitra dia mampiseho izay endrika manjavozavo izay.
Tsy hamakafaka ireny tahirin-kevitra ireny akory ny zava-kendrena eto fa tsapanay teo am-pamakiana azy ireny sy tany anatin'ny resadresaka nifanaovana taminay no nahatsapanay fa ny anjara asa sasantsasany dia toa misampantsampana be ihany (fanjohiana sy famakafakana ny asa atao, fanjohiana ny teti-bola,…), izay mametra ny fandraisana fanapahan-kevitra, famindram-pahefana ary ny fahatakarana ny lokan'ady amin'ny zavatra atao.
Izahay dia mankasitraka sy mandrisika ny asa efa natomboka momban'ny famerenam-pandinihina ireo anjara asa sy andraikitra, raha toa ka fampandraisana anjara ny daholobe no enti-manao izany.

Tsikaritra ihany koa fa mbola misy fitavozavozana eo amin'ny fanatontosana tahirin-kevitra momba ny ara-bola mora vakiana sy mirindra tsara, ka handrisianay ny KOLOAINA mba hanatevina ny fahaiza-mnaony eo amin'ny fitanana an-tsoratra sy sora-bola sy ny fampiasana azy ireny. Ny fametrahana sampan'asa manokana momba ny fandraharahana sy fikirakirana ny ara-bola no heverinay fa hanamaivana kokoa ny asa sahanin'ireo tompon'andraikitra mpitondra. Midika koa izany fa ilaina ny fampahalalam-baovao feno sy tsy tapaka momba ny teti-bola ampiasaina tokony homen'ny INTER-AIDE. Vokatr'izay tsy mbola fahafehezana io sehatra io izay, ankoatra ny fangatahana famatsiam-bola isan-taona dia manjary mandeha an-jambany fotsiny ny KOLOAINA ka tsy afa-mahatontosa an-tsakany sy an-davany ny andraikiny.

Manalasala ny toerana misy ny KOLOAINA satria mbola ny INTER-AIDE ihany hatramin'izao no manefa ny karaman'ny mpiasa [16] ao aminy. Ny tompon'andraikitra ao amin'ny fitondrana ny KOLOAINA anefa mandà ny hisahana manonotolo izany andraikitra izany, sady ahitana disadisa rahateo ny fandraisany amin'ny INTER-AIDE (jereo §4.4)

Avy amin'izay no nitarika anay hijery koa ny fahafahan'ny ekipa KOLOAINA mamolavola paik'ady hitondrana ny asa. Indreto misy sehatra vitsivitsy hitarafana izany:

Serasera anatiny mikombona
Raha toa aza ka misy io serasera io dia tsikaritra fa mianona fotsiny amin'ny am-bava. Ny tsy fisian'ny fitanana an-tsoratra ara-dalàna dia tsy ahafahana miantehatra sy manaparitaka ny vokatry ny dinika natao.
Ankoatra izay, dia tsapa fa tsy mivelatra amin'ny mpikambana rehetra koa ireny fivoriana ataon'ny ekipa ireny, satria tsy mba antsoina hanatrika izany ny sasany (mpanolotsaina teknika, tompon'andraikitry ny lafiny ara-bola…)

---

[14] Ilay fanamboarana natao tamin'ny fomba fiasa dia niteraka fihenana betsaka teo amin'ny isan'ireo fianakaviana nomena tantsoroka tamin'ny enim-bolana voalohany (jereo kisary maneho ny toe-java-misy isam-bolana eo amin'ireo fianakaviana)
[15] Vokatr'izany, ny ekipa manatanteraka ny asa an-tsehatra dia mahatsiaro mahita fahasahiranana ihany eo amin'ny famolahana ireo fitaovana vaovao ampiasaina, ary amin'ny fandalanjalana ny faharetan'ny tantsoroka atao; tsapan'izy ireo fa tsy ampy hifehezana ny tantsoroka ny enim-bolana noferana hanaovana izany; etsy andaniny koa dia manalasala ihany ny hanapaka ny fifandraisana amin'ireo fianakaviana izay efa nandanian'ny mpitantsoroka herim-po.
[16] fanontaniana maro ary no napoitra taminay: "Iza moa no tena mampiasa anay, INTER-AIDE sa KOLOAINA? Iza no tompon'ireo fanapahan-kevitra raisina: ny tompon'andraikitra ve, sa ny INTER-AIDE amin'ny alalan'ny mpanolotsaina teknika?"

ny tabilao famoaham-baovao dia mampatsiahy ny zava-misy na ireo mbola hatao (fivoriana, fitsidihana ….) izay ahafahana manatsara ny serasera ny serasera eo amin'ny mpiasa manontolo, izay matetika mikatona hoan'ny iray faritra iasana fotsiny.
Ny fitsharan'io serasera io no tokony ho vokatra enitin'ny firafitra vaovao izay hajoro.

**Fampivelarana ny serasera ivelany**
Samy miombon-kevitra ny rehetra fa ilaina ny fampahafantarana bebe kokoa ny fikambanana KOLOAINA (jereo §3;1). Tokony hanana politikan-tseratsera mazava izy: fantatry ny eny ivelany ny momba azy, ny birao ahitana azy, mahavita mamadika ny lesona nosintonina avy tamin'ny traikefa hanatsarana ny fomba fiasa ary afa-maneho safidy amin'ny paik'ady hoenti-miasa….

## 4.2. FISIAN'NY FISALASALANA NOHO NY FOMBA FAMPITAN-JAVATRA MANDEHA ILA

Ny famakafakana teo aloha dia efa nanipika ny fisian'ny fisalasalana amin'ny fanovana. Kanefa tsapa tamin'ny fandinihina natao, fa nandritra ireo asa fandalinana dia nahatsiaro tena ho voatery hanaraka fotsiny ny fanamboarana natao ny ekipa, izay tsy nampandraisina anjara akory teo amin'ny zotra-pivoaran'ny famakafakana hanamarinana ireo fanovana.
Vokatr'izay dia nanjary voafetra ihany ny fahasahiana manao zavatra sy ny fandraisana andraikitra.
Rehefa tsy nomen-danja hatrany am-boalohany ny hevitry dia tsy mahagaga raha toa ka tsy ampy faharesan-dahatra ny fankatoavany ny fanamboarana natao.
Izahay eto dia mandrisika ny hanaovana famakafakana iombonana mialohan'ny fandrefetan-javatra.

Mitondra vokatra tsara kokoa ny zotra-pivoaran'ny fampitana fahaiza-manao sy fampitana andraikitra raha toa ka:
- Hiverenana dinihina sy ampiarahana fifanekena mahakasika ny zava-kendreny manokana ny fombafomba enti-manao ny tomban'ezaky ny mpiasa tsirairay.
- Ny lamina apetraka momba ny fanofanana, izay eo am-pamolavolana azy, dia ahafahana mamantatra bebe kokoa ny mampitombina ireo tolotra atao momba ny fanofanana, ary dahitana ihany koa ny fomba fampiharana sy fanombanana azy. Marihina fa ireny fanofanana ireny dia tokony hikendry indrindra ny fanatsarana ny fahaiza-manao eo amin'ny fandaminan'asa sy amin'ny famolavolana paik'ady.

Ankoatra izay, ny lesona nosintonina avy tamin'ny traikefa dia hanamora ny fahazoana ny fomba fampiharana.

## 4.3. IREO TOROLALANA HEVERINA FA MITONDRA MANKAMIN'NY FAMPAHARETANA NY ASA

Raha toa ka ampifandraisana na ampidirina any anatin'ireny rafitra eny anivom-piraha-monina sy anatine rafi-pitantanana ireny ny asa atao, dia tokony hifameno ny fahaiza-manao ara-teknika sy ara-pandaminan'asa mba ahafahana:
- manisy rafitra hitantana ny fitaovana "sehatra fanoroan-dalana" eny anivon'ny Fokontany
- fandinihana amin'ny maha-rafi-pitantanana momban'ny fandridrana ny asa sy ny fampidirana ireo mpikatroka amin'ny lafiny sosialy eny amin'ny fiaraha-monina, ao anatin'ny sehatr'asa matihanina, izay iarahana amin'ny CUA sy ireo solontenany any amin'ny boroboritany.

Mitaky asa fanohanana ara-piaraha-monina lehibe tokoa izany: Fandamin'asa sy fanohanana amin'ny fitantanana fikambanana, asa fanentanana sy fisarihan-tsaina izay atao mifanindran-dalana amin'ny fanohanana ara-teknika ilaina.
Ny toerana tazonin'ireo mpikatroka koa dia tokony hifandinihina sy hofaritana mazava. Ny zotram-pivoaran'ny fampitam-pahaiza-manao amin'izay dia tokony hanara-penitra sy hiafara amin'ny fifanarahana fiaraha-miasa vita an-tsoratra.

## 4.4. FIFANDRAISANA MISY DISADISA EO AMIN'NY KOLOAINA SY INTER-AIDE

Ahitana disadisa ihany eo amin'ny fifandraisan'ny INTER-AIDE sy ny ekipa KOLOAINA. Araka ny fangatahana ataon'ny tompon'andraikitra mpitondra, ny fanohanana omen'ny mpanolo-tsaina teknika dia tokony hatokana fotsiny ihany ho an'ireo "cadres" aorian'ny nahazoana fankatoavin'ny tale, ka mifanitsy amin'ny fifanarahana fiaraha-miasa (jereo§ D alinéa 3 et annexe). Mampiseho izany tarehin-javatra izany fa misy fifampiahiahiana hatrany isaky ny misy hetsika [17] atao.
Ny ankamaroan'ireo fikambanana manao asa fampandrosoana, tsindraindray dia samy mandalo fotoana hifehezana disadisa eo amin'ny mpanatanteraka asa an-tsehatra sy ny foibe (terrain-siège). Irey disadisa ireny amin'ny ankapobeny dia miainga avy amin'ny: andaniny, ny foibe dia mihevitra fa tsy mahatakatra ny tena lokan'ady amin'ny zavtra takian'ny asa atao ny mpiara-miombon'antoka, ary tsy mampihatra akory ny toro-lalana omena, na indraindray dia tsy mahafehy araka ny tokony ho izy ny asa atao. Ankilany kosa, mpanatanteraka ny asa an-tsehatra dia mihevitra fa any lavitra any ny foibe, ka tsy afaka ny hamantatra ny zava-misy fa izy mpanatanteraka ny asa an-tsehatra no mahafantatra ny tokony hataony.

[17] Ny mpanolo-tsaina teknika sy ny ao amin'ny fitantan-draharaha dia samy ampijalian'io toe-javatra io avokoa: iry voalohany dia tsy afaka manome ny fanohanany ara-teknika amin'ny tokony ho izy, satria voailika tsy hanatrika ireny fivoriana ireny, ka dia voatery mampita an-tsoratra ny fanamarihany, no sady miantoka eo anatrehan'ny Inter-Aide ny famandehanana ny asa nahazoana famatsiam-bola; iry faharoa kosa indray dia sahiran-tsaina manoloana ny fisisian'ny mpanolo-tsaina teknika, ka mihazona irery ny fahefana manapa-kevitra.
Lokan'ady amin'ny zavatra

Ny tantaran'ny KOLOAINA no nampahafantatra anay fa ny fombafomba nitondrana ny fampitan-javatra no nitarika tamin'izao tsy fifazahoan-kevitra izao. Vokatr'izany:
Ny tantaran'ny KOLOAINA no nampahafantatra anay fa ny fombafomba nitondrana ny fampitan-javatra no nitarika

- Teo am-piandohana dia tsikaritra fa atidoha roa no nitantanana ny KOLOAINA. Tsy azo ihodivirana fa miteraka disadisa hatrany io toe-javatra io, saingy ny tale napetraka teo moa dia niezaka ny hahazaka io toerana io, saingy ny tale napetraka teo moa dia niezaka ny hahazaka io toerana io nanomboka tamin'ny fandehanan'ny tompon'andraikitra tao amin'ny INTER-AIDE
- Taty aoriana, ny tsy fisian'ny fanohanana teknika sy amin'ny lafiny fandaminana asa avy amin'ny INTER-AIDE, tamin'io fotoan-tsarotra nametrahana ny rafi-pitantanana io no nahatonga ny KOLOAINA handray an-tanana ny tetik'asa, na dia tsy manana ny tena fahaizana teknika sy fandaminan'asa nentina hametrahana izany aza izy.
- Noho izany ny fahatongavan'ny mpanolotsaina teknika taorian'io vanim-potoana nananana "fahaleovantena" io dia nanjary noraisina ho toy ny fametrahana fisalasalana teo amin'ny fiaraha-miombon'antoka sy eo amin'ny fahaiza-manaon'ny KOLOAINA.

Misy izany ny fahaverezam-pitokisana ary nitranga ny olana eo amin'ny fitadiavana izay tena maha izy azy ny KOAINA, ka manjary manjavozavo(18) ny toerana misy tsirairay. Napetraka ny fomba fanaraha-maso, natao koa ny fiaraha-midinika eo anivo'ny fitantanan-draharaha momba ny fanapahan-kevitra horaisina, izay nampifandanjana tamin'ilay fandavana hizaka ny andraikitra sasantsasany.

Ny fandaminana anatiny indray ny ekipa, miaraka amin'ireo andraikitra mazava tsara, ny famolavolana ary ny fanjohiana ny drafitr'asa fampitàn-javatra (fifanarahana an-tsoratra momba ny zava-kendrena) izay iarahan'ny ekipa manontolo manao, no ahafahana manila ny disadisa mbola tsy levona, amin'ny alalan'ny fanoritana mazava ny toerana tazonin'ny andaniny sy ny ankilany.

## 4.5 FANANGANANA FILAN-KEVI-PITANTANANA TENA IZY SY MAVITRIKA(19)

Tsy manana politika ara-dalàna ny fikambanana

Ny tsy fandraisan'ireo mpikambana ao amin'ny komity mpitantana, izay marihina fa roa monja, ny ny tokony ho andraikiny, mampiseho fa endrika ivelany fotsiny io ambaratongam-pitantanana io.

Tato anatin'ny telo taona dia tsy nisy akory zotra rahina amin'ny fampitam-pahaiza-manao ny fampitan'andraikitra. Noho izany, voafetra ihany ny fahalalan'ireo olona ireo ny zony sy ny adidiny izay tsikaritra fa mijanona fotsiny ihany amin'ny famakiana ny satam-piorenana. Indraindray ihany vao mba mahazo vaovao momba ny asa atao sy ireo lalan-kizoran'ny paik'ady izy ireo. Ohatra azonay omena momba izany ny fahitana fa tsy misy sonian'ny filoha akory ireo fifanarahana an-tsoratra roa momba ny fiara-miasa eo amin'ny INTER-AIDE sy KOLOAINA. Ankoatr'izay dia tsy mba nanokanana adi-hevitra [20] akory ny fandinihana indray io fiara-hamiombon'antoka io.

Tsy misy antoko mpanohitra fahefana

Io fametraham-pitokisana an-jambany izay omen any mpitondra io dia tena fahalemen'ny fikamabanana KOLOAINA; ny tsy fisian'ny ambaratonga mpihevitra ny lalan-kizorana  koa dia tsy ahafahan'ny fikambanana ankehitriny miantoka ny hevitra mitondra ny asa sy ny famaritany ny foto-pisainana manokana mifehy ny asany, ary tsy ahafahany koa maka ny toerana maha-piara-miombon'antoka azy amin'ny INTER-AIDE. Hiverenanay hojerena ato amin'ny fizarana farany amin'ity famakafakana ity ny momba ny fananganana fiara-miandraikitra ny zavatra hatao hoenti-mikaroka ny fahafahazakan-tena sy ny fampidirana anaty rafi-pitantanana.

Fandraisana mpikambana azo ianteherana ary ny fandraisana anjara azo entina

Manoloana io rafitra sarintsariny ihany io, dia nangataka tamin'ny mpitondran'ny KOLOAINA ny INTER-AIDE mba hampivelatra io komity mpitantana io. Kanefa raha tsy efa fantatra ireo mpikambana vaovao izay hanampy ireo efa ao ankehitriny, miaraka amin'ny mpiasa rehetra ao amin'ny KOLOAINA, dia tsy mbola azo tanterahina sy tsy hanankery ny fanamafisna orina ny rafi-pitantanana ananan'ny KOLOAINA. Ireo mpiasa ao amin'ny KOLOAINA moa dia efa maneho faharisihany handray anjara amin'io fananganana voaresaka tery aloha io. Hiantehatra amin'ny herin'iza ny safidy hataon'ny mpitondra, izy irery, ny mpampiasa azy?.

[18]Ireo fanambarana isan-karazany mampiseho ny endriky ny olam-pifandraisana misy: Misy mifanohitra ihany zava-boalaza sy ny zava-mitranga raha eo amin'ny fifanarahana an-tsoratra no jerena: "…Izahay dia voatery miandry hatrany ny hevitry ny mpanoltsaina teknika, far aha tsy izany dia mety hampiharin'ny INTER-AIDE ny fahefana ara-bola ananany; rehefa dinihina mantsy dia ny INTER-AIDE no mpanondro ny zavatra hatao sy tompon'ny fanapahan-kevitra amin'ny fandaharan'asa."

[19] Fahatsapana ny soso-kevitra mitovy ao amin'ny C-E-FOR

[20] Raha ny zava-misy no jerena dia tsy takona afenina ny tsy fahampian'ny serasera; ireo mpikambana dia tsy mangataka sy tsy mahazo vaovao loatra momba ny asa atao, tsy mahafantatra ihany koa ny fahasarotana eo amin'ny lafiny fandamin'asa sy fifandraisana misy. Tsy ny mpitantsoratra fa ny tale no nanao ny fitanana an-tsoratra ireo fivoriana vitsivitsy izay natao, ary tsy mba naparitaka akory izy ireny; matetika aza dia tsy vita hatramin'ny farany akory ireny PV ireny.

Izahay eto dia mandroso soso-kevitra fa tokony hiara-mamakafaka amin'ny mpikatroka rehetra izay safidiana paik'ady izay, mba hampitombina tsara sy hampivelatra ny toerana tazonin'ny fikambanana.**Ny fampidirana mpikambana vaovao dia midika koa fa ilaina ny famaritana masontsivana enti-misafidy, safidy iaraha-manao sy iombonan-kevitra ary koa miara-mamolavola sy mampihatra fandaharan'asa hanatevenana nyfahaiza-manao.

Ho famaranana izay rehetra izay:
Ny toe-javatra misy ankehitriny dia mitarika ny KOLOAINA hanao laharam-pahamehana ireto lafin-javatra manaraka ireto:

- Fanamafisana indrindra indrindra ny fahaiza-manao eo amin'ny fandamianana asa izay iankinan'ny fanomezan-danja ireo fahaizana ara-teknika ananana.
- Fambolena fifandraisana vaovao eo amin'ny mpitondra sy ireo mpikambana hafa ao anatin'ny ekipa mpanatanteraka ny asa an-tsehatra, izay mety hahita fahafaha-mihetsika tsy mbola nisy nahafantatra hatramin'izay.
- Fandraisana sy fampidirana mpikambana maromaro kokoa ao anatin'ny komity mpitantana, izay tokony hahasolo ny anjara biriky "politika" nentin'ny tale sy ny INTER-AIDE [21]
- Fitondrana fanazavana momba ny anjara toerana sy andraikitr'ireo mpikatroka mpiara-miombon'antoka.

[21] Na dia miaro tena sy mipetraka ho toy ny mpanohana eo amin'ny fomba fiasa azan y mpanolotsaina teknika, ny fahatsapan'ireo mpanatanteraka ny asa eny an-tsehatra dia manipika ny fahitan'izy ireo fipetraka roa karazana izay ahatarafana ny fitomboan'ireo mpandray fanapahan-kevitra (Versailles, CT, Direction)

## C) Tomban'ezaka amin'ny fandaharan'asa fanabeazana

Ny volana jiona/jolay dia nifanandrify amin'ny famaranana ny taon-tsekoly ka tsy nisy asa azonay nodinihina, na tany amin'ireo sekoly fibeazana fototra (CSP), na tany amin'ireo sekoly fanabeazana fototra (EPP). Ankoatra izay, dia tsy afanihaona tamin'ny "CISCO" ihany koa izahay, noho izy ireo sahirana tamin'ny fikarakarana ireo fanadinana famaranana ny taom-pianarana.

Ny vokatra azo tamin'ity famakafakana ity izany dia nifototra fotsiny ihany tamin'ireo karazana dinika manokana azonay notanterahina.

### 1- FANOLORANA NY SAMPANA FANABEAZANA, ANTSOINA KOA HOE: OSIS

Na dia misy azan y fikambanana naorina tamin'ny taona 2000 mitondra ny anarana hoe: "OSIS" (**Organisme de Soutien aux Initiatives Scolaires**) na rafitra misahan'ny fanohanana ireo finiavana misy any an-tsekoly, raha adika malalaka, ny tetik'asa fanabeazana resahina eto dia eo ambany fiandraiketan'ny INTER-AIDE, taorian'ny tsy fahombiazan'ny fandrindran'asa malagasy tamin'ny taona 2001, izay nampikatso ny zotra-pivoaran'ny fahafa-mizaka tena. Io fikambanana io tsy manana sata na komity mpitantana. Noho izany, nampitondraina ny anarana hoe: "OSIS" io fandaharan'asa io, mba ahafahana manao izay fampitam6pahaiza6manao izay.

Ny sampana fanabeazana ataon'ny INTER-AIDE dia mifandray amin'ireto asa manokana roa ireto:

- Fanohanana ireo Akany Fibeazana Fototra, nanomboka tamin'ny taona 1993, ary nahaleotaona tamin'ny taona 2000,
- Fampivelarana ireo asa manome tantsoroka hoan'ny mpianatra any amin'ireo sekoly Fanabeazana Fototra sahanin'ny Fanjakana nanomboka tamin'ny taona 2001.

Mba hampandrosoana ireo sampana roa ireo dia olona 69 no ampiasaina, ka ny 20 amin'ireo dia "cadres" sy "animateur-éducateurs" na mpanentana-mpanabe, mifandray mivantana amin'ny fandaharan'asa INTER-AIDE.
Toy izao ny fitsinjaran'ny ekipa:

<table>
<tr><th></th><th></th><th>Faharetana</th><th>Fari-piofanana narahina</th></tr>
<tr><td rowspan="4">Ekipa "cadres"</td><td>Tompon'andraikitra amin'ny fandaharan'asa 1 izay vahiny</td><td>2 taona</td><td rowspan="4">> BAC + 3</td></tr>
<tr><td>Tompon'andraikitry ny "promotion scolaire 1"</td><td rowspan="3">5 taona</td></tr>
<tr><td>Tompon'andraikitra "pédagogique" 1</td></tr>
<tr><td>Tompon'andraikitra "administrative et financier 1"</td></tr>
<tr><td>Mpanentana/Mpanabe EPP</td><td>16</td><td>2,3 taona</td><td>19% BAC+3<br>56% BAC<br>25% BEPC</td></tr>
<tr><td>Talen'ireo CPS</td><td>10</td><td>5,5 taona</td><td>10% > BAC+2<br>70% BAC<br>20% BEPC</td></tr>
<tr><td>"Monitrices" CPS</td><td>17</td><td>3,2 taona</td><td>5% BAC+2<br>65% BAC<br>18% BEPC<br>12% CEPE</td></tr>
<tr><td>"Stagiaires CPS"</td><td>7</td><td>7 volana</td><td>57% BAC<br>43% BEPC</td></tr>
<tr><td>Mpiambina CPS</td><td>15</td><td>2,8 taona</td><td>93% CEPE</td></tr>
<tr><td>FITAMBARANY</td><td>69</td><td>2,9 taoa</td><td>12% > BAC<br>47% BAC<br>15% BEPC<br>26% CEPE</td></tr>
</table>

Ireo fihaonana rehetra niarahana taminay, dia nampiseho fa ekipa manana risi-po sy mandray andraikitra amin'ny fanamby hoenti-miaro amin'ny tsy fahombiazana any an-tsekoly no misahana io fandaharan'asa io.
Olona mifototra amin'ny asany koa ekipa, satria ireo "cadres" Malagasy 3 sy ireo talen'ny Akany Fibeazana Fototra dia efa niasa tamin'ny INTER-AIDE, 5 taona farafahakeliny.

Ny fari-piofanana anan'izy ireo amin'ny ankapobeny dia efa ambony ihany: Ny ankamaroan'ny mpiasa amin'ny fanabeazana dia manana "BAC" farafaharatsiny, ary 12%n'izy ireo dia nanaraka fiofanana ambony ("cadres" INTER-AIDE, mpanabe sy talen'ireo CPS)
Ny ekipa manontolo, INTER-AIDE sy ireo CPS, dia nahazo fiofanana tao amin'ny Madcap (jereo 2.3), izay nomen'ny ministera mpiahy azy.

**Fiaraha-miombon'antoka**
Ireo asa fanabeazana ireo dia nitondra tamin'ny fiaraha-miombon'antoka tamin'ny manam-pahefana Malagasy: CISCO, EPP, FOKONTANY. Ny ministeran'ny Mponina, ny Fiahiana ny Vehivavy sy ny Ankizy (MPCFE) dia tafiditra ao anatin'izany, ka nandray sy nanofana ireo mpnabe any amin'ireny CPS ireny.
OSIS ihany koa dia manana mpiara-miombon'antoka amin'ny lafiny teknika mahahenika ny fanabeazana sy ny tontolon'ny zaza [22].
Ny fandrefesana ny zotra-pivoaran'ny fampitam-pahaiza-manao dia nahafahana nanatsoaka sokajina mpikatroka 3 lehibe amin'io olana ara-panabeazana io:

- Ireo Akany Fibeazana Fototra tafiditra amin'ny fahafaha-mizaka tena anaty rafi-pitantanana (autonomisation institutionnelle).
- Ny ekipa OSIS sy ny fipoiran'ny rafitra misy eto an-toerana misahana fampandrosoana, raha jerena eo amin'ny fahaiza-manaony sy ny andraikitra tazoniny.

## 2- IREO AKANY FIBEAZANA FOTOTRA AN-DALAM-PIROBOROBOANA

### 2- AMBANY NY TOLOTRA RAHA MITAHY AMIN'NY TINADY

ireo karazana tatitry ny asa natao, ny antontan'isa sy ny "monitoring" farany nataon'ny Firaisambe Eropeana, dia manamarina fa ireo asa atao any amin'ny fibeazana fototra dia efa nanomboka hatramin'ny taona maro lasa, ary mampiseho ny fahalianana sy ny vokatsoa entiny. Noho izany, ireo CSP sasantsasany ankehitriny dia voatery mandà ny handray mpianatra hafa, kanefa tany am-boalohany dia ambany be ny isan'ireo liana tamin'izany.
Hatramin'ny 4 taona lasa izay, dia tsikaritra fa nitombo ny isan'ireo Akany nisokatra: Taona 2001, Akany 8, taona 2004, Akany 11, ka nahitana fitomboana eo amin'ny 21%.

| | **2001** | **2001/2002** | **2002/2003** | **2003/2004** |
|---|---|---|---|---|
| Isan'ny CSP (Akany Fibeazana Fototra) | 8 | 10 | 10 | 11 |
| Isan'ny mpianatra raha atao ny salan'isa | 1016 | 970 | 1228 | NC |
| Fahazakan-tena ara-bola ivelan'ny "valorisation locale" | 35% | 41% | 45% | NC |
| « Taux de remplissage » | 92% | 81% | 92% | NC |

Ireo ankizy niditra any amin'ireny CPS ireny dia mahazo tombony manokana hoentiny miatrika ny taom-pianarana ho avy any amin'ny fanabeazana fototra. Eo anelanelan'ny 90% sy 95% ireo ankizy avy tao amin'ny CPS no manohy ny fianarany any amin'ny EPP.

### 2.2 IREO FAHAIZA-MANAO SY ANDRAIKITRA EFA ANANANA EO ANIVON'NY CPS IRENY

Ny zotra-pivoaran'ny fampitam-pahaiza-manao sy fampitan'andraikitra dia efa niatomboka tamin'ny taona 2001, ka ireo tale dia nanaiky ny hitantana ny rafitra misy azy avy.

Miainga avy amin'ireo fitaovana iasana naseho anay, sy ny dinika nifanaovana no nahafahanay nanao ny famakafakana amin'ny fomba mifintina toy izao manaraka izao.

[22] jereo lisitry ny mpiara-miombon'antoka OSIS

| | **Efa ananana** | **Mila hamafisina na ezahina ho azo** |
|---|---|---|
| **Fahaiza-manao sy andraikitra “pédagogique” efa atao** | Fahafehezana ny fomba itondrana ny asa, ny fandaharan’asa ary ny fampandrosoana ny lafiny “pédagogique” | Mbola sahirana amin’ny lafiny “pédagogique” ivelan’ny lasitra nametrahana azy |
| | Fahalalana sy fampiasan ireo fitaovana enti-manabe | Fisintonan-desona avy tamin’ny traikefa, ary ny fiheverana izay tokony hampandroso |
| | Fampiasana ireo fomba fiasa enti-manao ireo tomban’ezaka momba ny fomba enti-manabe | |
| | Fanolorana sy fahaiza-manohana ny hevitra aroso momba ny vokatra azo eo anatrehan’ireo RAD | |
| | Fandraisan’anjara amin’ny famolavolana ireo fiofanana anatiny eo amin’ny samy CPS | |
| | Fanofanana sy fanjohiana ireo “stagiaires” | |
| **Fitantanana manontolo ny hoenti-manana ara-olona manao ny asa** | Ireo tale ihany no mandray ireo mpiasa ao aminy, ary mikarakara ireo fifanekena momba ny asa izay atao | Fanaovana tomban’ezana amin’ireo mpiasa.<br>Fametrahana fitsipika izay manazava tsara ireo fombafombarahina<br>Rehefa nahazo fankatoavana ara-dalàna ara-panjakana ireny CPS ireny, dia tokony ho mpikaraman’ny CPS amin’izay izy ireo fa tsy ho mpiasan’ny INTER-AIDE intsony |
| **Serasera** | Fifandraisana amin’ny RAD miompana amin’ny asa fanabeazana sy ny saram-pianarana<br>Fihazonana ny toerana mpampahalala vaovao sy mpanoro lalana; ny CPS dia tafiditra hoe: “passerelle”<br>Asa nahazo fankatoavana avy amin’ny Ministera mpiahy (MPCFE) | Mbola marefo ny rafitra misy ny komitin’ny RAD<br><br>Hamafisina ny fahaiza-manentana eny anivon’ny fiaraha-monina sy ny fitantanana fikambanana<br>Fahaiza-miseresera sy amin’ny “relation publique” asa momba ny fakana ny maha izy azy ny tena<br>Fidirana any amin’ireo tambajotra isan-karazany |
| **Fahafaha-manao sy andraikitra amin’ny lafiny ara-bola sy fandraharahana, efa an-dalam-panatanterahana** | Famolavolana teti-bola fampiasa isan-taona<br>Fanjohiana isam-bolana ny teti-bola ampiasaina<br>Fanafehezana ireo fitaovana sasantsany: “cahier de caisse, calcul des charges salariales” | Famakafakana ny teti-bola ampiasaina<br>Fanaraha-maso ny lafiny ara-bola ao anatiny, izay afaka ampiandraiketina ny komitin’ny RAD<br>Fahaiza-mikaroka famatsiam-bola eto an-toerana (sponsoring, bailleurs)<br>Fahaiza-manangana tetik’asa madinika |

*Famoaboasan-kevitra*
*Ireo fahaiza-manao sy andrikitra lehibe dia efa samy zakan'ny mpiasa ao main'ny OSIS. Ny lamina napetraka dia tsikaritra fa manome fahafaha-mihetsika malalaka ireo tale. Ny zotra-pivoaran'ny fahazoana fankatoavana amin'ny fijoroan'ireny Akany ireny, izay omen'ny Ministera mpiahy, dia hanafainganana ny fandraisana an-tanana ny andraikitra rehetra. Ireo fahasarotana samihafa mitranga izay voalza taminay sia saiky miankina kokoa amin'ny fomba hoenti-mampaharitra ny asa atao.*

## 2.3 FANKATOAVANA NY FISIAN'NY AKANY FIBEAZANA FOTOTRA

Ireo mpikatroka rehetra nihaona taminay, dia samy mankasitraka ny kalitao sy ny mampiavaka ireny Akany Fibeazana Fototra ireny avokoa.
Ny Fokontany dia mangataka ny hametrahana karazan'asa toy itony satria efa mahatsinjo sahady ny ho fiantraikan'izany fibeazana Fototra ireny eny amin'ny tanim-panjakana, izay afaka ampiasain'ny FOKONTANY, dia ahitana tombony telo sosona:

- ✓ Miantoka ampahany betsaka amin'ny fampaharetana ny rafi-panabeazana;
- ✓ Mampiditra ireo "chefs quartiers" amin'ny asa fisarihan-tsaina/fanentanana;
- ✓ Manome lanja ny anjara asa sahinin'ny FOKONTANY amin'ny maha-rafitra fandraharahana eny akaiky azy ireny.

Ireo ray aman-dreny roa izay tafahaona taminay dia samy manome lanja ny kalitaon'ny asa fanabeazana ahitana taratra ny fampivelarana ny "psychomoteur" ao amin'ny ankizy.

Mbola fanindrahindra toy izany koa no henonay tamin'ny solontanan'ny MPCFE ao amin'ny « délégation régionale ». Nandritra ny fanofanana[23] nomen'izy ireo, dia gaga tanteraka amin'ny fari-pahalalana ara-teknika efa ananan'ireo mpiofana avy amin'ny OSIS izy ireo ; fari-pahalalana izay takian'ny asa fanabeazana. Eo andanin'izany, ankasitrahan'izy ireo koa ny finiavan'ireo fangatahana fankatoavana ireo Akany najoro, izay avy amin'ireo tale fa tsy avy amin'ny INTER-AIDE, tondromariky ny fahafaha-mizaka tena.

Ny toe-java-misy eto an-toerana koa dia manosika ny INTER-AIDE hanakaiky kokoa io rafi-pitantanana io, mba hiarahany mandinika aminy ireto lafin-javatra manaraka ireto :

- ✓ Ireo fepetra fampaharetana ireo rafitra misahana ny fibeazana fototra ireo,
- ✓ Ireo lamina hapetraka mba hanosika amin'io fankatoavana ara-dalàna io (fanohanana ara-teknika sy ara-bola), izay miantoka ny kalitaon'ny fanabeazana sy ho fandraisana anjara amin'ny ady atao amin'ny fanilihana miseho eny amin'ny fiaraha-monina, mifanaraka tsara amin'ny zava-kendren'ny ministera mpiahy,
- ✓ Fisintanan-desona avy amin'ireo fiofanana « pédegogiques » ka hitsinjovana sahady ny fanapariahana ny fahaiza-manaon'ny INTER-AIDE.

Ny Ministera mpiahy rahateo dia maniry ny hanamafisana io fiaraha-miasa io.

## 2.4 FAMPAHARETANA NY CPS

Io zotra-pivoaran'ny fahafaha-mizakatenan'ireo Akany Fibeazana Fototra io dia roa sosona : ara-bola sy ara-drafitra.

**Fahazakan-tena ara-bola**
Tsapa fa misy fivoarana mazava ny fahaiza-mizaka tena ara-bolan'ireo Akany, ka avy amin'ny saram-panabeazana sy avy amin'ny fandraisan'anjara voafaritra mazava ataon'ny ray aman-dreny. Nisy fitomboany 28% izany tao anatin'ny 4 taona[24]. Arakaraka ny Akany, io anajara raisin'ny ray aman-dreny io dia miovaova, eo anelanelan'ny 32% sy 62% tamin'ny taona 2003.
Ireo tale dia sahiran-tsaina amin'ny lafiny ara-bola, ary nitsotra mihitsy fa amin'ny faran'ny taom-pianarana, dia mety fatiantoka ny toetoetry ny toe-bola sasantsasany. Manoloana izany, dia nisy ny adi-hevitra momba ny teti-bola ampiasaina, niarahana tamin'ny INTER-AIDE ary tsy nanadinoana ny andraikitra ara-bola sahanin'ireo tale.
Ny asa famakafakana ireo teti-bola voatondro hampiasaina dia tokony hametra io toe-javatra ahafahan'ny tale mifehy ny fandaniana rehetra io sy ahafahany manao fanamboarana mifanaraka amin'izany. Io toe-javatra io mantsy dia manjary manimba ny risipon'ireo « monitrices », satria ny « prime de fin d'année » dia tsy mba azon'izy ireo mihitsy.

---

[23] Fanofanana mitety vohitra (formation itinérantes) entanin'ireo avy ao amin'ny « Délégation Inter-régional de la Population, sanctionnée par CFEP »
[24] vangovangon-kevitra nalaina tamin'ny « rapport exécutif 2002/2003 et des divers analyses financières communiquées pour chaque centre.

Ny fahafantarana fa :

- Ny vola miditra eo an-toerana dia tsy mba misy fetrany.
- Ireo CPS, rah any tena izy, dia mandray fanampiana roa sosona avy amin'ny INTER-AIDE: fanampiana mivantana isan-taona eo amin'ny 50%, ary fanampiana an-kolaka, amin'ny alalan'ny vatsim-pianarana ho mivantana ho amin'ny saram-pianarana (3% tamin'ny taona 2002/2003).

Tena ilaina haingana ny hanaovana paik'ady hitadiavana famatsiam-bola, mba tsy hahatonga ireo rafitra ireo ho azom-pakam-panahy, noho ny antonym ara-bola, hamadika ireo zava-kendreny sy ny maha-izy azy tany am-piandohana, izay mitodika amin'ny fanamorana ny fahafahan'ireo tena sahirana mahazo fanabeazana.

Maro karazana ireo lalana azo trandrahina sy azo iadian-kevitra ary ampifandraisina:

- ✓ Ny voalohany dia izay natolotra tetsy aloha (jereo § Fankatoavana) mifandray amin'ny andraikitra ara-bola sahanin'ny MPCFE.
- ✓ Ny faharoa dia mahakasika ny fanokafana ireo Akany amin'ny vahoaka tsy dia sahirana loatra, ka ahazoana manao saram-pianarana misy elanelany (tsy mitovy), sady mba mampifangaro ihany koa ny saranga samy hafa eo an-toerana.
- ✓ Ny fahatelo dia momba ny fanomezana tantsoroka ireo CPS amin'ny fitadiavana famatsiam-bola eto an-toerana. Izany dia midika fa aty am-boalohany dia ilaina ny mamorona vangovangon-kevitra fototra iaingana momba ireny loharanom-pamatsiam-bola mety ho azo ianteherana ireny ("sponsoring", "sehatra tsy miankina", "fonds d'Ambassade",…), ary amin'ny tapany faharoa, dia manome fiofanana ireo CPS amin'ny paik'ady mahakasika ny ara-bola, ary amin'ny fananganana tetik'asa madinika sy fambolena fiaraha-miomon'antoka.

Fanamafisana ara-drafitra ireo CPS
Raha toa ka ankinina amin'ireo tale ny andraikitra amin'ny fanatanterahana ny asa, ny rafi-pitantanana, politika miantoka ny lalan-kizorana, amin'izao fotoana kosa dia sahanin'ny INTER-AIDE. Ireo CPS izany dia tokony hikaroka izay hananany toerana ao anaty rafi-pitantanana. Ny komitin'ny ray aman-drenin'ny mpianatra, ny FOKONTANY dia samy afaka miandraikitra izany.
Ankoatra izay, ny fananganana tambazotra mampifandray ireo Akany tohanan'ny INTER-AIDE amin'ireo rafi-panabeazana hafa misahana ny fibeazana fototra, ka mampiditra tsikelikely ny Ministera mpiahy, dia hanamora:

- Ny fifanakalozana traikefa, ny fanaparitahana ireo fahaiza-manao,
- Ny fanomezana fiofanana "pédagogiques" sy fandaminan'asa,
- Ny fifanohanana/fifampiantohana amin'ny lafiny hoenti-manatanteraka (teknika sy ara-tsaina),
- Ny adihevitra momba ny fepetra sy fombafomba atao mba hahazoana fankatoavana ireny akany misahana asa sosialy ireny.

### 3- FAMPIDIRANA NY TANTSOROKA AMIN'NY FIANARANA AN-TSEKOLY ANY AMIN'NY EPP

#### <u>3.1 FAHOMBIAZANA ARA-BOKATRA</u>

Tamin4ny taona 2000 dia EPP 4 no nomena io "soutien scolaire" io, ary tamin'ity taona ity dia nahatratra 6. Tao anatin'ny 3 taona niasana dia nitombo avo roa heny ny isan'ny mpianatra nahazo izany ("coefficient de 2,5")

| | 2002/2001 | 2001/2002 | 2002/2003 | 2003/2004 |
|---|---|---|---|---|
| **Isan'ny EPP** | 4 | 4 | 5 | 7 |
| **"effectif moyen soutien scolaire"** | 300 | 393 | 789 | NC |
| **Taux de passage "classe"** | | 56% | 49% | NC |

Ireo asa natao tany an-tsekoly ireo dia tafiditra any anatin'ny fifanarahana eo amin'ny telo tonta: INTER-AIDE, EPP mahazo tombotsoa ary ny CISCO. Ito farany moa dia tsy manao afa-tsy ny fanamarinana ilay fiaraha-miasa satria tsy misy andraikitra manokana omena azy.

#### 3.2 IREO FAHAIZA-MANAO EFA ANANANA

Tamin'ireo dinika manokana nifanaovana tamin'ireo mpanentana/mpanabe dia tsapa fa efa misy ny fahaiza-mana ara-pedagojia sy fahaiza-manentana izay samy ilaina amin'ny asa "soutien scolaire" sy fampialana voly.
Na dia izany aza anefa ireo "cadres" ao amin'ny OSIS dia mihevitra fa miovaova arakaraka ny mpanentana izay fari-pahaizana izay, kanefa amin'ny ankapobeny dia azo lazaina fa mahafa-po.

Fanomezana lanja manokana ny lafiny pedegojika:
Misy tsy tapaka ny tantsoroka atao eny an-toerana iasana, ary ny fotoam-pialan-tsasatry ny mpianatra dia natokana hanamboarana fitaovana vaovao enti-mampianatra.

**Fahaiza-manao mahazo sitraka**:
Ireo vokatra dia nampiseho ny kalitaon'ny asa ary ireo talen-tsekoly rahateo dia niaiky ny mampitombina sy ny fahombiazana azo amin'io asa io.
Rehefa nanao tomban'ezaka sy nijery ny lanjan'ny vokatra azo tamin'ny faran'ny taom-pianarana ireo talen-tsekoly ireo dia nahita tokoa fa nihena be mihitsy ny isan'ireo voatery mamerina kilasy.
Ny lalàna vaovao hampiharina manomboka ny taom-pianarana hoavy rahateo dia tsy hamela intsony ny famerenana kilasy amin'ny "11è" sy "10è", ka noho izany dia mitombina tanteraka ny fanaovana io asa io ary nahazoana fangatahana marobe ny fampivelarana izany fanohanana izany.

Noho izany tsy afa-nihaona tamin'ireo ekipa mpampianatra izahay (lasa niala-sasatra na nanao fitsaram-panadinana) ka sarotra taminay ny nandrefy ny fiovana amin'ny lafiny fomba enti-mampianatra naterak'ity asa fanampiny ity.
Ireo talen-tsekoly nihaona taminay anefa tsy nanamarika ny fisian'izay fampitam-pahaiza-manao izay. Ireo mpanentana-mpanabe kosa dia nanambara fa tsy nisy loatra izay faneken'ny mpampianatra handray sy hampiasa ireo fitaovana sy fomba arahina hoenti-mampianatra izay. Ireo mpampianatra sasantsasany moa dia tonga mijery tsindraindray satria te-hahalala fotsiny ireo asa atao ao fa tsy miditra amin'inona na inona momba izany.

Na dia izany aza anefa, toa mba voahaja ihany ny andraikitra nifanarahan'ny roa tonta, izay voafaritra ao anatin'ny fifanarahana fiaraha-miasa. Ireo mpampianatra sy mpanentana dia miara-mitily ireo ankizy manana olana amin'ny fianarana ary mifampiresaka malalaka momban'ny vokatra azo.

**Olana eo amin'ny toerana raisina**:
Ny fahzoan'ireo mpanentana/mpanabe toerana tsara eo anivon'ireo EPP iasany, vokatry ny kalitaon'ny asa ataony, dia nitarika ireo mpampianatra hangataka fiaraha-miasa bebe kokoa amin'izy ireo. Indraindray anefa dia tojo fahasahiranana ihany izy ireo manoloana ny ambaratongam-pahefana entin'ny ati-doha roa samihafa: INTER-AIDE sy ny talen'ny EPP.

## 3.3 IREO VINAVINA HOENTI-MAMPAHARITRA NY ASA

**Asa andoavam-bola**
Manoloana ny tsy fahampian'ny mpampianatra, ireo sekoly tojo io olana io dia voatery maka mpampianatra "contractual" mba hanatanterahana ny fandaham-pianarana napetraky ny fanjakana. Amin'izao fotoana izao anefa aloha dia mbola tsy azo eritreretina ny hampidirana tanteraka io asa ataon'ny INTER-AIDE io any amin'ireo Sekoly Fanabeazana Fototra.

- Na izany aza anefa dia misy vahaolana ara-bola azo trandrahina ihany ireto:
- Azo atao ny fampandraisan'anjara ny ray aman-dreny. Ny tranga iray nahitana hosoka no mampiseho izany (fandovana vola izay nangatahin'ny mpanentana iray). Ny dinika nifanaovana tamin'ireo ray aman-dreny dia nanamarina ny fahafahana manao izany. Asa fanentanana mitodika amin'ny FRAM ihany koa no tokony hatao.
- Ny fahalinana nasehon'ny tao amin'ny CISCO momba io asa io dia ahafahana ihany koa mangataka ny fandraisan'anjara avy aminy.
- Ny FAF (komity misahana ny asa fanabeazana eny anivon'ny FOKONTANY) izay afaka ny ho tonga mpikatroka manana ny lanjany, ka manana toe-bola mifanaraka amin'izany (kajiana ho 2000 ariary isaky ny mpianatra ao amin'ny EPP izay nakany ohatra)

Ireo talen-tsekoly tafahaona taminay dia maniry ny handray anjara ihany koa amin'ireo lokan'adin'ny fampaharetana ny asa io.

**Lamina napetraka somary avo fikatsaka ihany**
Mifanakaiky kokoa amin'ny zava-misy sy ireo zavatra andrasan'ny tontolon'ny fanabeazana Malagasy io asa "soutien scolaire" io, kanefa atahorana ihany ny hijanona'ireo asa atao amin'izay "soutient scolaire" izay, ka hanaovana an-jorom-bala ireo efitrano fanentanana.
Noho izany ny fampitam-pahaiza-manao dia mitarika amin'ny fandraisana an-tanana sy fampiharana izany amin'ny asa atao, ka ilay mpanao ny asa mahaleo tena eo dia afaka ny hitondra ny asany amin'ny fomba hafa kokoa raha mitaha amin'ny efa nataony tany am-boalohany teny ivelany. Noho izany, dia ilaina ny manome fahaiza-manao teknika afaka mivoatra mankamin'ny fahafehezana ny lafiny pedagojia.

## 4. EKIPA FANABEAZANA SY OSIS

### 4.1 FAHAIZA-MANAON'IREO EKIPA "CADRES"

Ny ekipa amin'izao fotoana izao dia manana fahazakantena ny fandaharan'asan'ny INTER-AIDE. Ireto misy fahaiza-manao voamarikay:

- Teknika sy "pédagogiques" ahafahana manatanteraka sy mitarika ireo asa atao, fahafahana manome vokatra azo refesina amin'ny habetsahany
- Fahafehezana ny asa fanofanana (ingénierie de formation): famolavolana sy fanentanana ny lamina apetraka.
- Fahafehezana izay mahakasika ny fiaraha-miombon'antoka (ingénierie de partenariat): fambolena fifandraisana (contacts) sy famolavolana krazana fifanarahana miaraka amin'ny Fokontany, CISCO, EPP sy ny CUA.

Na izany aza anefa dia mbola mila ezaka izy ireo eo amin'ny lafiny fandaminan'asa sy famolavolana paik'ady, raha toa ka hitsinjo ny fampaharetana ny asa sy amin'ny fidirana anaty rafi-pitantanana.

Ny fandraisana "assistant de programme" dia voatondro ho amin'ny fidirana ho avy izao, ary mety hivoatra ho tonga amin'ny toeran'ny mpitondra. Ireo "cadres" ireo dia maniry ny handray anjara amin'io fandraisana mpiasa io. Izahay eto dia mandrisika azy ireo, satria ny fakana andraikitra toy izany dia mampiovoatra ny ekipa.
Ny ankabeazan'ireo fahaiza-manao sy ireo andraikitra ireo saiky mbola miangona eo anivon'ny tompon'andraikitry ny fandaharan'asa. Noho izany, dia ilaina ny fampitana azy ireny amin'ireo ekipa "cadres" na hakana olon-kafa mihitsy. Tokony ho efa manana fahafaha-mitantana fandaharan'asa ny OSIS vao miroso amin'ny fananganana rafitra Malagasy:

- Fahaiza-manao mahakasika ny ara-bola sy fandaharanasa
- Fahaiza-manao teknika (famolavolana tatitry ny asa) ary vinavina hoenti-mampandroso ny asa
- Fahaiza-manao amin'ny fanatanterahana ny asa mifandray amin'ireo lokan'adin'ny fampaharetana ny asa: fanohanana/tantsoroka omena ireo fikambanana (fitantanana, fikarakarana ny fiara-miombon'antoka)

Ankoatra izany, dia tokony hanana fahaiza-mamolavola paik'ady ihany koa, izay ampifandraisina amin'ny fampidirana ny OSIS anaty rafi-pitantanana.

### 4.2 ZOTRA-PIVOARAN'NY FAHAFAHA-MIZAKA TENA

Ny tsy fahombiazan'ny fandraisan'asa Malagasy dia nanamarika firy ny sain'ny maro, kanefa kosa ny eritreritra hanangana rafitra dia mitana ny sain'ireo mpiasa Malagasy.
Ireo "cadres" dia miara-miombon-kevitra amin'ny vinavina hanangana rafitra Malagasy, tafiditra amin'ny famahana ireo olana amin'ny fanabeazana ka itoviana amin'ny INTER-AIDE ny fanomezan-danja azy. Miombon-kevitra amin'izany koa ireo olona nanontanianay momba izany (ekipa INTER-AIDE "cadres") sy ireo mpanentana/mpanabe CPS)

Manoloana io fanamby io dia namoaka ny sasantsasany amin'ireo ahiahiny momban'ny fahazoana manatanteraka io zotra-pivoarana io. Kanefa manamafy ihany koa ny faniriany handray anjara amin'ny fandinihana ny momba izany.

Izahay dia manoro hevitra sy mandrisika tokoa ny fametrahana ara-dalàna ireo sehatra ahafaha-mandinika ny momba io lohahevitra io. Araka izay dia mbola ho lava io zotra-pivoarana io nefa koa dia ahafahana[25]:

- Mitondra fanazavana momba ny eritrerita te-hahazaka tena sy ny antonym mahatonga izany miaraka amin'ireo mpikatroka rehetra.
- Mamantatra ny traikefa efa misy sy mitily izay efa nahazoam-pahombiazana sy ireo mbolo lesoka
- Fifidianana izay endri-pivoarana tsara indrindra amin'ny rafi-pitantanana
- Manomana ny fivoarana ara-toe-karena sy ara-bolan'ilay rafitra vaovao tiana hatsangana.
- Fananganana ireo ho aoa anatin'io rafi-pitantanana io izay hitondra ny paik'ady poloitikan'ilay rafitra hajoro,
- Ao amin'izany rafitra hajoro izany no handraisana ireo fampitan'andraikitra ary hamaritana ihany koa ireo endri-pifandraisana vaovao miaraka amin'ny INTER-AIDE.

25 Dingana miainga amin'ny "fiches techniques" momba ny zotra-pivoaran'ny fahafaha-mizaka tena novolavolain'ny fikambanana ASI Paris, 2000.

**5. FOMBA FIASA ISAN-KARAZANY AMINNY FAMPIAN-JAVATRA**

- Nisy fiofanana narahina teny ivelany, natao mba ahafahana indrindra indrindra manamarina amin'ny fomba ofisialy ireo fahaizana azo: "école de service sociale", fanofanana mitety vohitra nokarakarain'ny ministera mpiahy, mba hoan'ireo CPS.

- Ny fisian'ireo fiofanana miompana amina lohahevitra dia efa nambaran'ny ekipa. Ohatra noraisinay tamin'izany: "Pédagogie différenciée, psychologie de l'Enfant, animation socio-culturelle…",

- Ireo talen'ny CPS kosa dia ireo fiofanana mifandray amin'ny lafiny fandamin'asa ao amin'ny rafitra misy azy no tena nomeny lanja: Fitantanana ireo hoenti-manatanteraka ara-olona (RH), fitantanana ny fandraharahana sy ara-bola,

- Ny asa ao anatin'ny fiaraha-miombon'antoka dia fitaovana ihany koa ahazoana fahaiza-manao vaovao amin'ny alalan'ireny fifanakalozana sy ny fampitahana ireo zavatra natao,

- Ireo « Stages de découverte » (teny anivon'ny « Ecole Française »), dia nisy fiantraikany lehibe tokoa, satria nahafahana nahita tontolo hafa amin'ny mahazatra.

- Ireo fihaonana mahazatra eny amin'ny toerana iasana , na amin'ireny atrik'asa ireny (1/2 andro isankerinandro ho an'ny fibeazana fototra, amin'ny fotoam-pialan-tsasatry ny mpianatra kosa, ho an'ireo mpanentana/mpanabe) no fotoam-pananararaotana hahazoana fahaiza-manao vaovao sy handinihana indray ireo zavatra natao.

- Ny fandraisam-pahalalana eny an-dalan'ny fotoana sy ny fanjohiana isan'andro ataon'ireo tompon'andraikitra,

- Ireo traikefa tany aloha (10 amin'ireo no efa « monitrices » tranainy, ary ny safidy tamin'ny toetra takin'ny toerana « spécialiste en pédagogie… », dia samy lafin-javatra miasa mba hampahomby ireo zotra-pivoaran'ny fampitan-javatra avokoa.

Ny zavatra ilaina izany dia ny fihazonana io fahasamihafan'ny fampitan-javatra io, ka tandremana tsara kosa mba tsy ho ao anatin'ny endri-pifandraisana mandeha ila ; ary ezahina koa izay hampivitrika ny fampiofanana, mba ahafahana mampihatra azy sy hoenti-manombana ny fahalalana azo.

## FAMINTINANA

1. NY DINGANA EFA TRATRA AMIN'NY MAHA-MATIHANINA SY NY FANDRAISAN'ANDRAIKITRA EO AMIN'IREO MPIKATROKA EO AN-TOERANA AMIN'ITY FANDAHARAN'ASA ITY

### 1.1 Ireo hery ananana

Ireo rafitra mpiara-miombon'antoka amin'ny INTER-AIDE dia miankina amin'ireo ekipa efa marin-toerana, ary efa 4 ka hatramin'ny 5 taona eo no niasany tao amin'ireo fandaharan'asa ireo. Izay fiorenana amin'ny asa atao izay no manamora ny fampitam-pahaiza-manao teknika.

Ny haavon'ny fiofanana fototra nataon'izy ireo koa dia tombony lehibe. Ireo « cadres » mantsy dia nahavita ny dingana faharoa teny amin'ny Anjerimanontolo farafahakeliny.

Ireo asa fikarohana natao teny amin'ny toerana iasana dia nampisongadina ny fisian'izay risi-pon'ny mpiasa izay ivelan'ny sata maha-mpikarama, ny anjara toerana raisin'izy ireo dia ahafahantarana ny fisian'ny finiavany manokana, izay mamaly rahateo ny hetahetany : fivelaran'ny maha-izy azy, finiavana hijoro amin'ny maha olom-pirenena.

### 1.2 Ireo vokatra nentin'izany

Ireo rafitra rehetra dia samy mihetsika sy mampiseho ny ezaka ataony hoenti-manatratra ireo zava-kendrena voatondron'ny fandaharan'asa. Amin'ny ankapobeny dia nahitam-pahombiazana izany. Ny fanomezana laharam-panatanteraka ny asa.
Io fanomezana lanja ny lafiny teknika io dia voamarin'ireo olona tafaresaka taminay izay isan'ireo mpiara-miombon'antoka, na teknika izany na anaty rafi-pitantanana.

### 1.3 Fahaiza-manao sy andraikitra efa tazonina

Amin'ny ankapobeny dia afaka milaza izahay fa efa manana ny fahafaha-manatanteraka ny asa avokoa ireo mpiara-miombon'antoka mivantana sy eny anivon'ny fiaraha-monina : KOLOAINA, C-E-FOR, OSIS, Komitim-paritra, Akany Fibeazana Fototra.
Ireo fahaiza-manao amin'ny fandraharahana sy amin'ny fitantanana ny hoenti-manatanteraka ny asa ara-olona dia efa misy. Na izany aza anefa, ireo lafiny ara-bola sy ireo fomba enti-miserasera dia mbola ilaina hamafisina mba hahafeno ny toetra mpandamin-draharaha tokony hananan'ireo rafitra ireo.
Eto amin'ny sahan'ny paik'ady indray, ny fametrahana ireo fiaraha-miombon'antoka teknika dia maka endrika fiaretana fotsiny ihany eo amin'ireo fikambanana mpiara-miombon'antoka. Izao anefa, ireo lafin-javatra ahafahana mampandroso (fikarohana, fakafakana ireo vaovao samihafa, ireo famoronan-java-baovao) dia saiky avy amin'ireo mpanolotsaina teknika napetraky ny INTER-AIDE ny ankabeazany. Noho izany, io zotra-pivoaran'ny fampitan-javatra io, tany am-boalohany dia manome vahana ny lafiny fanatanterahana asa (fitaovana iasana, fomba hitondra ny asa). Ireo mpanatanteraka ny asa anefa dia tsy mbola manana paik'ady loatra. Ireo mpanatanteraka ny asa anefa dia tsy mbola manana pika'ady loatra. Io fahalemena io dia miharihary koa any amin'ireo fikambanana izay tsy manana ambartonga politika mavitrika izay tokony hanome hevitra momba izany.
Ilaina tokoa izany ny hanohizana io zotra-pivoaran'ny fampitam-pahalalana io mba hameno ny sasantsasany amin'ny sahan'ny fandamin'asa ary ireo paik'ady :

| | Fahaiza-manao ilaina hamafisana | | |
|---|---|---|---|
| | **Fanatanterahan'asa** | **Fandaminan'asa** | **Paik'ady** |
| **KOLOAINA** | Famakafakana sy fanamboarana ny asa atao hifanaraka amin'ny za-misy/ilaina<br>Fanohanana ireo mpikatroka eny anivon'ny fiaraha-monina | Fanajana ireo fombafomba arahina amin'ny resa-bola sy resaka fandraharahana<br>Famokarana ireo lafin-javatra maenho ny toetoetry ny sora-bola<br>Fandaminana ny asa atao sy ny toerana raisin'ny mpiasa tsirairay | Paik'ady hitadiavana famatsiam-bola<br>Serasera anatiny sy ivelany |
| **C-E-FOR** | Fanatsarana ny ara-teknika ny fampisamboranam-bola madinika<br>Fampivelarana ny « bureau de placement » | Fanaovana tomban'ezaky ny mpiasa tsirairay<br>Fanomezana tatitra sy famafakana ny lafiny ara-bola<br>Fomba fiasa enti-manao tomban'ezaka | Paik'ady hitadiavana famatsiam-bola<br>Fikarohana ireo lafin-javatra afaka mampandroso<br>Serasera sy fisintonana lesona tamin'ny traikefa ka azo avadika hamoronan-java-baovao |
| **OSIS** | Fanavaozana mahakasika ny lafiny « pédagogiques » | Famakafakana ny resa-bola « organe structurel » : komitin'ny ray aman-dreny | Paik'ady hitadiavana famatsiam-bola<br>Fampidirana anaty tamba-jotra |

| ANDRAIKITRA | MPANATANTERAKA | AMPITAINA |
|---|---|---|
| **Fanatanterahana asa** | KOLOAINA<br>C-E-FOR<br>CPS | Komitim-paritra<br>Fokontany<br>Agence de prêt<br>« Bureau de placement »<br>ekipa OSIS mikasa ny hanana fitondrana malagasy |
| **Fandaminan'asa**<br>Ara-bola sy fandraharahana<br><br>Fitantanana ny hoenti-manatanteraka ny asa ara-olona | C-E-FOR<br>KOLOAINA<br><br>C-E-FOR | KOLOAINA<br><br><br>KOLOAINA<br>EPP |
| **Paik'ady**<br>Fametrahana fiaraha-miombon'antoka<br><br><br>Serasera<br><br><br>Fanapahan-kevitra : lalan-kizoran'ny asa | <br>C-E-FOR<br>KOLOAINA<br><br>C-E-FOR<br><br><br> | <br>CPS<br>EPP<br><br>KOLOAINA<br>OSIS<br><br>Ambaratonga politikan'ireo Fikambanana |

2. FOMBA SY FEPETRA ILAINA AMIN'NY FAMPITAN-JAVATRA

INTER-AIDE dia efa miroso amin'io fampitam-pahalalana io mba hampijoroana ny Fikambanana eto an-toerana. Misy anefa ny toe-javatra mifanohitra amin'ny fifarahana fiaraha-miasa tamin'ny 2001, satria ireo mpitondra malagasy ireo dia notendren'ny INTER-AIDE fa tsy mba avy amin'ny komity mpitantana ireo fikambanana akory (jereo §3). Ny ankabeazan'ireo ekipa koa dia avy amin'ny fandaharan'asa niaingan'ny INTER-AIDE. Noho izany io fifankafahantarana eo amin'ny samy mpikatroka io sy ireo fomba fiasa nentin'ny « ONG-niteraka » dia nanamora ny fampitana fahaiza-manao amin'ny fanatontosana ny asa.
Ireo fomba fiasa nentina nampita dia isan-karazany ary azo avondrona amin'ny lafion-javatra dimy :

- Fametahana mpanampy ara-teknika (assistance technique) miasa eo anivon'ireo rafitra ireo,
- Fanentanana ireo fanofanana ara-teknika sy ara-lohahevitra
- Fikarakarana ireo « stage d'immersion et de découverte »
- « Apprentissage empirique »
- Tantontsoroka sy fanjohiana

Na izany aza anefa, raha toa ireo fampitaham-pahalalana ireo ka nahafahana nahazo fahaiza-manao teknika sy fandaminan'asa, ireo fomba nampitana azy kosa dia matetika nandeha ila, ka nametra ny fahafaha-mihetsik'ireo mpiara-miombon'antoka (jereo fizarana E §2)

3. FAHARETAN'NY ASA ATAO & FAHAFAHA-MIZAKA TENAN'IREO MPIKATROKA AMIN'NY FANDAHARAN'ASA

Ireo ekipa dia sahiran-tsaina tokoa amin'ny fomba fampaharetana ny asa atao sy ny amin'ny hoavin'ny fikambanana misy azy, rehefa hisintaka ny INTER-AIDE.
Ny toe-java-misy manodidina, ireo laharam-pahamehana ho an'ny Firenena manontolo sy ireo fahaiza-manaon'ireo mpikatroka samihafa dia ahafahana mieritreritra am-pilaminana ny fampaharetana ireo tetik'asa. Izany dia mitarika, dieny ety am-piandohana ireo rafitra isanisany, hisinton-desona tamin'ny traikefa hoenti-mamoron-java-baovao sy hoenti-manaparitaka ny fahaiza-manaony.
Raha toa ka ilay zotra-pivoaran'ny fampitam-pahalalana izay narahina dia ahafahana mihevitra sahady ny fampaharetana ny asa atao, ny fahafaha-mizaka tena kosa dia mbola any an-karanany. Noho izany, ny tsy fisian'ny komity mpitantanana mavitrika dia manery ihany ny INTER-AIDE hanampy ao amin'io sahan'asa politika io (jereo toko E §3)

## D/ « La Passerelle »

Ity iraka hanao tomban'ezaka ity dia natao ihany koa hisarihana manokana ny saina momban'ny lamina napetraka antsoina hoe : Passerelle (fampifandraisana), mba handrefesana ireo vokatra azo sy ireo fampivondronan-kery noforonina.
Moa ve ity « passerelle » najoro ity dia nitondra toko tamin'ny vokatra andrasana, ary ahoana ny fahitan'ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny fandaharan'asa (KOLOAINA sy C-E-FOR) azy ?

Tamin'ny volana aprily 2002 no nametrahana azy io, ary ny toe-draharaha politika tamin'io taona io ihany dia nametra io asa fampifandraisana io. Noho izany, raha natambatra ireo singan-javatra nenti-nanao ny famakafakana nandritra ireo dinika nifanaovana, dia maharakotra vanim-potoana 18 volana eo.

### 1. LOHARANO NIPOIRAN'ITY NAPETRAKA ITY

Ny fipoiran'io lamina napetraka « La Passerelle » io dia niainga tamin'ny lafin-javatra maro :

- Niankina tamin'ny zotom-pon'ireo tompon'andraikitra ao amin'ny INTER-AIDE ny :
    - Namoronana fampivondronan-kery eo amin'ireo sampana fanabeazana, sosialy ary toe-karena,
    - Nambolena fifandraisana eo samy sampan'asa iray rafitra iasana,
    - Miantoka ny fifanarahan'ny zavatra atao, izay manome lanja ny asa mahakasika lafin-javatra maro,
    - Fampitomboana ny « référencements [26] »-n'ireo fianakaviana any amin'ireo rafitra (KOLOAINA, C-E-FOR, OSIS, Programme Petite Enfance) arakaraka ny filana voatilin'ireo ekipa miasa eto an-toerana

- Araka ny toro-hevitra nomen'ny Firaisambe Eropeana nampitainy tamin'ny « monitoring », izay mifanandrify ihany koa amin'ny zava-manahirana ny INTER-AIDE ; « [27]Ireo tomban'ezaka notarihin'ny Firaisambe Eropeana tamin'ny 2001 sy 2002, dia nanindry tsara ny tokony hanomezan-danja ny fandrindran 'asa sy ireo fifanakalozan-kevitra eo amin'ireo rehetra miasa ao anatin'ny fandaharan'asa »

### 2. IREO SAFIDY NATAO TANY AM-PIANDOHANA

Io lamina napetraka io dia nipoitra avy amin'ireo Mpanolontsaina teknika tamin'ny 2002.

- Fandraisana "coordinateur/médiateur" (mpandrindra/mpampifandray), izay karamain'ny INTER-AIDE, tamin'ny 2002,
- Andraikitra mifandimbindimby : Io « coordinateur » io dia teo ambany fiadiadin'ireo rafitra voakasiky ny telo volana voalohany 2004 dia niankina tamin'ny KOLOAINA izy, ary telo volana faharoa kosa dia tao amin'ny C-E-FOR,
- Laharam-pahamehana miompana amin'ny lafiny sosialy sy toe-karena : tany am-boalohany dia nahakasika fotsiny ny asa ataon'ny C-E-FOR sy KOLOAINA (faritra 4 no voakasika) io lamina napetraka io noho ny fahatsapana fa ireo fianakaviana itodihan'ny tetik'asa isaky ny rafitra dia mety ho liana kokoa amin'ireo fanohanana ara-toe-karena na ara-tsosialy.
  Amin'ny tapany faharoa, io traikefa io dia nivelatra tamin'ireo sampana asa rehetra tohananan'ny INTER-AIDE (faritra 6) ka nokendrena ho toy ny tetezana mampifandray lafy efatra.
  Io fanitarana ara-lohahevitra sy ara-toerana io dia nifanandrify koa tamin'ny fahatongavan'ny mpanolotsaina teknika vaovao ao amin'ny KOLOAINA izay manana traikefa amin'izany tany philippines.
- Fananganana komity mpitarika « comité de pilotage » ahitana ireo tompon'andraikitra amin'ny rafitra isanisany sy ireo mpikarama ao amin'ny INTER-AIDE, izay tokony hifamory isaky ny telo volana.
- Famolavolana fitaovana fampahalalam-baovao : tapakila ifampitan-kafatra (coupons de référencement), takelaka milazalaza ny toe-java-misy isam-pianakaviana (fiche familiale), « base de données », gazety iray…

[26]Sampan-draharaha atoro ireo fianakaviana mba ahafahana mandefa azy ireo any amin'ireo rafitra hafa afaka manome vahaolana
[27]jereo « Tdr » INTER-AIDE.

- Fikarakarana fivoriana eo amin'ny samy iray sampan'asa isaky ny faritra atao isam-bolana ary karakaraina sy entanin'ny coordinateur hatramin'ny taona 2004
- Ny za-kendrena voalohany sy lehibe amin'io lamina napetraka io dia ny hanoro lalana ireo olona hankany amin'ireo sampan-draharaha tohanan'ny INTER-AIDE, ka hanomezan-danja ireo « référencements mutuels » (fanoroan-dalana ifampitana) eo amin'ny samy sampan'asa,
- Anjara asa mampifandray sy mampisy serasera ao asahanin'ny « coordinateur » ; izy io dia tokony hiantoka ny serasera sy hanamora ny fikorianan'ny vaovao eo amin'ny sampan'asa isaky ny faritra. Anjarany koa ny miandraikitra ny fanjohiana sy famakafakana ireo « référencements », fanentanana ireo fivoriana ny amin'ny faritra ary koa famahana olana mitranga any amin'ireo tantsoroka fianakaviana.

### 3. NY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA AO AMIN'NY PASSERELLE

Nanomboka ny telo volana faharoa 2002 dia nampivelatra ireto lafin-javatra manaraka ireto ny « passerelle » :

#### 3.1 FOMBA FANOVOZAN-KEVITRA IAINGANA « SYSTEME DE REFERENCE »

- Famolavolana takelaka milazalaza ny toe-java-misy isam-pianakaviana iombonan'ireo sampana 4 izay samy mampiasa izany avokoa, ka nanetsika tokoa ny « comité de pilotage »
  Amin'izao fotoana izao dia somary sahirana ihany ireo ekipa amin'ny fampiasana ilay takelaka mahakasika zavatra maro loha. Noho izany, ireo rafitra isanisany dia tokony handray sy hampiditra masontsivana vaovao ao anatin'ny fomba hitondrany ny asany.
  Ireo ekipan'ny KOLOAINA dia nitaraina amin'ny fitomboan'ny asa ataony satria voatery mameno takelaka roa samihafa (ny iray dia mifandray amin'ny asa ataony hatramin'izay « AF » ary ny faharoa dia mamaly ireo zavatra takin'ny « passerelle ». Mila fotoana ny fizarana amin'izany ary raha ny fampitambarana no kendrena tamin'io fitaovana io dia mandrisika ny fanafainganana ny fampirindrana io tahirin-kevitra fanangonana vaovao io izahay.
- Efa eo an-dalam-pamitana izao ny fitrandrahana ireny vangovangon-kevitra voaangona ireny amin'ny fampiasana solosaina. Ilay « système de référence centralisé » dia mbola tsy ahafahana manaparitaka ireo vokatra azo izay mbola tsy feno. Vokatr'izany, ireo ekipa dia manana fomba fijery manasaratsaraka ireny asa ireny, ary mahatsiaro sahirana amin'ny fampiharana ity « approche globale pluridisciplinaire » ity. Ho toy inona ny fomba hifampiseraserana sy hifampitam-baovao hatrany amin'ireo ekipa miasa an-tsehatra rehefa vitan'ny C-E-FOR ny « saisie » rehetra ?

#### 3.2 FANJOHIANA IREO FANOROAN-DALANA

- Ireo « réféncements » dia nangonina ao amin'ny « coordinateur ». Ny fanangona-bokatra sy antontan'isa tafiditra any anatin'ireo tatitra isan-karazany momban'ny asa isam-bolana na isan-telo volana ampitaina, dia mampiseho fa misy « référencements » miisa 669 tao anatin'ny 27 volana.
- Marihina fa ireo fanoroan-dalana nifampitana ireo dia mety ho avo roa heny isan-telo volana. 50% no nampitain'ny KOLOAINA ho any amin'ny C-E-FOR. Manodidina ny 25 ny isan'ireo fianakaviana voatoro lalana isam-bolana.
  Izahay dia nanipika fa mitombina ireo fanoroan-dalana ireo satria 61%-n'ireo olona nahita vahaolana tamin'izay nanahirana azy, tany amin'ny rafitra nandefasana azy.
  Lafiny inona ary no mety nahatonga io tsy fahampian'ny fahombiazana amin'ny vokatra azo io ? Moa ve niankina tamin'ny fahasarotan'ny fitiliana sy ny fanoroan-dalana tany amin'ireo rafitra (tsy fahatakarana tsara ny toe-java-misy niteraka ny olana) na azo heverina ve fa ireo toe-javatra tsikaritra dia tsy nilana asa mahafaobe akory ? Sa tokony samy homen-danja ireo fiheverana roa ireo ?
  Ny famakafakana araka izay tratra ireo mpahazo tombotsoa/mpiara-miombon'antoka amin'izao fotoana izao isaky ny rafitra no ahafahana mikajy, hatao fampitahana iaingana ny « taux de prévalence » (ohatra :%n'ny isan'ny tranga/vokatra azo ohatra) amin'ny isan'ny mponina mba ahafahana manome fanohanana mahakasika lafin-javatra maro.

#### 3.3 FIHAONANA EO AMIN'NY SAMPAN'ASA SAMY HAFA (INTER-SECTEURS)

- Ireo fivoriana isam-bolana isaky ny faritra, ary noentanin'ny « coordinateur » dia mbola natao hatramin'ity taona 2004. Nofoanana anefa izany rehefa notsarain'ny komity mpitarika ho tsy nahomby. Ankehitriny, ny fampitàna ny vaovao sy ny fikarohana vahaolana tsara kokoa dia sahanin'ny « coordinateur » irery rehefa manao fitsidihana eny amin'ny faritra iasana izy.
  Mizarazara ny hevitry ny ekipa momba io fanapahan-kevitra noraisina io; ny sasany mangataka ireny fivoriana ireny, satria mihevitra fa ilaina ny hanokanana fotoana hihaonana eo amin'ny sampan'asa samy hafa ; ny hafa kosa dia niarahaba tena amin'ny fanafoanana ny fivoriana isam-bolana, satria mihevitra fa tsy misy vokany sy tsy mitombina (lava loatra ary tsy ampy famakafakana) noho ny fahakelezan'ny fandraisan'andraikitr'ireo mpandray anjara amin'ny fivoriana. Ny rehetra anefa dia samy mahatsapa fa rehefa kely ny fihaonana dia mandeha ho azy ny fanaovana fanjohiana sy fanoron-dalana. Izany dia manaporofo ny tsy fisian'ny finiavana hanohy ny fihaonana noho ny

fahabetsahan'ny asa atao ary eo rahateo ny laharam-pahamehana omena ireo zava-kendren'ny fanatanterahana ny asa atao ary eo rahateo ny laharam-pahamehana omena ireo zava-kendren'ny fanatanterahana ny asany manokana avy.

3.4 FANOMEZAN-DANJA NY FITAOVANA FAMPAHALALAM-BAOVAO

- Ny famoahana (seho 4) ny gazety « Ny gazetintsika" dia samy ankasitrahan'ny ekipa rehetra. Izy ireo ihany no manaparitaka izany fitaovan-tserasera izany any amin'ny besinimaro. Misy ny famakiana sy fanolorana izany, izay mandeha ho azy rehefa tsy mahay mamaky teny ny olona eo anatrehana. Ny zavatra avoaka ao anatiny dia ifarimbonan'ny ekipa sampan'asa.

Famoaboasan-kevitra:
Ny ankamaroan'ny asa noheverina hatao dia vita avokoa. Ny fahafantarana fa mbola an-dalam-pitrandrahana ireo vaovao voaangona ry zareo, dia tsapanay tokoa fa zavatra maro loha sy manahirana ny fampiasana ity lamina apetraka "passerelle" ity. Amin'izao fotoana izao dia toa maivana ihany aloha ny fahitana ny firindran'ny asa atao, satria miankina indrindra amin'ny "coordinateur"-ny "la passerelle" izany.

4. FITSANGANAN4NY FAMPIVONDRONAN-KERY

4.1 FANOFANANA MANOME VAHANA NY "ECHANGES CROISES"

Misy ny fiofanana eo amin'ny samy sampan'asa. Ohatra amin'izany ny fomba fanatonana mifototra amin'ny fahalalana ny "psychologienn'ireo fianakaviana sahirana, izay voalaza matetika. Ivelan'ny "passerelle" dia nisy koa ny fampiharana ilay fiofanana momban'ny "cadre logique" nomen'ny FORMAFED, izay raisin'ny rehetra ho toy ny asa mampifandray ny sampan'asa tsirairay ary ahafahan'izy ireo mahatakatra kokoa ny zava-kendrena sy ny lojika arahin'ny rafitra isanisany eo amin'izay zavatra ataony.

4.2 FIFANKAFAHANTARANA BEBE KOKOA SY FIFANOMEZAN-KASINA

Ny fanoloran'ny rafitra tsirairay ny fomba fiasany, sy ny masontsivana entiny manivana dia nankasitrahan'ny ekipa rehetra. Ireny fihaonana ireny no nahafahan'izy ireo nahafantatra kokoa ny asa misy eto an-toerana, ary nahafahana nifankahalala tamin'ireo olona miasa, izay iray faritra iasana, ary koa ny anjara asany avy ao amin'ny rafitra isanisany.
Ireny "échanges croisés" ireny dia nitarika tamin'ny fanomezana hasina ny asa ataon'ny tsirairay ary nampiditra koa ny maha-zava-dehibe ny sampan'asa tsirairay avy ao anatin'ny zava-kendrena iombonana amin'ny ady amin'ny fahantrana.
Ny fiandohan'ireo "kolotsain'ny rafitra isanisany" dia nihanalefaka, satria nomena vahana kokoa ny fahafahana mahatsapa izay iainan'ny hafa amin'ny maha-fanampiana sosialy ny zavatra atao.
Nisy koa ny politika arahina amin'ny fandraisana mpiasa, izay mijery kokoa ny toetoetra amin'ny lafiny sosialy, araka izay efa natomboky ny C-E-FOR. Niainga avy amin'ny fahatsapana fa manamora kokoa ny mahazo fahaiza-manao teknika sy ekonomika noho ny fahafahana mampiasa fomba fanatonana sosialy, dia noezahina mba ho olona avy ao amin'io saha sosialy io ireo "chefs d'agence" roa raisina farany. Ireo dinika nifanaovana dia nanamafy taminay io fahasarotana io rehefa manao tantsoroka ho an'ireo mpiara-miombon'antoka aminy.

4.3 FISIAN'NY FIFANOHANAN'NY SAMY SAMPAN'ASA

Ny fifanoloran'ireo sampan'asa ny zavatra momba azy avy, dia nitarika tamin'ny faifanohanan'ireo fahalalana ananany, avy amin'ny alalan'ny famokarana ary fanelezana ilay "livret de references". Ny fampifanarahana amin'ny toe-java-misy ankehitriny io fisintonana lesona avy amin'ny traikefa entina mamokatra zava-baovao io dia natao. Ireo fitsidihana vitsivitsy teny amin'ny toerana niasana, dia tsy nahafahanay nanamarina ny fampiasan'ireo mpanentana/mpanorohevitra, FOKONTANY na komitim-paritra io "Livret de references" io.

Ny fampiasana ireo "fiches familles" dia nanamafy ny fahafahan'ny ekipa manao famakafakana ary nanokatra ihany koa ny sainy amin'ireo karazana sahan'asa iasan'ny INTER-AIDE.

5 NY FOMBA FAHITANA ILAY LAMINA NAPETRAKA

5.1 FANDRAISANA ANDRAIKITRA TANTERAKA

Tao anatin'ny 18 volana, ireo ekipa amin'ny sampan'asa rehetra (OSIS, KOLOAINA, C-E-FOR) dia niditra an-tsehatra daholo tamin'ny fametrahana io lamina io.

- Fandraisana anjara amin'ny fanoratana ilay "Gazetintsika" isan-telo volana,
- Fandraisana anjara amin'ny fivoriana isan-kerinandro, miaraka amin'ny "coordinateur" ka anaovana ihany koa ny "bilan des réfèrentielles", sy handinihina ireo toe-java-misy any amin'ny mpahazo tombotsoa amin'ny asa izay nanana olana, ka efa niadian-kevitra sy novahana,
- Fanatanterahana ireo fitsidihana an-tokantrano iarahana amin'ny "coordinateur".

## 5.2 LAMINA NAPETRAKA IZAY TSAPA FA MITOMBINA

Nandritra ny fotoana nanaovana ny fanadihadihana dia tsapa ny mampitombina ny asa ifandimbiasan'ny sampan'asa samihafa. Ireo ekipa dia manaiky ny liana ny fampirindrana ireo asa atao isaky ny sampan'asa tsirairay, mitodika amin'ny zava-kendrena iombonana: ny fanatsarana ny fari-piainan'ireo fianakaviana tena sahirana. Araka izany, ireo soatoavina iombonana no manamboatra ireo fototra iorenan'ny "passerelle".

Kanefa, raha misy aza ilay fiombonan-kevitra, ny fampiharana kosa dia mbola marefo. Tsikaritra fa mbola kely dia kely ny fifampikasohana eo amin'ireo ekipa samy miasa amin'ny faritra iray ireo fivoriana eo amin'ny samy sampan'asa tsirairay koa, na any anaty rafitra any, dia tsy misy raha tsy avy amin'ny tolo-kevitra omen'ny "coordinateur"

Ny toe-javatra misy, izay ny "coordinateur" no mitazona ny toeran'ny mpmpita vaovao sy mpanelanelana eo amin'ny samy rafitra, dia miteraka vokatra mifanohitra amin'izay tena andrasana: misy fironana amin'ny fialana andraikitra.
Vokany, feran'ny mpanentana ny asany amin'ny fanomezana fotsiny ilay tapakila fanoroan-dalana ifampitan'ny samy rafitra isanisany. Koa dia lasa anjaran'ny "coordinateur"-n'ny "passerelle" indray ny fanaovana fanjohiana ilay fianakaviana notoroana lalana iny, satria ny ekipa mpanatanteraka ny asa an-tsehatra, matetika dia tsy misahirana intsony momba izay fivoaran'ny toe-java-misy eo amin'ilay olona nahazo torolalana.

**Kanefa, tena mavesatra…**
Ampahan-javatra eo amin'ny fanatanterahana ireo drafitr'asa fotsiny ny "référencements" ka lasa ambinambin-javatra ihany any amin'ireo sampan'asa isanisany. Koa satria tsy tsapa loatra ny tombotsoa mivantana entin'io fanaovana "référencements" io, dia nanjary nosokajiana ho toy ny asa ambony ampanga fotsiny izy io. Ny fahasahiranana eo amin'ny fampiasana ireo "fiches familiales" dia volaza kokoa, satria raisina ho toy ny fanerena fotsiny.

## 5.3 IREO TOLO-KEVITRA NAROSO

Rehefa nifanehitra tamin'ireo olana ireo ny ekipa, dia maniry ny hampivoarana io lamina io; ny sasany dia hihazona hatrany ireo fihaonana eo amin'ny samy sampan'asa, araka ny fandrisihana avy aty ivelany, ka mitsinjo ny kalitaon'ny asa fanentanana sy ny safidy hatao amin'ny mpandray anjara. Ny hafa kosa dia mandroso hevitra mba hametrahana "teteza-mita madinika" ifandraisan'ireo iray rafitra iasana izay iandraiketan'ireo ekipa miasa an-tsehatra.
Na toy inona endrika hitondrana io fomba fanatonana ifandrimbonan'ny sampan'asa isan-karazany io, dia miara-mahatsapa ny rehetra fa ilaina ny hanamafisana ny teknika fanaovana fanadihadihana.

## 5.4 FISIAN'NY FANGATAHANA AVY ATY IVELANY

Io traikefa io dia mihoatra ny sahan'asan'ireo sampan'asa tohanan'ny INTER-AIDE. Ny "projet habitat" ataon'ny Ong Enda, dia mampiasa io fitaovana "coupon de référencement" io ihany koa, ary mangataka ny C-E-FOR, KOLOAINA sy Eveil hiara-miasa amin'io fomba hitondrana ny fitiliana sy fanoroan-dalana io.
Na dia efa misy azan y fifanarahana fiaraha-miasa, izay fisokafana izay kosa dia mbola natao an-jorom-bala ihany, satria tsy mbola manna-danja loatra eo anivon'ny Passerelle. Misy koa ny rafitra sasany, toy ny ATD quart monde na MSF, dia samy maniry ny hisian'ny fiaraha-miasa. Ankoatr'izay, io fitadiavana fomba fampirindrana ny asa io dia laharam-pahamehana nambaran'ny CUA sy ireo "chefs de quartiers".

Famoaboasan-kevitra:
Tsy azo lavina ny mampitombina io fomba fanatonana io, ka misongadina eon y lafitsara ahitana ny Passerelle. Ireo ekipa dia manome lanja ny "échanges croisés", na dia mbola maivana ihany aza amain'izao fotoana izao ireo endrika ahitana ny fampivondronan-kery eo amin'ny samy sampan'asa, raha jerena amin'ny isan'ireo "référencements".
Tsikaritray koa ny fisian'ny toetra roa mifanohitra ihany ao amin'ireo ekipa: liana kanefa maivana ny hetsika atao. Izay fitandremana loatra izay anefa dia mampiseho ny fahasahiranana hampihatra ny fomba fitondra asa mahafaobe sy amin'ny fampiasana ireo fitaovana enti-miasa nampitaina taminy. Ireo voaloham-bokatra azo anefa dia manaporofo fa manana hery azo trandrahina io fomba fanatonana io. Ny fahazoana kolontaina itambaran'ny fahalalana maro karazana sady mifanaraka amin'ny zava-misy eo an-toerana anefa dia mitaky fisokafana hatrany (mifamatotra amin'ny fahafahana mijery lavitra).

## 6-IREO LAFIN-JAVATRA AFAKA MAMPANDROSO

### 6.1 TOERANA IPETRAHANA SY FANDAMINAN'ASA AO AMIN'NY PASSERELLE

- Tsy marin-toerana ny « coordinateur » satria mifandimby mibako azy ireo rafitra isanisany, hany ka miteraka fifandonan'ireo paik'ady ampiasaina : Andaniny, ny « coordinateur » dia miaiky ny fahasahiranany amin'ny fizàrany amin'ireo fomba fitondran-draharaha samy hafa, ary ny ankilany, ny komity mpitarika dia manindry fa miseho ho mahavita tena loatra sy manisy elanelana amin'izy ireo io « coordinateur » io, ka manjary misalasala izy ireo amin'ny fahafahany mitondra zava-baovao, izay tarafiny avy amin'ny tsy fahampian'ny fahavononany rahateo.
  Io komity mpitarika io dia efa niomana ny handray fepetra fanitsiana, amin'ny fiatombohan'ny enimbolana faharoa. Raha toa ka eken'ny rehetra ny fakana olona ivelany mba hanomboka io asa mampifanday sampan'asa maro karazana io, dia rariny kosa raha hiverenana hanontaniana izay heviny momba izany izy rehefa mifarana ny dingana voalohany.
- Ny fahakelezan'ny zavatra azo tamin'ny « référencement » dia ahatarafana ny fahafahan'ireo ekipa mifehy izany amin'ny ankapobeny. Azo heverina ohatra, fa ialy olona nampifandray ihany no lasa tompon'andraikitra amin'ny fanjohiana sy ny fitrandrahana ireo vokatra rehetra azo tamin'izay torolalana nomeny izay. Mitaky fandraisan'andraikitra tanteraka izany, ary ireny fihaonana eo amin'ny samy mpiasa sosialy iray faritra iasana ireny, dia hampidirina ao anatin'ny fomba fitondrana ny tantsoroka hatao.
- Raha toa ka horaisina ilay hevitra « micro-passerelle », izany hoe : hevitra miainga avy amin'ny faritra, dia azo ampidirana ho mpiara-miasa koa ireo mpikatroka any anaty fikambanana na anaty rafi-pitantanana, ary apetraka ao amin'ny Fokontany foibe hifampitàna ny torolalana.
- Ny fanjohiana irenyfifanoroan-dalana ireny dia mety hampidirana ihany koa ireo masontsivana handrefesana kalitao, toy ny kalitao eo amin'ny fandraisan'olona any amin'ireo faritra isanisany sy ny kalitaon'ny tantsoroka.
  Ny fanadihadihana momba ny fahafaham-po dia azo ampanaovina ireo sampan'asa rehetra miasa ao amin'ny faritra. Eo amin'io sehatra io ihany dia tsy anananay ny vaovao mifandray amin'ny asa fandalinana momba ny fiantraikany iombonana tamin'ny asa natao, izay voatondro hiarahana tamin'ny « Département de sociologie de l'Université d'Antananarivo ».
  Na dia izany aza anefa, ilay asa fandalinana ny fiatraikan'ny asa nataon'ny C-E-FOR dia tokony hotafiditra anatin'ireo asa ataon'ny Passerelle, ary tokony ho nampidirina ihany koa ireo sampan'asa samihafa, nanomboka tamin'ny fisaintsainana ilay hevitra ka hatramin'ny famakafakana.
  Izahay dia mandrisika io asa fandalinana iarahan'ny sampan'asa isan-karazany io, na ho iza na ho iza rafitra hitondra azy.

### 6.2 FAMPITOMBOANA IREO « ECHANGES CROISES »

- Ny zava-katsahin'ny « Passerelle » dia mihoatra ny fametrahana io « systéme de référence » io. Ny fikarakarana ireo fiofanana iombonana sy ny asa fanentanana atrik'asa miompana amin'ny lohahevitra mahafoaka zavatra maro loha, dia manome vahana ny « échanges croisés », sady mitarika koa amin'ny fampivondronan-kery.
- Ohatra, ny fampaharetana ireo asa natao sy ny fahafaha-mizaka tenan'ireo rafitra dia mitondra hevitra hodinihina maro, izay afaka mampivondrona : antom-pisian'ny mpiasa amin'ny fampandrosoana, fandinihana momba ireo zotra-pivoarana amin'ny fametrahana ireo rafitra anaty rafi-pitantanana, fanombanana ireo politika nasionaly sy ny « décentralisation ». Tokony hisokatra amina karazana olona maro, toy ny solontenan'ireo rafitra, ary koa miaraka amin'ireo ekipa mpanatanteraka sy mpanapa-kevitra (cadres) ny fandinihana izany rehetra izany.
- Ny tena tiana hotsindrina dia ny fandrisihana ireo fihaonana sy hitrandrahana izay fifamenoan'ireo rafitra : inona no azon'ny sampana « petite enfance » entina amin'ny asa ataon'ny KOLOAINA sy OSIS, ahoana no hahazoana « tsena » afaka hanintona ireo mpandraharaha tohanan'ny C-E-FOR sady manaja ny lalàna misy.

Miara-dalàna amin'izay, ireo fampivondronan-kery andrasana dia mety hiainga avy any ivelan'ny sahan'asa fanatanterahana, amin'ny alalan'ny fanomezan-danja ireo fahaiza-manaon'ny mpiasa, na amin'ny fampivelarana ny asa iombonana (fisaintsainana ny hevitra iaingana, fanatanterahana ireo asa mifandray amin'ny fanamarinan-javatra/fotoana)

### 6.3 FAMPAHAFANTARANA (AN-GAZETY, HAINO AMAN-JERY) IO FOMBA HITONDRANA NY ASA IO

- Ireo fahombiazana volohany azon'io lamina napetraka io dia noho izy nahafahana naminavina ny fampahafantarana amin'ny gazety sy haino aman-jery ny zavatra hatao, sy ny fisintonan-desona tamin'ny traikefa hoenti-mamokatra zava-baovao. Tokony handeha ho azy ny fanaparitahana "ny gazetintsika" any amin'ireo faritra hafa miasa ho amin'ny fampandrosoana sy any amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-bola sy ara-drafi-pitantanana, amin'ny alalan'ny toro-hevitra hanao "Editorial externe" (paik'ady amin'ny serasera).

Ny votoatin'ny "livret de references" dia mendrika ny hampidirina anatine lamina apetraka hafa, fanolorana fombafomba hafa atao amin'ny lafiny fandraharahana; rehefa feno kokoa toy izany ny ao anatiny, dia azo oharina amin'ny "annuaire social local", ka asaina mandray anjara amin'izany koa ireo "chefs de quartier" sy ireo "Délégue au maire des arrondissements"

## E) Ireo lafin-javatra anehoana ny voka-pandinihana mahakasika ny zava-derehetra nanavoana tomban'ezaka

### 1. FANDAHARAN'ASA AHITAM-PAHOMBIAZANA SY MAMPIVOATRA

Ny sary ahitana ny endriky ny fiaraha-misa amin'ny INTER-AIDE, tarafina avy tamin'ireo dinika sy hevitra nasehon'ireo olona miasa akaiky na lavitra azy dia tsara.

Ny fandaminana ny fiaraha-miombon'antoka dia hentitra. Mirafitra manodidina ireo fandaharan'asa nentin'ireo rafitra Malagasy izany fiaraha-miombon'antoka izany, ka midy mpanolotsaina teknika omen'ny INTER-AIDE amin'izany. Io mpiasa vahiny io dia manjohy ireo asa atao ao anatin'ny rafitra mandray azy, ka miezaka manome izay fara-fahaizany.

Ireo fandaharan'asa telo dia samy ahitam-pahombiazana avokoa, ka miezaka ny hanatsara ny fari-pianan'ireo fianakaviana tena sahirana eny amin'ny faritra iva eto Antananarivo.
Ireo mpiandraikitra any amin'ny rafi-pitantanana, miankina na tsia amin'ny fanjakana, dia miara-manipika ny kalitaon'ireo asa nataon'ny mpiara-miombon'antoka eto an-toerana. Ankasitrahan'ireo nahazo tombotsoa tamin'ny tetik'asa, Fokontany, rafitra fanabeazana sy komitim-paritra (mponina eny amin'ny faritra iasana) ihany koa ireny asa natao ireny.
Ny fitadiavana zavatra matotra, ny "technicité"-n'ireo ekipa sy ny firotsahany an-tsehatra dia samy tsara marihana avokoa.

Ireo fandaharan'asa tohanan'ny INTER-AIDE dia mivoatra hatrany manaraka ny fotoana:

- Ny fandaharan'asa ara-ekonomika dia mivelatra ara-toerana sy miezaka ny fampaharetana ara-drafi-pitantanana ireo asa ataony (IFM, bureau de placement), ka mampiseho ny fahavononany hivoatra hatrany.
- Ny fandaharan'asa sosialy sy fanabeazana kosa, izay mitodika amin'ireo mponina tena sahirana dia mahazo fankasitrahana. Ireo fangatahana fanitarana dia mampiseho ny fahalinana sy ny lazan'ny KOLOAINA ary OSIS. Ekena fa ireny fangatahana ireny dia azo iadian-kevitra, kanefa ny fahalinan'ireo rafi-pitantanana (CUA Ministère de la Population, de la Condition Féminine et de l'Enfance) amin'ny asa atao dia tsy latsa-danja ihany koa.

Ny fananan'ireo rafitra eto an-toerana fahaiza-manao sy ny fahazoan'ny fitokisana amin'ny fanatanterahana ny asa, dia efa ahafahan'ireo fandaharan'asa ireo mivoatra amin'ny dingana faharoa, mankamin'ny fomba fanatonana ara-drafi-pitantanana (approche institutionnelle). Io lalan-kizorana vaovao io dia tafiditra ao anatin'ny paik'ady fampaharetana ny asa ka ahazoana:

- Manamafy ny endrika ahitana ireo rafitra Malagasy,
- Manery ny ekipa hampanara-dalàna ny fomba fanatonana ampiasany,
- Ary farany dia ahafahany mampiely sy manatsoaka lesona avy amin'ireo fahaiza-manaony hoenti-mamokatra zava-baovao.

Io fampifanarahana ny zavatra atao io amin'ireo sampan-draharaha fanampariaham-pahefana[28] sy ireo sampan-draharaha "municipaux" ireo, dia tokony hosaintsaina ny hanaovana azy, fa tsy apetraka ho toy ny zavatra fanararaotana famatsiam-bola fotsiny ihany, fa tokony ho fanalahidy ao anatin'ny paik'ady fampivoarana ireo fandaharan'asa.

Ireo fahasarotana amin'ny fanatanterahana ny asa voalaza tany aloha, izay ysa afa-misaraka amin'ny asa rehetra ankehitriny, dia mifamatotra kokoa amin'ny fivoarana katsahina amin'ireo fandaharan'asa ireo, fa tsy endri-panoherana akory.

Na izany aza, ny tsy fisian'ny politikan'ireo fikambanana ireo, dia tsy ahafahana manetsika ireo fahaiza-manao ara-paik'ady (jereo§ 3-"Fipetraka vaovao")

---

[28] « Ministère de la Population, Direction inter regional de la Population de la Prévoyance Sociale et des loisirs, CISCO, Ministère du travail, de la santé, CUA, delegation d'arrondissement, FKT….»

### 2. IREO FOMBAFOMBA FAMPITAN-JAVATRA IFAMPIZARANA

Raha toa ka efa natomboka ny zotra-pivoaran'ny fampitam-pahaiza-manao sy andraikitra, ireo zavatra mbola manalasala kosa dia afaka hampitaina araka ny fomba iheverana azy :

- Ilay fomba fampitan-javatra mandeha ila dia ampiasaina sy averin'ireo « cadres » ihany koa. Izao anefa, ny fitsitsiam-potoana enti-manamarina izany fomba izany dia sarotra inoana ihany. Ny zavatra ambara amin'ireny fomba mandeha ila ireny mantsy dia saiky raisin'izay itodiahan'izany ho toy ny didy jadona, ka tsy ahazoan'ireo mpikatroka fahafaha-mihetsika firy, hany ka lasa manao fanamrinana tsy ampy faharesendahatra, na manome fanitsiana tsy dia manao jadona ahoana akory izy ireo manoloana izay nampitaina taminy.

  Ny fitarihana ireo mpiara-miombon'antoka mba hanamboatra fitaovana iasana, lalàna, fifanarahana, dia tsy azo lavina fa mitarazoka kokoa anya m-boalohany, saingy miantoka kosa aty aoriandriana ny fandraisany antanana izany ho tena zavatra novokariny, ary mampandray andraikitra azy ireo.

- Ny safidy natao, izay manome vahana ireo fanofanana dia miorina amin'ny zotra-pivoaran'ny fampiatampahaiza-manao, raha toa ireo fiofanana azo ireo ka tena ampiasaina hamokaran-javatra sy omen-danja. Ny famakafakana ny zavatra azo tamin'ny fiofanana dia mampiseho ny fiavahan'ny lanja omena ireo fiofanana mitarika tamin'ny fampiharana izay azo tamin'izany, sy ireo fiofanana nijanona tamin'ny toetrany teorika fotsiny fa tsy nampiasaina akory.

  Zava-dehibe tokoa ireo lohahevitra nanompanana ny fiofanana, satria mitombina ny fandinihana azy ireo. Ny fanomezana laharam-pahamehana ireo lafiny teknika dia mifanaraka tsara amin'ny zavatra tadiavin'ny INTER-AIDE sy ireo ekipa mpanatanteraka ny asa an-tsehatra. Izao anefa, ilaina mihitsy koa ny mandalina ireo lohahevitra afaka manokatra fomba fijery ny fandaminan'asa, sy ny paik'ady, mba hanatsarana kokoa ilay zotra-pivoaran'ny fampitan-javatra sy ahazoana mamaetraka ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny toerana ara-dalàna kokoa.
- Tsikarita fa toa tsy misy ny lamina napetraka mialoha hoenti-mitily ireo filàna momban'ny fiofanana. Ny fahalalana ara-teknika sy ny traikefa tamin'ny INTER-AIDE anefa aloha dia afaka nanarina izay fahabangana izay eo amin'ny lafin'ny fanatanterahana asa. Ireo sahan'ny paik'ady kosa dia mbola ilana ny fitiliana izay fiofanana mifanandrify amin'izany amin'izany. Ny fampiharana izany dia tafiditra ao anatin'ny fanamafisana ny fahaiza-manao ara-drafi-pitantanana.
- Tsy isalasalana fa ireo mpanolotsaina teknika dia mandray anjara sy manampy amin'ny fahazoana ireo fahaiza-manao sy ny fampandraisana andraikitra ireo mpikatroka ao amin'ny fandaharan'asa. Na izany aza anefa, ny fiandraiketana izany fanampiana ara-teknika sy fanaraha-maso izany dia mahatonga ny INTER-AIDE hihazona toerana manalasala ihany eo anivon'ireo rafitra mpiara-miombon'antoka. Ireo tompon'andraikitra Malagasy dia mahatily ny fetran'io anjara asa roa sosona io, ka mahatsapa indrindra indrindra (ary rehefa misy disadisa ihany) « io fanjohiana mavitrika » ataon'ny INTER-AIDE io. Manoloana izany, ny fahafaha-mampita zavatra dia mifanehatra amin'ny olana lehibe, satria ilay mpiara-miombon'antoka mpamatsy vola no tompon'ny laka. Izy no mitily sy manamarina ireo zavatra hanompanana ny asa hatao, ny fomba fiasa hampiasaina, ny fanomanana ireo antontan-taratasy.
- Ny fandrindrana ao amin'ireo sampan'asa samy hafa dia zavatra marefo ihany eo amin'ny lamina napetraka. Ny fomba fitondrana mijidina (verticalisation), izany hoe avy any amony no mankamin'ny aty ambany, ao amin'ilay zotra-pivoaran'ny fampitan-javatra, dia manakely ireo toe-javatra fanararaotra hifampiseraserana eo amin'ireo rafitra ireo.

  Ireo fisaintsainana paik'ady, fandaminan'asa sy politika dia tsy afaka mifameno na misy kely fotsiny eo amin'izy ireo (C-E-FOR, KOLOAINA sy OSIS).

  Ny fandrindrana asa dia mifototra kokoa amin'ireo fomba enti-manatanteraka izany (toy ny Passerelle) nohon'ny famolavolana fomba fiasa enti-mifanohana am-pirindrana eo amin'ny samy mpiara-miombon'antoka.

FAKANA TOERANA VAOVAO MITODIKA BEBE KOKOA AMIN'NY HO AVY

Ny safidy natao tamin'ny asa irobohana an-tsehatra sy ny toetoetry ny zava-misy, dia samy manosika ny INTER-AIDE hampifanosina ny toerana ipetrahany ao anatin'ny rafi-pitantanana :

- Fikarohana ny fahombiazan'ny asa mba hanatsarana ny fari-piainan'ny fianakaviana tena sahirana, izay nankinina amin'ireo ekipa miasa eto an-toerana.
- Mandray anjara amin'ny fanamafisana orina ireo fikambanana, izay efa tsinjo mialoha ihany ny mety ho fitarozahan'ny fanatanterahana ny asa.

Manoloana ireo toerana mifanosina ireo dia tsy afa-nandalina firy izay tena tokony ho fipetrany ny INTER-AIDE

Ilay fipetraka voalohany dia mifamatotra amin'ny tantaran'ny fiaraha-miombon'antoka sy ireo finiavany hanomboka ireny fandaharan'asa voalohany mitodika amin'ny mponina ireny. Ny fahombizan'ireo fandaharan'asa izany no nokatsahina kokoa, ary nanjary aminambiny ihany ny fanamafisana ireo fahaiza-manaon'ny fikambanana eto an-toerana.

Ilay fipetraka faharoa kosa dia mahakasika ny fanohanana ireo fikambanana eto an-toerana eto an-toerana ami'ny fahaiza-manao izay tafiditra amin'ny zava-kendren'ny fiaraha-miombon'antoka… tsy ny fahafahana manatontosa tsara ireny ny fandaharan'asa fotsiny, fa eo koa ny fahafahana manangona ireo hoenti-manatanteraka rehetra ilaina amin'izany sy izay hampivelarana azy[29].

Izay lafiny anefa dia efa mihoatra ny fomba fanatonana amin'ny alalan'ny fandaharan'asa, satria mitaky hoenti-manatanteraka betsaka ara-olona, ara-teknika sy ara-bola, mba ahafahany manompana ny fanohananay amin'ny fametrahana ireo mpiara-miombon'antoka aminy anaty rafitra (fitiliana ireo hoenti-manatanteraka ara-bola, fanamboarana ny fomba hitondrana ny asa mankamin'ny fahafaha-mizaka tena, fanofanana ny mpiasa sy ireo mpikambana mpanorina ny fikambanana, fahafahana mahazo vaovao hoenti-mamantatra ny tokony homena laharam-pahamehana amin'ny fampandrosoana sy ny fampivoarana ny rafi-pitantanana, fanohanana amin'ny fandaminan'asa sy fampandehanana ilay ONG eto an-toerana…)

Misy vinavina azo arafitra mba hanatsarana izay toerana ipetrahan'ny mpiara-miombon'antoka izay, ary afa-manome lanja bebe kokoa ilay fipetraka faharoa.

### 3.1 FANAVAHANA NY FANOHANANA ARA-TEKNIKA SY NY LAMINA APETRAKA MOMBA NY ARA-BOLA

Ny traikefa dia mampiseho fa tena ilaina ny fanavahana ny fanohanana ara-teknika sy ny lamina apetraka momba ny ara-bola, indrindra rehefa mahakasika ny tantsoroka omena ny rafitra anankiray. Fepetra iray ahafahan'ireo fikambanana mitsara amin-kalalahana ireo karazana laharam-pahamehany izany, ka tsy hitsabahan'ny mpamatsy vola loatra amin'izay safidy ataony. Raha tsy misy fahalalahana izay dia ho mpanapa-kevitra hatrany amin'ny ara-teknika ihany koa ny mpamatsy vola.

### 3.2 IREO LAMINA APETRAKA IZAY MIJERY NY FAHASAMIHAFANA SY NY FAHITANA AVY ATY IVELANY

Ilay lamina apetraka izay natolotra dia mifanohitra amin'ny misy ankehitriny izay mampivongovongo ireo andraikitra teknika ara-bola sy politika. Miorina amin'ny lafin-javatra telo izany.

- Lamina apetraka momba ny fanohanana ara-teknika izay afaka mitohy amin'ny alalan'ny fanomezana mpanolotsaina teknika mamita iraka isaky ny misy ilana izany, na raha toa ka mba fotoana lava, dia tokony hisy « cahiers de charge » nofaritan'ny mpiara-miombon'antoka,
- Lamina apetraka momba ny fanohanana ara-bola tantanin'ny INTER-AIDE foibe mivantana, na amain'ny alalan'ilay solontanany eto an-toerana. Ilay rafitra mpiara-miombon'antoka kosa dia mila manao tatitra amin'ny komitim-pitantanana ao aminy sy amin'ireo mpamatsy vola azy.
- Lamina apetraka momban'ny fanohanana ara-drafi-pitantanana ireo mpiara-miombon'antoka ireo, izay azo iantsoana mpanentana avy ety ivelany : fanokanana andro hamaranana ekipa manaokana hanao izany, ka hanaovana « convention-cadre » miaraka aminy.


  Ilaina ny hananan'ireo fikambanana fahafaha-mamorona paik'ady mba hamaritana izay lalan-kizorana. Ireny ambaratonga politika ireny dia tokony hampivondrona karazan'olona maro (solontanan'ireo mpahazo tombotsoa amin'ny tetik'asa, ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-drafi-pitantanana ireo olona na rafitra manana asa manakaiky kokoa ny zavatra atao…) mba hiantohana ny hevitra mitondra sy ny fitsipika ijoroana amin'ny asa atao.

  Ilay komity mpitantana na filan-kevi-pandraharahana, tohanan'ny birao iray dia tokony ho afa- miadihevitra amin'ireo lohandohany amin'ireo mpiara-miombon'antoka (INTER-AIDE)[30]. Noho izany, dia tsy tokony ho ny mpitondra ireo tetik'asa irery intsony no amabartonga afaka mamaritra ireo lalan-kizoran'ny fampandrosoana izay hatao.

[29]Nalaina tao amin'ny fifanarahana an-tsoratra teo amin'ny C-E-FOR/KOLOAINA ary INTER-AIDE : B/zava-kendrena

[30]Araky ny efa voavinavinan'ny fifanarahana an-tsoratra tany am-boalohany : andininy A/C-E-FOR : « INTER-AIDE dia manaiky ny handray andraikitra ao anatin'io zotra-pivoarana io raha toa ka manaiky dieny ety am-piandohana ny fikambanana C-E-FOR fa handamina ny rafi-pitantanany mba hitondra vokatra (…) Avy amin'izany, ny komitim-pitantanan'ny c-E-FOR dia miezaka ny hanolotra tale manana fahaiza-manao, izay hihazona ny toeran'ny mpifampiraharaha mivantana amin'ny mpanolotsaina teknika INTER-AIDE… « Andininy D/KOLOAINA : « (…) ny fandaharan'asa dia hotanterahin'ny fikambanana KOLOAINA eo ambany fitarihan'ny mpitondra azy, izay tendren'ny komity mpitantana (…)

**Fipetraka amin'ny hoavy (positionnement pour l'avenir)**




Ny fipoiran'ny rafi-pitantanana eto an-toerana (fikambanana, ONG) dia tsy inona fa vokatry ny fampifanarahana ny fitantanana ny fanatanterahana ny asa sy ny lafiny ara-politika. Ny fahafehezana ireo sahan'asa roa ireo dia ahafahana manamboatra ny fipetraka ara-drafi-pitantanana sy ahafahana mametraka ihany koa ny maha-ara-dalàna ilay rafitra.

Ny tiana holazaina amin'ny fipetraka ara-drafi-pitantanana[31], dia fomba entin'ilay rafitra manome lanja ireo herim-pivoarany azony trandrahina (fahalalana, fahaiza-manao zavatra, ny zavatra azo amin'ny ambangovangony sy ara-teorika, tambajotra, hoenti-manatanteraka isan-karazany, sns…), maka toerana sy mifampiraharaha amin'ireo mpiara-miombon'antoka aminy, mba hanatrarana ireo zava-kendrena. Koa satria izy ihany no nanamboatra ny fipetrany ho mora fantarina dia tsy hanahirana azy ny hampifandanjany fifaninanana ara-drafi-pitantanana ny hampiorina ny hasin'ny asany.

[31]Famaritana nalaina tamin'ny tatitra tomban'ezaka : HUSSON B.(CIEDEL) , DIOPM (La Kora), « partenariat entre Saint Louis du Sénégal et sa region et la ville de Lille : Evaluation des actions et du dispositif institutionnel : Propositions d'ajustement, CIEDEL, février 2001, 62p

**FAMARANANA**

Ny vokatra azo tamin'ity tomban'ezaka ity dia mampiseho fa ireo fikambanana/sampan'asa nanaovana famakafakana dia samy efa nahitana fandraisana andrikitra[32] sy fampiasana maroloha nataon'ny INTER-AIDEizy ireo tany am-piandohana, ankehitriny kosa dia efa mihamafy ireo fahaiza-manao ireo.

Amin'ny ankapobeny, dia mahafehy tsara ireo fomba fiasa ireo ekipa. Volabe no natokana tamin'ireo fanofanana sy ny fanamafisana ny fahafaha-manatanteraka ny asa, ka nahazoan'ireo rafitra ny toetra mampiavaka azy ara-teknika.
Ireo olona rehetra nihaona taminay dia samy manaiky ny fisian'izay kalitaon'ny tolotr'asa omen'izy ireo izay, sy ny fiezahany hanakaiky hatrany ireo mponina voailiky ny fiaraha-monina sy sarotra atonina ireo.
Raha toa ka izay fahafehezana asa amin'ny maha-matihanina izay no manamora ny fidiran'ireo ekipa ao anatin'ny tontolo iainana eny an-toerana ny tsy fahampian'ny famakafakana sy ny hevitra afaka hampandroso izay tsapa kosa, dia mametra ny fahafaha-manavao na mamoron-javatra ankehitriny, satria matetika dia hevitra natsidik'ireo mpanolotsaina teknika ihany ireny.

Izao anefa, ny famolavolana ireo paik'ady dia tena ilaina amin'ny fampaharetana ny asa sy ny fahafaha-mizaka tenan'ny rafi-pitantanan'ireny fikambanana ireny.

Ireo zotra-pivoaran'ny fampitan-javatra dia tsy isalasalana fa nahafahana nahazo fahaiza-manao sy fahaiza-mandray andraikitra, kanefa tokony mbola hamafisina kosa. Noho izany, ny fitadiavana fahafaha-mizaka tenan'ireo rafitra ireo dia mitoetra eo ihany, raha toa ireo fikambanana ireo mbola manatanterka ny fandaharan'asan'ny INTER-AIDE, vatsin'ny Firaisam-be Eropeana[33].
Na izany aza anefa, ny fahafaha-mizaka tena dia tsy mijanona fotsiny amin'ny lafiny ara-bola, fa eo ihany koa ny fahafahan'ireo mpiara-miombon'antoka mamaritra ireo fitsipika ifampifehezany, ireo zava-kendreny, ary koa ny fahazoana ireo enti-manana amin'ny pôlitikany.

Araka izay, dia ilaina ny hanohizana ireo zotra-pivoaran'ny fampitan-javatra ireo, ka aompana indrindra indrindra amin'ny fanamafisana ny ao anatin'ireo rafitra ireo (ankehitriny sy ny amin'ny ho avy) :

- Fandaminana ara-teknika : fampiasana ireo fahaiza-manao vaovao mifandray amin'ny fampaharetana ny asa,
- Fandaminana ireo fombofomba fandaminana asa : zotra-pivoaran'ny « Antenimiera », fandraisana anjaran'ireo ekipa amin'ny fandinihana ireo lalan-kizoran'ny asan'ilay rafi-pitantanana fa tsy eo amin'ny fanatontosana ny asa fotsiny ihany.
- Fandaminana ny rafi-pitantanana : fametrahana komity mpitantana mavitrika[34].

mpatsiahivina fa ireo likan'ady (enjeux) lehibe indrindra dia mahakasika ny:
- Ny fipetrak'ireo mpikatroka: INTER-AIDE, KOLOAINA, C-E-FOR, OSIS, ary ireo mpiara-miombon'antoka (komitim-paritra, FOKONTANY, CUA, Centre de formation, sehatra tsy miankina,…)
- Ny fandraisan'ireo ekipa ireo an-tanana ny fikarakarana ny rafi-pitantanan'ireo fikambanana ireo,
- Ny fanamboarana sy fampifanarahana tsara ireo lamina apetraka amin'ny fanohanana omena.

[32]Ny tiana hambara eo dia ny fandraisanaandraikitra sy ny fampiasana ireo fahaiza-manaon'ireo mpiara-miombon'antoka mivantana amin'ny fandaharan'asan'ny INTER-AIDE amin'ny lafiny fanatanterahana asa
[33]Ny fahafahan'ireo fikambanana mahazo famatsiam-bola mivantana dia mbola mitaky fiaraha-mandray andraikitra matotra
[34]Ireo fifanarahana fiara-miasa dia efa vita talohan'ny tena fananganana ireo komity mpitantana, rah any zava-nisy no jerena.
Ny fandraisana eo amin'ny fiaraha-miombon'antoka anefa amin'izay fotoana izay dia manjary tsy mifandanja, sady mampisy fifangaroan'ny toerana raisina (fitantanana ny fanatanterahana ny asa sy ny pôlitika, fanaraha-maso sy fanohanana)